

Date Printed: 02/05/2009

JTS Box Number: IFES_46
Tab Number: 34
Document Title: LAW ON CONSTITUTIONAL REFERENDUM
Document Date: 1992
Document Country: MAD
Document Language: MLA-FRE
IFES ID: EL00634



* A 6 2 D E 7 7 C - 6 2 2 2 - 4 0 B E - B E 5 B - 4 F B B 2 5 B B C 0 3 D *

Law/HAD/1492/004/4/a-jcc

GAZETIM-PANJAKAN NY

REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY

JOURNAL OFFICIEL DE LA RÉPUBLIQUE DÉMOCRATIQUE DE MADAGASCAR

MISEHO NY ALATSINAINY ISAN-KERINANDRO
FIZARANA VOALOHANY : LALANA,
DIDIM-PANJAKANA ARY DIDIM-PITONDRANA

Fizarana voalohany : Lalana, didim-panjakana ary didim-pitondrana.

Fizarana faharoa : Filazana ofisialy, titaomana ary fampandrenesana araka ny lalana.

Fizarana fahatelo : Fangatahana momba ny fanan-tany.

Vidin' ny tsirairay

Fizarana voalohany	160
Fizarana faharoa	200
Fizarana fahatelo	20

HEBDOMADAIRE PARAISSANT LE LUNDI
1^{re} PARTIE : LOIS, DECRETS ET ARRETES

Première partie : Lois, décrets et arrêtés.

Deuxième partie : Avis officiels, appel d'offres et annonces légales.

Troisième partie : Réquisitions domaniales.

Prix du numéro

Première partie	800
Deuxième partie	1000
Troisième partie	100

International Foundation for Election Systems

FOTOPOTONY

SOKAJY OFISIALY

REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY

Volavolan-dalampnanon' ny Repoblika' i Madagasikara	1054
---	------

GOVERNEMANTA

Hitsivolana

8 jolay 1992. — Hitsivolana laharana faha-92-016 mikasika ny Fitarana Avo momba ny Lalampnanonana	1075
Famelabalarana ny antontan' ny hitsivolana emerana ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fitsapan-kevi-bahoaka mba handaniana ny Volavolan-dalampnanon' ny Repoblika faha-III	1082
8 jolay 1992. — Hitsivolana laharana faha-92-019 emerana ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fitsapan-kevi-bahoaka mba handaniana ny Volavolan-dalampnanon' ny Repoblika faha-III	1082

MINISITERAN' NY ATITANY

13 jolay 1992. — Didim-panjakana laharana faha-92-683 anovana fitsipika mifehy ny fepetra fampiharana ireo andinindin'ny eo amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny fampisafidianam-bahoaka steo ny atarobia 19 aogositra 1992	1095
---	------

SOMMAIRE

PARTIE OFFICIELLE

REPUBLIQUE DEMOCRATIQUE DE MADAGASCAR

Projet de Constitution de la République de Madagascar	1066
---	------

GOUVERNEMENT

Ordonnances

8 juillet 1992. — Ordonnance n° 92-018 relative à la Haute Cour Constitutionnelle	1078
Exposé des motifs de l'ordonnance fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du Projet de Constitution de la III ^e République	1089
8 juillet 1992. — Ordonnance n° 92-019 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du Projet de Constitution de la III ^e République	1090

MINISTERE DE L'INTERIEUR

13 juillet 1992. — Décret n° 92-683 réglant les conditions d'application des dispositions de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 relatives au référendum du mercredi 19 août 1992	1098
--	------

	Péjy	Pages
13 jolay 1992. — Didim-panjakana laharana faha-92-685 mametra ny fandaminana ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana sy ny fombafomba fampandehanan-javatra	1100	1103
15 jolay 1992. — Didim-panjakana laharana faha-92-703 lantsoana ny mpifidy handatsa-boto ho amin' ny fampisafidianam-bahoaka ny alarobia 19 aogositra 1992 sy mandidy ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy	1104	1105
15 jolay 1992. — Didim-panjakana laharana faha-92-704 manondro ny modelin' ny valopy sy ireo taratasin-datsabato hampiasaina amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka izay hatao ny alarobia 19 aogositra 1992	1105	1106
15 jolay 1992. — Didim-panjakana laharana faha-92-705 mikasika ny famomezan-dalana hanao fampielezan-kevitra amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka izay hatao ny alarobia 19 aogositra 1992 mba handaniana ny Volavolan-dalampanorenana ny Repobika faha-III	1106	1107
15 jolay 1992. — Didim-panjakana laharana faha-92-706 mikasika ny fitondrana karatra famantarana mandritra ny fotoana aharetan' ny fifidianana amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka izay hatao ny alarobia 19 aogositra 1992 mba enti-mandany ny Volavolan-dalampanorenana ny Repobika faha-III	1108	1108
16 jolay 1992. — Tenimita laharana faha-5518-MI/SGI/DAT/AP/ELECT	1109	1118
13 juillet 1992. — Décret n° 92-685 fixant l'organisation et les modalités de fonctionnement du Conseil National Electoral (CNE)		1103
15 juillet 1992. — Décret n° 92-703 portant convocation des électeurs pour le référendum du mercredi 19 août 1992 et prescrivant la révision des listes électorales		1105
15 juillet 1992. — Décret n° 92-704 fixant le modèle de l'enveloppe et des bulletins de vote à utiliser pour le référendum du mercredi 19 août 1992		1106
15 juillet 1992. — Décret n° 92-705 relatif aux autorisations à faire campagne pour le référendum du mercredi 19 août 1992 en vue de l'adoption du Projet de Constitution de la III ^e République		1107
15 juillet 1992. — Décret n° 92-706 relatif au port de badge pendant la durée du scrutin pour le référendum du mercredi 19 août 1992 en vue de l'adoption du Projet de Constitution de la III ^e République		1108
6 juillet 1992. — Circulaire n° 5518-MI/SGI/DAT/AP ELECT		1118

REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY

VOLAVOLAN-DALAMPANORENANA

SAVARANONANDO

Ny Vahoaka Malagasy masi-mandidy,

Fatra-pifikitra amin' ny soa toavina ananany eo amin' ny laliny kolontsaina sy ara-panahy ka anisan' izany ny Fihavanana izay antoky ny Firaisam-pirenena.

Manamafy ny finoany ny fisian' Andriamanitra Andriananahary.

Manaja ny fanekena iraisam-pirenena nankatoaviny.

Mandray ho toy ny nataony ny Dina iraisam-pirenena momba ny Zon' olombelona sy ny Vahoaka sy ny Dinan' ny Afrika momba ny Zon' olombelona ary ny Fifanekena momba ny Zon' ny ankizy, ka mihevitra ireo ho toy ny isan' ny lalana velona eto amin' ny tanany.

Anteraka fa ny fivelaran' ny maha-olona sy ny maha-Malagasy azy no antoka hitondra fampandrosoana mirindra izay iarahamahalala fa mitaky ireto fepetra mavesa-danja ireto:

- ny fanajana sy ny fiarovana ny fahalelana fototra zakain' ny tsirairay sy ny besinimaro;

- ny ficerahana sy fifandanjan' ny fahefana izay tsy maintsy ampiasaina sy ampiharina araka ny fomba demokratika;

- ny fitantanana mangarahara ny raharaham-panjakana izay antoky ny fandraisan' ny olom-pirenena anjara amin' ny fitondrana sy ny fisian' ny fanaraha-maso ampy sy mahomby;

- ny fananganana Fanjakana fehezina-dalana ka ny Vahoaka sy ny Mpitondra dia samy hilefitra eo ambanin' ny fitsipi-dalana mitovy eo ambany fanaraha-maso ny fitsarana mahaleotena;

- ny fitandroana ny firaisam-pirenena amin' ny alalan' ny fifampandrosoana mifandanja amin' ny lohim-piainana rehetra;

- ny firaketana amin' ny fandriampsholemana sy ny fifankotiana vana;

- ny fiadiana amin' ny tsy fahamarinana, ny tsy fitoviana sy ny fanavakavahana amin' ny andriny rehetra;

- ny fampiharana ny fitsinjaram-pahafana mahafa isam-paritra;

Dia manambara:

FIZARANA VOALOHANY

FOTO-KEVITRA ANKAPOBERY

Andininy voalohany. — Firenena iray ny Vahoaka Malagasy ka mivondrona ho Fanjakana masi-mandidy sy laika.

Repobika tokana tsy azo zaraina, mitondra ny anarana hoe «Repoblikan' i Madagasikara» izany Fanjakana izany.

Ny demokrasia no fototra iorenan' ny Repobika. Eo amin' ny faritry ny tany-eken' ny lalana iraisam-pirenena ho azy no maha-masi-mandidy azy.

And. 2. — Ny Repoblikan' i Madagasikara dia tsinjara ho vondrombahoakam-paritra izay iantohan' ny Lalampanorenana ny fahavitan-tenany.

Ireo vondrombahoakam-paritra ireo dia mifarimbona amin' ny Fanjakana amin' ny fampandrosoana ny fianakaviambem-pirenena.

And. 3. — Tsy azo amidy na atao antoka na atakalo ny tanin' ny Repoblikan' i Madagasikara.

And. 4. — «Tanindrazana — Fahafahana — Fahamarinana» no filamatry ny Repoblikan' i Madagasikara.

Ny fanevany dia saina telo soratra: fotsy, mena, maitso vita amin' ny tsivalana telo mahitsizoro refy ka ny voalohany fotsy ary mitsangana manaraka ny tahon-tsaina, ny roa hafa mandry ka ny mena ambony ary ny maitso ambony.

«Ry Tanindrazanay malala ô» no hiram-pirenena.

Ny lalana no mametra ny fitombokasem-panjakana sy ny mari-piandrianan' ny Firenena.

Ny teny malagasy no tenim-pirenena.

And. 5. — Antananarivo no renivohitry ny Repoblikan' i Madagasikara.

And. 6. — Tompon' ny fahefana feno ny Vahoaka ka mampiasa izany amin' ny alalan' ireo solontenany lany amin' ny fifidianana andraisan' ny rehetra anjara, mivantana na tsy mivantana na amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka. Tsy misy ampaham-bahoaka na olon-tokana mahazo manendry tena hampiasa izany fahefana feno izany.

Mpifidy avokoa, araka ny fepetra voatondron' ny lalàna, ny olom-pirenena lahy sy vavy mizaka ny zon' ny isam-batan' olona sy ny zo politika.

Ny zo maha-mpifidy dia tsy verivery foana raha toa tsy noho ny didim-pitsarana raikitra.

And. 7. — Ny lalàna no anehoana ny safidim-bahoaka. Mitovy ny olona rehetra eo anatrehan' ny lalàna, na izy natao hiarovana, na izy natao handidy, na izy natao hamaizana.

And. 8. — Teraka mitovy zo ny olona rehetra eo anatrehan' ny lalàna ary samy manana fahalalahana fototra arovan' ny lalàna.

Ny Fanjakana dia mandrara tanteraka ny endri-panavakavahana rehetra, na avy amin' ny maha-lahy sy ny maha-vavy izany, na avy amin' ny fari-pahalalana, na avy amin' ny fari-pananana na avy amin' ny fiaviana, na avy amin' ny firazanana, na avy amin' ny finoana, na avy amin' ny tsy fitovian-kevitra.

FIZARANA II.

NY AMIN' NY FAHALALAHANA SY NY ZO AMAN' ANDRAIKITRY NY OLOM-PIRENENA

Laharana voalohany

Ny amin' ny zo aman' andraikitra ny isam-batan' olona sy ny zo politika

And. 9. — Ny fampiasana sy ny fiarovana ny zon' ny tsirairay sy ny fahalalahana fototra dia arindran' ny lalàna.

And. 10. — Ny fahalalahana maneho hevitra sy miteny, ny fahalalahana eo amin' ny fifandraisana, ny fahalalahana manao gazety, ny fahalalahana hiditra amina fikambanana na hanorina fikambanana, ny fahalalahana hivory malalaka, ny fahalalahana mivezivezy, ny fahalalahana amin' ny fieritreretana sy amin' ny finoana dia samy iantohana ho an' ny rehetra ary tsy azo ferana raha tsy hoe ho fanajana ny fahalalahana sy ny zon' ny hafa sy noho ny fahaterena hiaro ny filaminam-bahoaka.

And. 11. — Tsy misy faneriterena mialoha azo ampiharina amin' ny fampahalalam-baovao amin' ny endriny rehetra.

Voafaritry ny lalàna sy ny fepetra fitandroana ny hasin' ny asa fampahalalam-baovao ny fetran' ny fahalalahany sy ny andraikiny.

And. 12. — Ny tsirairay dia manana zo handao an' i Madagasikara sy hiverina eto araka ny fepetra voatondron' ny lalàna.

Zon' ny tsirairay ny mivezivezy sy manorim-ponenana an-kalalahana manerana ny tanin' ny Repoblika, rehefa voahaja ny zon' ny hafa sy ny fepetra faritan' ny lalàna.

And. 13. — Ny olona tsirairay dia iantohana amin' ny tsy fahazoana manao ankeriny nà herisetra amin' ny tenany, amin' ny fonenany sy amin' ny tsiambaratelon' ny taratasy ifandraisana.

Tsy misy fisavan-trano na toerana azo atao raha tsy alàlana omen' ny lalàna ary araka ny baiko an-tsoratra nomen' ny fahafana mpitsara afaka manao izany, afa-tsy amin' ireo izay tratra ambodiombi.

Tsy misy olona azo enjehina na samborina na tanana am-ponja raha tsy noho ny anton-javatra voafaritry ny lalàna ary araka ny fomba voalazany.

Tsy misy olona azo sazina raha tsy araka ny lalàna navoaka hanan-kery alohan' ny nanaovana ilay fihetsika mahavoasazy.

Tsy misy olona azo sazina indroa noho ny heloka tokana ihany.

Ny lalàna dia miantoka ny zo hitady ny rafiny sy ny hitsiny ho an' ny olona rehetra ary tsy vato misakana izany velively ny tsy fahampian' ny fidiram-bola aminy.

Iantohan' ny Fanjakana ny zom-piarovan-tena feno sy tsy azo hozongozonina eo anatrehan' ny antokom-pltsarana rehetra, amin' ny dingana rehetra eo amin' ny fizotry ny ady, manomboka hatrany amin' ny famotorana mialoha eo anatrehan' ny polisy na ny fampanoavana.

And. 14. — Ny olom-pirenena rehetra dia afaka mivondrona amin-kalalahana, tsy misy fanomezan-dàlana mialoha, ao anaty fikambanana ny antoko politika; na izany aza anefa dia raràna kosà ny fiforonan' ny fikambanana na antoko politika izay manohintohina ny firaisam-pirenena sy ireo manindrahindra ny fanjakazakana na ny fanavakavahana, ara-poko na ara-pinoana

Ny lalàna no mamaritra ireo fepetra fanorenana sy fisian' ireo fikambanana sy antoko politika.

And. 15. — Ny olom-pirenena tsirairay avy dia manana zo hila-tsaka hofidina amin' ireo fifidianana rehetra voalazan' ity Lalàmpanorenana ity rehefa mahafeno ny fepetra voatondron' ny lalàna ary izany dia tsy ijerena ny fananany na ny tsy fananany antoko politika ary tsy voatery hatolotr' antoko politika izy.

And. 16. — Adidin' ny olona rehetra, na iza na iza ny manaja ny Lalàmpanorenana sy ireo Andrim-panjakana ary ny didy amandalanan' ny Repoblika ary izany dia ao anatin' ny faritry ny fahalalahana demokratika eken' izao Lalàmpanorenana izao.

Laharana II

Ny amin' ny zo sy adidy momba ny toe-karena sy sosialy ary kulturaly

And. 17. — Ny Fanjakana no mandamina ho an' ny tsirairay ny fampiasana ny zo izay miantoka ny maha-izy azy sy ny fahamendrehany tsy hovoatohintohina, ny fivelarany feno ara-batana sy ara-tsaina ary ara-pitondrantena.

And. 18. — Adidy ombam-boninahitra ny fanefana ny fanompoam-pirenena voadidin' ny lalàna. Ny fanatontosana izany dia tsy manembantsembana ny toerana misy ny olom-pirenena eo amin' ny asany na ny fampiasana ny zo politika ananany.

And. 19. — Ny Fanjakana dia mankato ny zon' ny tsirairay amin' ny fiarovana ny fahasalamany dieny hatrany am-bohoka

And. 20. — Ny Fanjakana dia miantoka ny fiarovana ny ankohonana izay fototra voajanahary sy andrin' ny fiaraha-monina. Ny olona tsirairay avy dia manana zo hanorina ankohonana ary hamela holovain' ny taranany ireo fananany manokana.

And. 21. — Ny Fanjakana dia miantoka ny fiarovana ny ankohonana mba hahazoany mivelatra tsara, toy izany koa ny reny sy ny zaza amin' ny alàlan' ny famoahan-dalàna sy ny fananganana rafitra mpiahy mifanentana.

And. 22. — Ny Fanjakana dia miezaka araka izay azony atao handray ny fepetra rehetra ilaina mba hahazoana miantoka ny fivoaran' ny tsirairay ara-tsaina, ka tsy asiana fampeperana izany, afa-tsy ny fahaizana sy ny fahombiazan' ny isam-batan' olona

And. 23. — Manan-jo hianatra sy handray fanabeazana ny ankizy tsirairay avy. Amin' izany dia tompon' andraikitra ny ray aman-dreny ka hajaina ny fahalalahana hifafidy ananany.

Manan-jo hiofana amina asa ny tanora.

And. 24. — Ny Fanjakana dia mametraka lamim-pampianarana tsy andoavam-bola azon' ny rehetra arahina. Ny fampianarana ambaratonga fototra dia tsy maintsy arahin' ny rehetra.

And. 25. — Ny Fanjakana dia manaiky ny zon' ny olona hanokatra sekoly tsy miankina ary miantoka ny fahalalahana hanome fampianarana, raha toa ka voahaja ny fepetra momba ny fitandremam-pahasalamana sy ny fitondran-tena ary ny fahafahamanoa takian' ny lalàna

Ny sekoly tsy miankina dia omena zo mitovy eo amin' ny fepetra mikasika ny hetra ary ny lalàna no mametra izany.

And. 26. — Ny isam-batan' olona dia manana zo handray anjara amin' ny fiainana kulturaly iveloman' ny mpiara-belona amin' ny fanafosoana entin' ny siansa sy amin' ny vokatsoa aterak' izany.

Ny Fanjakana dia miantoka ny fiarovana ny lovan-tsaim-pirenena sy ny famokarana ara-tsaina ary ny fampivoarana azy ireo.

And. 27. — Zo sy adidy ho an' ny olom-pirenena tsirairay ny asa sy ny fiofanana amin' ny asa.

Ny fidirana amin' ny asam-panjakana dia misokatra ho an' ny olom-pirenena rehetra tsy misy fepetra afa-tsy ny fahafaha-manao sy ny fari-pahaizana.

And. 28. — Tsy misy olona azo lesohana tombontsoa eo amin' ny asa aman-draharahany noho ny maha-lahy na maha-vavy azy, noho ny taonany, noho ny finoany, noho ny heviny, noho ny fiaviany, noho ny fireban-keviny.

And. 29. — Ny olom-pirenena tsirairay dia manan-jo handray karama ara-drarin' mifanentana amin' ny hatsara sy vokatry ny asa vitany, izay miantoka ho azy sy ho an' ny ankohonany fiainana mendrika ny haja maha-olona.

And. 30. — Ny Fanjakana dia miezaka hiahny ny filan' ny olom-pirenena rehetra izay tsy afaka miasa noho ny taonany, na noho ny kilemany ara-batana na ara-tsaina, ka izany dia hataon' ny Fanjakana indrindra amin' ny alàlan' ny fananganana rafitra manana endrika sosialy.

And. 31. — Eken' ny Fanjakana ny zon' ny mpiasa tsirairay hiaro ny tombontsoany amin' ny alàlan' ny fitakiana sendikaly ary indrindra amin' ny alalan' ny fahalalahana hanangana sendika.

Na ahoana na ahoana anefa dia malalaka ny fidirana amina sendika.

And. 32. — Ny mpiasa tsirairay avy dia manana zo, indrindra amin' ny alalan' ny solontenany, handray anjara amin' ny famaritana ireo fitsipika sy fepetra momba ny asa.

And. 33. — Ekena ny zo hanao fitokonana ka araka ny fepetra voatondron' ny lalàna no anatanterahana izany.

And. 34. — Iantohan' ny Fanjakana ny fananan' ny tsirairay zo hanana fananana manokana, tsy misy fananan' olona azo ongotana aminy raha tsy noho ny tombontsoam-bahoaka kanefa izany dia tsy maintsy hialohavana onitra ara-drarin'ny.

And. 35. — Afaka mandray ny fepetra ilaina ahazoany miady amin' ny asa na fihetsika mety hanimba ny tontolo iainany na mitady hanaisotra aminy ny taniny na mitady hibodo ireo kijanan' ombiny na mitady hanimba ireo harena voajanahary na ireo kolontsainy ny Fokonolona, kanefa izany fepetra izany dia tsy tokony hanohintohina ny tombontsoa iombonana sy ny filaminam-bahoaka.

Ny sehatra sy ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia fari-tan' ny lalàna.

And. 36. — Ny fandraisan' ny olom-pirenena tsirairay anjara amin' ny vola lanian' ny Fanjakana dia tsy maintsy tsikelikely no ampitomboana azy ka hotombanana arakaraka ny fahafahany mandoa hetra.

And. 37. — Iantohan' ny Fanjakana ny fahalalahana hanangana orinasa ka ny fanajana ny tombontsoa iombonana no mametra an' izany mbamin' ny filaminam-bahoakasy ny tontolo iainana.

And. 38. — Iantohan' ny Fanjakana ny tsy fahafahana manohintohina ny renivola sy ny petrabola hamokarana.

And. 39. — Ny olon-drehetra dia manana adidy hanaja ny tontolo iainany; iantohan' ny Fanjakana ny fiarovana izany tontolo iainana izany.

And. 40. — Iantohan' ny Fanjakana ny tsy fiandiana ara-politika amin' ny fitondran-draharaham-panjakana, ny foloalindahy, ny fitsarana, ny politisy ary ny fampianarana sy ny fanabeazana.

Mandray andraikitra ny Fanjakana hanangana rafitra mahaleotena hikorakora manokana ny fampivoarana sy ny fiarovana ny zon' olombelona.

FIZARANA III

NY AMIN' NY FIRAFITRY NY FANJAKANA

And. 41. — Mizara toy izao ny firafitry ny Fanjakana:

— ny fahefana mpanatanteraka izay ahitana ny Filohan' ny Repoblika sy ny Governemanta;

— ny fahefana mpanao lalàna, izay misy ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona;

— ny fahefana mpitsara izay iandraiketan' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana, ny fitondran-draharaha sy ny fitantanambolam-panjakana, ny Fitsarana Tampony, ireo Fitsarana Ambony, ireo Fitsarana ambaratonga voalohany sy ireo sampany ary ny Fitsarana Avo.

And. 42. — Ny lalàna no mamaritra ny habetsahana sy fepetra ary fombafomban' ny tambin-karama omena izay olona voatendry hisahana andraikitra, na hamita asa, na hanatontosa iraka eo anivon' ireo Andrim-panjakana voalazan' ity Lalàmpanorenana ity.

And. 43. — Tsy misy olona voatendry hisahana andraikitra araka ny voalazan' ity Lalàmpanorenana ity mahazo mandray, ivelan' ny zony, fanomezana sy tamby na avy amin' iza na avy amin' iza olona isam-batana na olona an-kevitra ka na vahiny izany na tompon-tany, fa raha tsy izany dia aongana.

Ny lalàna no hametra ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo.

FIZARANA IV

NY AMIN' NY FAHEFANA MPANATANTERAKA

Laharana voalohany

Ny amin' ny Filohan' ny Repoblika

And. 44. — Ny Filohan' ny Repoblika no Filoham-panjakana. Amin' ny maha-ray aman-dreny azy, dia izy no mitandro ny fanajana ny Lalàmpanorenana. Izy no miantoka amin' ny alàlan' ny fanelanelanany, ny fizotra ara-dalànan' ireo fahefana rehetra; izy no miantoka ny fahaleovantenam-pirenena sy ny maha-iray tsy anombinana ny Tanindrazana iombonana ary mitandro' ny fiarovana sy ny fanajana ny fiandrianam-pirenena na eto an-toerana na any ivelany; izy no taratry ny Firaisam-pirenena.

And. 45. — Fidina hiasa dimy taona amin' ny alàlan' ny latsabato mivantana ataon' ny olom-pirenena rehetra ny Filohan' ny Repoblika; indroa ihany izy no azo fidina.

And. 46. — Izay olona milatsaka ho fidina ho Filohan' ny Repoblika dia tsy maintsy mizaka ny zom-pirenena malagasy hatreo, am-pahaterahana, ny zon' ny isam-batan' olona ary ny zony ara-politika, feno efaolo taona farafahakeliny amin' ny vaninandro hametrahany ny filatsahany ho fidina.

Tsy maintsy mametra-pialana amin' ny vaninandro mialoha ny fisokafan' ny fampielezan-kevitra ny Filohan' ny Repoblika am-perin' asa ka maniry hilatsaka ho fidina.

Ny lalàna no manondro ny fepetra hafa sy ny fombafomba fanolorana ny filatsahan-kofidina.

And. 47. — Telopolo andro farafahakeliny ary enimpolo andro farafahakeliny alohan' ny fiakaran' ny fepotoana itondran' ny Filohan' ny Repoblika am-perin' asa no anaovana ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika ary ny Governemanta no manao ny fian-tsoana.

Voafidy ho Filohan' ny Repoblika avy hatrany izay mahazo antsasa-manilan' ny vato manan-kery amin' ny fihodinana voalohany. Raha tsy tratra izany, dia asiana fihodinana faharoa ka izay mandresy amin' ireo mpilatsaka roa nahazo vato be indrindra tamin' ny fihodinana voalohany ka nisafidianana tamin' ny fihodinana faharoa no lany ho Filohan' ny Repoblika. Ny fihodinana faharoa dia atao telopolo andro farafahakeliny aorian' ny fanambarana ofisialy ny vokatry ny fihodinana voalohany.

And. 48. — Alohan' ny handraisany ny asany, ny Filohan' ny Repoblika dia manao izao fianianana manaraka izao eo anoloan' ny Firenena sy eo anatrehan' ny Antenimierampirenena, ny Antenimieran-doholona ary ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana izay novoriana manokana ho amin' izany.

«Eto anatrehan' Andriamanitra Andriananahary sy ny vahoaka, mianiana aho fa hanatanteraka an-tsakany sy andavany ary amim-pahamarinana ny andraikitra lehibe maha-Filohan' ny Fanjakana Malagasy ahy. Mianiana aho fa hampiasa ny fahefana natolotra ahy ary hanokana ny heriko rehetra hiarovana sy hanamafisana ny firaisam-pirenena sy ny zon' olombelona. Mianiana aho fa hanaja sy hitandrina toy ny anakandriamaso ny Lalàmpanorenana sy ny lalàmpanjakana, hikatsaka ny goa ho an' ny vahoaka malagasy tsy an-kanavaka».

And. 49. — Ny asa maha-Filohan' ny Repoblika dia tsy azo ampirafesina amina asam-panjakana na asan' olom-boafidy hafa, na asa hafa ankoatr' izany; tsy azo ampirafesina ihany koa amina asa hafa ao anatin' antoko politika na vondron' antoko politika.

And. 50. — Ny tsy fahafahan' ny Filohan' ny Repoblika manao ny asany intsony dia azon' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana ambara rehefa nampahafantarin' ny Antenimierampirenena azy tamin' ny alàlan' ny fanapahan-kevitra nolanian' ny roa ampahatelon' ny Solombavambahoaka mpikambanà ao amin' ny Antenimierampirenena farafahakeliny, noho ny fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana na noho ny antony hafa voamarina tsara sy voaporofa ka mahatonga azy tsy afaka hanao ny asany intsony mihitsy.

And. 51. — Azon' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana ambara ny tsy fahafahan' ny Filohan' ny Repoblika miasa vetivety rehefa nampahafantarin' ny Antenimierampirenena azy tamin' ny alàlan' ny fanapahan-kevitra nolanian' ny roa ampahatelon' ny ahay amin' ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin' ny Antenimierampirenena.

Fanapahana avy amin' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana no manaisotra ny tsy fahafahana vetivety. Izany tsy fahafahana miasa vetivety izany dia tsy tokony hihoatra ny telo volana fa raha dila izany fe-potoana izany dia tsy maintsy ambaran' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana ny tsy fahafahana miasa intsony mihitsy.

And. 52. — Raha misy fahabangan-toerana na tsy fahafahana miasa intsony na tsy fahafahana miasa vetivety, dia ny Filohan' ny Antenimierandoholona no misahana vonjimaika ny asan' ny Filohan' ny Repoblika.

Raha misy fahabangan-toerana na tsy fahafahana miasa intsony dia ao anatin' ny fe-potoana voatondron' ny andininy faha-47 etsy ambony no atao ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika vaovao.

And. 53. — Ny Filohan' ny Repoblika no manendry ny Praiminisitra araka ny fepetra voalaza ao amin' ny andininy faha-90 eto ambany.

Araka ny fanolorana avy amin' ny Praiminisitra, dia manendry ny mpikambana hafa ao amin' ny Governemanta izy sy mampitsahatra azy ireo amin' ny asany.

And. 54. — Izy no mitarika ny Filankevitry ny Minisitra.

Izy no manao sonia ny hitsivolana notapahina tao amin' ny Filankevitry ny Minisitra, araka ny toe-javatra sy ny fepetra voalazan' ity Lalàmpanorenana ity.

Izy no manao sonia ny didim-panjakana nolanianana tao amin' ny fivorian' ny Minisitra.

And. 55. — Izy no Filoha Tampon' ny Foloalindahy. Noho izany dia izy no mitarika ny Filankevitry Ambony momba ny Fiarovam-pirenena izay voatondron' ny lalàna ny firafiny sy ny andraikiny. Izy no mamaritra ny fiheverana ankapobe momba ny fiarovana, eo amin' ny fivorian' io Filankevitry io, araka ny teti-pitondrana ankapoben' ny Fanjakana.

Izy no manapa-kevitra ny amin' ny fampiasana ny tafika sy ireo fitaovana ao aminy any ivelan' ny tanin' ny Repoblika, rehefa nahazo ny teny ierana avy amin' ny Filankevitry Ambony momba ny Fiarovam-pirenena sy ny Filankevitry ny Minisitra ary ny Parlemanta.

Izy no manendry ireo miaramila voantso hisolo tena ny Fanjakana Malagasy eo anivon' ny Fikambanana iraisam-pirenena.

And. 56. — Ny Filohan' ny Repoblika no manendry sy mampody ny Masoivohon' ny Repoblika i Madagasikara sy ireo nalefa mamita iraka manokana any amin' ny Fanjakana sy Fikambanana iraisam-pirenena.

Izy no mandray ny taratasy fanendrena sy fampodiana ny solontenan' ny Fanjakana sy ny Fikambanana iraisam-pirenena ankatoviny ny Repoblika i Madagasikara.

Izy no mifampiraharaha sy mankatò ny fifanekena amin' ny any ivelany. Ampahafantarina azy ny fampiraharahana rehetra handraiketana fifanekena iraisam-pirenena tsy ilàna fankatoavana.

Eo amin' ny Filankevitry ny Minisitra no anendreny ireo olona hitana ny toerana ambony ao amin' ny asam-panjakana, izay voafetran' ny lalàna ny lisitra amin' izany. Azony afindra amin' ny Praiminisitra io fahefana io.

Izy na mampiasa avy hatrany, araka ny ilàna izany, ireo rantsamangaika mpanara-maso ny fitondran-draharaham-panjakana.

Izy no manana fahefana hamindra fo amin' ireo voasazy.

Izy no manolotra ny mari-boninahitry ny Repoblika i Madagasikara.

And. 57. — Ny Filohan' ny Repoblika no mamoaka hampanankery ny lalàna ao anatin' ny dimy ambin' ny folo andro aorian' ny nampitan' ny Antenimierampirenena ny lalàna lany erany tantaraka. Azo hafehezina dimy andro izany fe-potoana izany raha misy hamehana ambaran' ny Antenimierampirenena.

Alohan' ny fahataperan' ireo fe-potoana ireo dia azon' ny Filohan' ny Repoblika atao ny mangataka amin' ny Antenimierampirenena fandinihana indray ilay lalàna na ny andininy sasantsasany ao aminy.

Raha tsy tafavoaka hanan-kery ao anatin' ireo fe-potoana voalaza eo ambany ireo ny lalàna, dia azon' ny Filohan' ny Antenimierandoholona atao ny misolo ny Filohan' ny Repoblika amin' ny famoahana izany lalàna izany.

And. 58. — Azon' ny Filohan' ny Repoblika ravana ny Antenimierampirenena araka ny tolo-kevitra ny Filankevitry ny Minisitra, araka izay voalazan' ny andininy faha-95 eto ambany.

And. 59. — Ny Filohan' ny Repoblika, eo am-pivorian' ny Filankevitry ny Minisitra, sy rehefa nahazo ny tena ierana avy amin' ireo Filohan' ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona ary ny Filohan' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana no manambara ampahibemaso ny fotoam-pahamaizana na ny fahalatsahan' ny firenena an-katerena, na ny fampiharana ny lalàna miaramila, mba ho fiarovana ny Repoblika, ho fitandroana ny filaminam-bahoaka sy ny fandiampahalemana eto amin' ny tany sy ny Fanjakana na koa raha tahiny ka misy zava-mitranga mitaky ny fampiharana izany.

Ny fanambarana ny fahalatsahan' ny firenena an-katerena dia manome fahefana manokana ho an' ny Filohan' ny Repoblika ka amin' ny alàlan' ny lalàna no hamaritana ny fara fetran' sy fahefany.

And. 60. — Ny didy rehetra ataon' ny Filohan' ny Repoblika dia iarahany manao sonia amin' ny Praiminisitra sy izay Minisitra miadidy ny fanatanterahana azy.

Laharana II

Ny amin' ny Governemanta

And. 61. — Ny Governemanta dia ahitana ny Praiminisitra sy ireo Minisitra.

Ny Governemanta no manoritra sy manatanteraka ny politikam-panjakana.

Izy no mampiasa ny sampan-draharaham-panjakana rehetra sy ny Foloalindahy.

Tompon' andraikitra eo anoloan' ny Antenimierampirenena araka ny fepetra voalaza amin' ny fizarana faha-V eto ambany izy.

Ny Praiminisitra no Lehiben' ny Governemanta.

Tendren' ny Filohan' ny Repoblika amin' ny alàlan' ny didim-panjakana izy, araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-90 eto ambany.

Ireo mpikambana hafa ao amin' ny Governemanta dia tendren' ny Filohan' ny Repoblika izay tsy maintsy mifanaraka amin' ny tolo-kevitra ny Praiminisitra.

And. 62. — Ny asan' ny mpikambana ao amin' ny Governemanta dia tsy azo ampiarafesina amin' ny fanatanterahana andraikitra nahavaofidy eo anivon' ny vahoaka na amin' izay rehetra raharaha fisoloan-tena antokon' asa, na amin' ny asam-panjakana na amin' izay rehetra fisahanana anton-draharaha hafa handraisan-karama.

And. 63. — Mitarika ny asan' ny Governemanta ny Praiminisitra ary tompo' andraikitra eo amin' ny fandrindrana ny asan' ireo departemantan' ny minisitara.

Izy no manolotra volavolan-dalàna.

Izy no miantoka ny fampiharana ny lalàna.

Izy no miantoka ny fampiharana ny didim-pitsarana.

Izy no mampiasa ireo rantsa-mangaika mpanara-maso ny raharaham-panjakana sy manao izay hampandeha tsara ny sampan-draharaham-panjakana, ny fitantanana araka ny tokony ho izy ny volan' ny vondrom-bahoaka sy ny an' ireo antokon-draharaham-panjakana.

Izy no miantoka ny filaminam-bahoaka sy ny fitandroana ny filaminana ao anatin' ny fanajana ireo fahalalahana fototra sy ny zon' olombelona; noho izany, dia izy no mampiasa ireo hery samihafa rehetra enti-mandamina sy mitandro ny filaminana, ary miaro ny loza tsy hihatra amin' ny vahoaka no sady koa misahana ny fiarovam-pirenena.

Izy no mitarika ny Komity iraisan' ny minisitara momba ny Fiarovana izay miandraikitra ny famolavolana ny politikan' ny fiarovana eo anivon' ny Governemanta. Izy no mampiasa ny fandraharahana ankapobe momba ny fiarovana. Ny lalàna no mamaritra ny fandaminana sy ny andraikitr' ireo rafitra ireo.

Izy no Lehiben' ny Fitondran-draharaham-panjakana; izy no manendry ireo mpiasam-panjakana sivily sy miaramila ary koa ireo mpiasa amin' ny antokon-draharaha miankina amin' ny Fanjakana.

Izy no mitarika ny Filankevitry ny Governemanta.

Izy no miantoka ny firindran' ny fandrosoana isam-paritra.

Azony afindra amin' ny mpikambana ao amin' ny Governemanta ny fahefana sasantsasany izay azon' izy ireo ampitaina amin' ny hafa koa.

And. 64. — Ao amin' ny Filankevitry ny Governemanta, ny Praiminisitra dia:

— manoritra ny politika ankapobe arahan' ny Fanjakana ary miantoka ny fanatanterahana izany;

— manapaka ny volavolan-dalàna aroso amin' ny Parlemanta;

— mampiasa ny fahefana hanao didy amam-pitsipika;

— mamolavola ny teti-pivoarana ankapobe hampandrosoana ny toe-karena sy ny fiaraha-monina ary ny fanajariana;

— mifampiraharaha sy manao sonia ny fanekena iraisam-pirenena izay tsy ilàna fankatoavana;

— mampiasa ny anjara fahefana hafa izay tsy maintsy hakana hevitra amin' ny Governemanta araka ity Lalàmpanorenana ity sy ireo lalàna manokana.

And. 65. — Ny didy ataon' ny Praiminisitra dia iarahany manao sonia amin' ny Minisitara miadidy ny fanatanterahana azy raha ilaina izany.

FIZARANA V

NY AMIN' NY FAHEFANA MPANAO LALANA

Laharana voalohany

Ny amin' ny Antenimierampirenena

And. 66. — Solombavambahoakan' i Madagasikara na depiote no anarana entin' ny mpikambana ao anatin' ny Antenimierampirenena.

Efatra taona no fe-potoam-piasana ifidianan' ny olona rehetra azy ireo mivantana araka ny filatsahana ara-tarika, ka araka ny vato azo no ahazoana toerana.

And. 67. — Ny asan' ny Solombavambahoaka dia tsy azo ampiarafesina amin' ny fisahanana asam-panjakana, afa-tsy ny fampianarana, na izay rehetra fanatanterahana andraikitra nahavaofidy eo anivon' ny vahoaka.

Ny Solombavambahoaka voatendry ho mpikambana ao amin' ny Governemanta dia atsahatra avy hatrany amin' ny maha-mpikambana azy ao amin' ny Antenimierampirenena.

Foana avy hatrany rehefa mety ho fahazoana baiko hitondra teny.

And. 68. — Ny lalàna no mametra ny isan' ny mpikambana ao amin' ny Antenimierampirenena, ny fitsinjarana toerana eran' ny tany sy ny Fanjakana sy ny fizarazaran' ny fari-pifidianana ary ny fombafomba fifidianana. Izy koa no mametra ny fepetra ahafahana milatsaka ho fidiana, ny asa aman-draharaha tsy azo ampiarafesina amin' ny maha-solombavambahoaka, ny fepetra mikasika ny fanonganana azy ireo mbamin' izay fomba hifidianana ny olona asaina hisolo azy raha sendra misy ny fahabangan-toerana; mandra-panavaozana ny Antenimierampirenena.

And. 69. — Tsy misy Solombavambahoaka azo karohina, na enjehina, na samborina, na ampidirina am-ponja na tsaraina noho ny hevitra naposany, na noho ny latsabato nataony teo am-panaovana ny raharahany.

Tsy misy Solombavambahoaka azo enjehina na samborina mandritra ny fotoam-pivoriana ny Antenimierampirenena, amin' ny raharaha mikasika ny ady heloka tsotra raha tsy nahazoan-dalana tamin' ny Antenimierampirenena, raha tsy hoe tratra ambodiombay izy.

Tsy misy Solombavambahoaka azo samborina ivélan' ny fotoam-pivoriana, raha tsy nahazoan-dalana tamin' ny biraon' ny Antenimierampirenena misy azy afa-tsy raha tratra ambodiombay izy na nahazoan-dalana hoenjehina na voaheloka tanteraka.

Ny tsirairay avy dia afaka manao fitarainana any amin' ny biraon' ny Antenimierampirenena, momba ny tsy fahavitan' ny Solombavambahoaka iray ny asa nankinina taminy na momba ny fihetsika tsy mety nataony. Tsy maintsy manome valiny haingana momba izany ny biraon' maharitra.

And. 70. — Fidiana eo amin' ny fiandohan' ny fotoam-pivoriana voalohany ny Filohan' ny Antenimierampirenena sy ny mpikambana ao amin' ny biraon' ny Antenimierampirenena ny faharetan' ny fotoana ifidianana azy no maha-Filoha sy biraon' azy ireo.

Raha misy antony lehibe heverin' ny roa ampahatelon' ny Solombavambahoaka ny mahamety izany dia azo soloana ny Filoha na ny mpikambana ao amin' ny biraon' ny Antenimierampirenena.

And. 71. — Mivory ara-potoana tsy misy fepetra indroa isantaona ny Antenimierampirenena. Tsy azo atao latsaky ny enimpolo andro na mihoatra ny sivifolo andro izany. Manomboka ny talata voalohan' ny volana mey ny fotoam-pivoriana voalohany, fa ny talata faran' ny volana septambra kosa no fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra handaniana ny lalàna itantanana ny volam-panjakana.

And. 72. — Ny Filohan' ny Repoblika, amin' ny alàlan' ny didim-panjakana raisina amin' ny filan-kevitra ny Minisitara, sy ny Filohan' ny Antenimierampirenena amin' ny alàlan' ny fiantsoana, vokatry ny fangatahan' ny ampahatelon' ny mpikambana, dia samy mahazo mangataka fivoriana tsy ara-potoana ataon' ny Antenimierampirenena araka ny fandaharan-draharaha voafetra.

Tsy mihoatra ny roa ambin' ny folo andro ny fotoam-pivoriana. Na izany aza, raha vantany vao tapitra nodinihin' ny Antenimierampirenena ny fandaharan-draharaha niantsoana azy, dia faranana amin' ny didim-panjakana ny fivoriana.

And. 73. — Ampahibemaso ny fivoriana ataon' ny Antenimierampirenena. Anaovana fitanana iray izay havoaka ho fantatry ny besinimaro araka ny lalàna.

Mivory tsy ampahibemaso ny fivoriana iray hafa toa angatahin' ny Governemanta ny mpikambana ao aminy.

And. 74. — Ny Antenimierampirenena vaovao dia mivory tsy ara-potoana tsy misy fepetra, ny talata faharoa manaraka ny fanambarana ny vokatra ny fifidianana azy mba hanangana ny biraony sy hifidy ny Praiminisitra vaovao. Tsy mifarana ny fivoriana raha tsy efa nankatoaviny na voatendry ny Praiminisitra vaovao.

And. 75. — Ny fitsipika mifehy ny fandaminana ny Antenimierampirenena dia tondroin' ny lalàna eo amin' ny foto-kevitra ankapobeny sy tondroin' ny fitsipika anatin' ny amin' ny fampiharana azy.

Laharana II

Ny amin' ny Antenimieran-doholona

And. 76. — Loholona na Senateran' i Madagasikara no anarana entin' ny mpikambana ao amin' ny Antenimieran-doholona. Efa-taona ny fe-potoana iasany.

And. 77. — Ny ao anatin' ny Antenimieran-doholona dia ahitana ny roa ampahatelony, mambra voafidin' ireo solontena nofidina teo amin' ny Vondrom-bahoakam-paritra ka mitovy ny isany isaky ny fari-pifidianana; ny iray ampahatelony dia mambra solontenan' ireo hery momba ny toe-karena, sosiahy, kulturaly ary ny antokom-pinoana izay natolotry ny fikambanana sy fivondronan' olona mijoro ara-dalàna ka tendren' ny Filohan' ny Repoblika.

Ny asa maha-Senatera dia tsy azo ampirafesina amin' ny asa maha-Solombavambahoaka.

And. 78. — Havaozina isaky ny roa taona ny antsasaky ny mpikambana ao amin' ny Antenimieran-doholona amin' ireo sokajy roa ireo.

Ny lalàna no manondro ny fitsipika mifehy ny fomba fiasany, ny olona ao anatin' ny fomba anendrena ny mpikambana ao amin' ny.

And. 79. — Mandinika ny volavola sy ny tolo-dalàna rehetra ny Antenimieran-doholona.

Tsy maintsy akan' ny Governemanta hevitra izy momba ny toe-karena sy ny sosiahy ary momba ny fandaminana ny faritra.

And. 80. — Mivory tsy misy fepetra mandritra ny fivorian' ny Antenimierampirenena ny Antenimieran-doholona.

Azon' ny Governemanta-atao koa ny miantso azy hiatrika fotoam pivoriana manokana. Ny fandaharam-potoanany amin' izany dia voafetran' ny didim-panjakana fiantsoana.

Rehefa tsy mivory ny Antenimierampirenena dia tsy afaka mandinika afa-tsy ny raharaha nangatahan' ny Governemanta ny hevitra izy ka tsy tafiditra amin' izany ny volavolan-dalàna.

And. 81. — Mihatra amin' ny Antenimieran-doholona ny fepetra voalazan' ny andininy faha-68, 69, 70, 71, 73 ary 75.

Laharana III

Ny asa fanaovan-dalàna sy ny fifandraisan' ny Governemanta sy ny Parlemanta

And. 82. — Ny lalàna dia isian' ny Parlemanta araka ny fepetra voatondron' ity fizarana ity. Ny Parlemanta dia ny Antenimierampirenena sy ny Antenimieran-doholona.

Ankoatra ireo anton-javatra ampisahanin' ny andininy hafa amin' ny Lalàmpanorenana azy dia:

I. Ny lalàna no mametra ny fitsipika mikasika:

— ny zon' ny olom-pirenena sy ny antoka fototra omena ny tsirairay sy ny vondrom' olona ho amin' ny fampiasana ny zo amim-pahalalàhana:

— ny zom-pirenena sy ny maha-olom-pirenena;

— ny loloha takin' ny fiarovam-pirenena amin' ny vatan-tenan' ny olom-pirenena sy ny fananany;

— ny fandaminana ny fianakaviana, ny sata sy ny fizakan-jon' ny isam-batan' olona, ny fehin' ny fanambadiana, ny fandovana sy ny fanomezana, ny fandraisana sy ny firaketana an-dalàna ireo fomba amam-panao mikasika ny satan' ny isam-batan' olona;

— ny fananganana rafi-pitsarana vaovao sy fahefana tandrify azy avy, ny fandaminana ny rafi-pitsarana momba ny ady amin' ny Fanjakana sy ny rafi-pitsarana momba ny fitantanam-bolam-panjakana, ary ny paik' ady mikasika azy ireo, ny fitsipika mikasika ny paika tsy maintsy arahina amin' ny ady madio sy amin' ny raharaham-barotra, ny sata mifehy ny mpitsara sy ny antoky ny faha-leovantenany;

— ny famaritana ny heloka bevava sy ny heloka tsotra, ny sazy ampiharana amin' izany, ny paik' ady heloka ary ny famotsoran-heloka;

— ny fifehezana ny fananana sy ny fizaka-manana azy ary ny fepetra ahazoana manaisotra amin' ny topony ny fananany na ny fampiasana azy tsy azo lavina noho ny filan' ny besinimaro na ny famindrana ny fitompoana azy amin' ny Fanjakana;

— ny fananganana antokon-draharaham-panjakana isan-tsokajiny;

— ny fombafombam-pitidianana any amin' ny vondrom-bahoakam-paritra, ny fandaminana, ny fahefana sy ny loharanom-bolany, ny fifandraisany amin' ny Fanjakana;

— ny famindram-pananan' orinasam-panjakana amin' ny olon-tsotra;

— ny fifehezana ny famoaham-bola.

II. Ny lalàna no mamaritra ny foto-kevitra ankapobe momba:

— ny fandaminana ny fiarovam-pirenena sy ny fampiasan' ireo fahefana sivily, ny tafika sy ny hery mpitandro ny filaminana; ny sata mifehy ny miaramila sy tsy fironany na amin' ny atsy na amin' ny aroa;

— ny sata mifehy ny mpiasam-panjakana sy ny mpandraharaham-panjakana;

— ny sata mifehy ny mpampianatra ny mpikaroka ao amin' ny fampianarana ambony;

— ny sata mifehy ny polisim-pirenena;

— ny sata mifehy ny mpandraharahan' ny fonja;

— ny adidy fanefa amin' ny raharaha sivily sy amin' ny raharaham-barotra;

— ny fifampitondrana ara-dalàna eo amin' ny fifandraisan' ny mpampiasa sy ny mpiasa sy ny zo zakain' ny sendika ary ny zo hitokona;

— ny fampianarana sy ny fiofanana amin' asa aman-draharaha;

— ny fandaminana ny asa aman-draharaha mahaleotena;

— ny fiarovana ny tontolo iainana.

III. Ny lalàna no mametra ny fototra amerana ny hetra isan-karazany, ny lanjany ary ny fomba famoriana azy.

Ny lalàna fitantanam-bolam-panjakana no mamaritra ny vola miditra amin' ny Fanjakana sy ny tsy maintsy efainy ary ny fifandanjana ara-bola takian' izany; io lalàna io dia iadian-kevitra sy ianiana araka ny fepetra voatondron' ny andininy faha-88 eto ambany.

IV. Ny lalàna drafitr' asa no mamaritra ny zava-kendren' ny Fanjakana amin' ny firosahany amin' ny asa momba ny toe-karena, sosiahy ary ny fanajariana ny tany.

V. Fahefan' ny Parlemanta irery ihany ny fahazoana mamaky ady amin' ny firenen-kafa.

VI. Ny tahalatsahan' ny firenena an-katerena dia ambaran' ny Filohan' ny Repoblika amin' ny alalan' ny didim-panjakana, araka ny voalazan' ny andininy faha-59 etsy ambony; ny fanalavana azy mihoatra ny dimy ambin' ny folo andro dia mitaky fahazoan-dalàna avy amin' ny Parlemanta.

VII. Ny lalàna no mamaritra ny fameperana ny fahalalahan' ny besinimaro sy ny isam-batan' olona mandritra ny fotoana isian' ny toe-javatra manokana.

VIII. Tsy maintsy lalàna no manome alàlana hanamafisana na hankatoavana ny fifanekem-pihavanana, ny fifanekem-barotra na fifanarahana na fifanekena mikasika ny fandaminana ny rafitra iraisam-pirenen-tsamihafa, ireo izay mampiditra andraikitra hoefaina amin' ny volam-panjakana, ireo izay manova ny fepetra miendrika ny lalàna, ireo izay mikasika ny fitoetry ny olona, ny fifanekena tsy hifanafika, ireo izay misy famindràn-tompo, fifana-nakalozana na fakana tany fanampiny.

Alohan' izay rehetra fanamafisana atao, dia atolotry ny Filohan' ny Repoblika ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana ireo fifanekena mba hohamarinina raha mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana. Raha sendra tsy mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana izy ireny, dia tsy azo atao ny fankatoavana raha tsy aorian' ny fanisiana ny Lalàmpanorenana.

And. 83. — Ny anton-javatra hafa tsy tafiditra ao amin' ny faritra sahanin' ny lalàna dia mifandraika amin' ny didy amam-pitsipika. Izay rijan-teny miendri-dalàna noraisina momba ireny anton-javatra ireny dia azo ovàna amin' ny alalan' ny didim-panjakana izay havoaka rehefa milaza ny heviny ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana.

Rehefa manan-kery ity Lalàmpanorenana ity, ireo fepetra miendri-dalàna mety ho raisina dia tsy ho azo ovana amin' ny alalan' ny didim-panjakana raha tsy nambaran' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana fa miendrika didy amam-pitsipika izy araka ny voalazan' ny andalana ètsy-ambony.

And. 84. — Samy manam-pahafana hanolotra volavolan-dalàna na ny Praiminisitra na ny mpikambana ao amin' ny Parlemanta.

Ny tolo-dalàna sy ny fanitsiana atolotry ny mpikambana ao amin' ny Antenimiera dia ampahalalaina ny Governemanta izay manome ny fanamarihana ao anatin' ny telopolo andro.

Rehefa tapitra izany fe-potoana izany dia miroso amin' ny fandinihana ny tolo-dalàna sy ny fanitsiana ny Antenimiera mba handaniana azy.

Tsy azo raisina izy ireny raha miteraka fampihenana ny fampidiram-bolam-panjakana na famoronana na fampitomboana ny vola mivoaka amin' ny Fanjakana no vokatry ny fandanihana azy, afa-tsy ny mikasika ny lalàna mifehy ny fitantanam-bola.

Raha tsapa mandritra ny fizotry ny fanaovan-dalàna fa tsy tafiditra ao amin' ny faritra feheziny ny lalàna ny tolo-dalàna sy ny fanitsiana, dia afaka manambara ny tsy fahazoana mandray azy ny Governemanta.

Raha misy ny tsy fifanarahana eo amin' ny Governemanta sy ny Antenimierampirenena na Antenimieran-doholona momba izany, dia mamoaka didy ao anatin' ny valo andro ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana raha toa ka mangataka izany ny iray amin' ireo.

And. 85. — Ny fandaharan' asan' ny Parlemanta dia ahitana fiadian-kevitra momba ny volavolan-dalàna natolotry ny Praiminisitra, araka ny laharam-pahamehana sy ny filaharana notapahin' ny Governemanta.

And. 86. — Ny volavolan-dalàna sy ny tolo-dalàna rehetra dia dinihin' ny Antenimiera mandray azy voalohany vao ampitaina any amin' ny Antenimiera ankilany.

Ihandimbasan' ny Antenimiera roa tonta ny ady hevitra mandrapisian' ny fandanihana rijan-teny tokana.

Raha toa ka tsy nety lany ny volavolan-dalàna na tolo-dalàna iray rehefa novakian' ny Antenimiera tsirairay indray ka nisy tsy fifanarahana-kevitra tamin' izy roa tonta na rehefa novakian' ny Antenimiera tsirairay indray mandeha rehefa nanambara ny fisian' ny hamehana ny Governemanta, dia afaka mandray fanapahan-kevitra ny Praiminisitra hamory vaomiera ikambanana isasahana izay ampiandraikitra fanolorana rijan-teny momba ireo fepetra mbola iadian-kevitra. Ny rijan-teny novolavolain' io vaomiera ikambanana io dia azon' ny Governemanta atolotra ny Antenimiera, roa tonta mba hankatoavana. Tsy misy fanitsiana azo raisina raha tsy nahazoana ny Faneken' ny Governemanta.

Raha toa ka tsy afaka mandany rijan-teny iombonana ny vaomiera na tsy nolanianana araka ireo fepetra voalaza eo amin' ny andininy eo ambony ilay rijan-teny, dia afaka mangataka ny Antenimierampirenena ny Governemanta handray fanapahan-kevitra farany.

And. 87. — Ny Governemanta, izay manamby ny andraikiny araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-91 ètsy ambany, dia afaka mitaky amin' ny Antenimiera tsirairay mba hanapa-kevitra avy amin' ny alalan' ny latsabato tokana mikasika ny fepetra manontolo na ampahany voalazan' ny rijan-teny iadian-kevitra.

— mandritra ny fivoriana tsy ara-potoana raha toa ka voatolotra valo amby efa-polo ora mialoha ny fisokafan' ny fivoriana ireo rijan-teny ireo;

— ao anatin' ny valo andro mialoha ny fifaranan' ny fivoriana ara-potoana tsirairay avy.

And. 88. — Mandritra ny fivoriana ara-potoana faharoa no andinihan' ny Parlemanta ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana.

Ny Minisitra miandraikitra ny Tetibolam-panjakana dia manomana ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana izay lanian' ny Filankevitry ny Governemanta, eo ambany fahefan' ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta, no anaovany izany

Manana fe-potoana enimpolo andro raha kely indrindra ny Parlemanta handinihana izany.

Manana fe-potoana telopolo andro farafahelany manomboka eo amin' ny fotoana nanolorana ny volavolan-dalàna tamin' ny Antenimierampirenena mba hamakiany sy handinihana azy am-boalohany. Rehefa tsy naneho ny heviny tao anatin' izay fe-potoana izay izy, dia heverina ho toy ny efa nandany azy sahady ka dia atolotra ny Antenimieran-doholona indray ilay volavolan-dalàna.

Araka ny fepetra efa voalaza dia manana fe-potoana dimy ambin' ny folo andro manomboka eo amin' ny fampitana azy ilay volavolan-dalàna koa ny Antenimieran-doholona mba hamakiany azy am-boalohany; ary ny Antenimiera tsirairay dia samy manana fe-potoana dimy andro hanaovany ny famakiana azy manaraka.

Raha misy iray amin' ireo Antenimiera tsy maneho ny heviny tao anatin' ny fe-potoana voatondro dia heverina ho toy ny efa nanome ny faneken' ny rijan-teny natolotra hodinihiny izy.

Raha tsy nolanian' ny Parlemanta alohan' ny fiakaran' ny fivoriana faharoa ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana, dia azo ampaharina avy hatrany ireo fepetra voalazan' ilay volavolan-dalàna amin' ny alalan' ny hitsivolana no hanaovana izany, ary azo ampidirina ao izay fanitsiana neken' ny Antenimiera roa tonta.

Izay fanitsiana rehetra natao tamin' ilay volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana ka niteraka fitomboan' ny fandanihana na fihenana ny loharanom-bolam-panjakana dia tsy maintsy ampiarahina amin' ny tolo-kevitra ampitomboana ny vola miditra na ampihenana ny vola mivoaka mitovy tanja amin' izany.

Ny lalàna no mamaritra ny fomba fandanihana ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana.

Raha tsy voatolotra ara-potoana mba havoaka hanan-kery alohan' ny fiantombohan' ny taom-pitantanana, ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana amin' io taom-pitantanana io, dia mangataka alalana amin' ny Parlemanta ny Governemanta mba ahazoany mitaky hetra ary manokatra amin' ny alalan' ny didim-panjakana ny sorabola voatokana ho amin' ireo fandanihana lany latsabato teo aloha.

And. 89. — Amin' ny alalan' ny fanambarana tsy arahin' adi-hevitra no ifandraisan' ny Filohan' ny Repoblika amin' ny Parlemanta.

And. 90. — Isaky ny fiantombohan' ny fe-potoana nahavoafidy azy na raha misy fametraham-pialana ataon' ny Governemanta na noho ny antony hafa mahabanga ny toeran' ny Praiminisitra, ny Antenimierampirenena no manendry ny Praiminisitra avy amin' ireo mambra ao aminy na ivelan' ireo mambra ao aminy ka izay mahazo vato be indrindra no lany, ary izany dia ao anatin' ny fe-potoana fito andro manomboka amin' ny vaninandro fisokafan' ny fivoriana manokana ataony na manomboka amin' ny vaninandro ahitam-pototra ny fahabangan-toerana.

Ao anatin' ny dimy ambin' ny folo (15) andro mahalany azy, ny Praiminisitra dia manolotra amin' ny Antenimierampirenena ny fandaharan' asan' ny politika ankapobe arahiny.

Ny fankatoavam-pahefana dia azony amin' ny alalan' ny latsabato miaina ka ny antsasa-manilan' ny mambra ao amin' ny Antenimierampirenena no mandray azy. Ny tsirairay mihitsy no maneho ny safidiny amin' ny latsabato ary tsy azo afindra amin' ny latsabato izany. Ny Filohan' ny Repoblika no manendry ny Praiminisitra nahazo ny fankatoavam-pahefana tamin' ny Antenimierampirenena. Rehefa tsy misy fanendrena natao tao anatin' ny fe-potoana folo andro, dia manan-kery avy hatrany ny fankatoavana ny Praiminisitra nataon' ny Antenimierampirenena.

Anaovana vinavinam-bola iarahan' ny Filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana sy ny Minisitra miadidy ny Fitantanam-bola manapaka ny sorabola ilaina amin' ny fampandehanana ny asany.

Ny ankapoben' ny vola omena ary mifanandrify amin' izany dia ampidirina ao amin' ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bola.

Araka ny fifampierana ataon' ny mambra ao aminy no anokafana sy itsinjarana ny sorabola eo amin' ny tetibolan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Ny vola laniana amin' ny fampandehanana ny asa dia avoaka rehefa voasonian' ny Mpanara-maso ny fandanianana natao izay tsy mijery afa-tsy ny maha-ara-dalàna ny vola/navoaka.

Raha mandà tsy hanao sonia ny Mpanara-maso ny fandanianana natao dia manolotra fehin-teny amaliany ny anton' ny fandavana ho an' ny Praiminisitra ny Filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Amin' izay, dia mety ho didian' ny Praiminisitra ny Mpanara-maso ny fandanianana natao hanome ny soniany.

And. 17. — Ny Filoha no Lehiben' ny Fitondran-draharaha, ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Izy no mpandalàna ny vola laniana. Azony atao anefa ny mamindra amin' ny Mpanolotsaina Ambony iray ny sasantsasany amin' ireo fahefany.

And. 18. — Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no manao ny fitsipika an-tokantrony, ka mety hosoritana mazava amin' izany ny fombafomba hampiharana ny fitsipika arahina voalazan' ny fizarana III amin' izao hitsivolana izao.

Didim-pitondrana ataon' ny Filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no amaritana ny fepetra sy ny fombafomba arahina amin' ny fitantanana ny sorabola araka ny foto-kevitra sy ny fitsipika mifehy ny fitanana ny kaontim-panjakana.

And. 19. — Ny Sampan-draharaha ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia ny Kabinetran' ny Filoha, ny Fiandraiketana-draharaha, ny firaketam-boky ary Fandraharahana ny fitondran-draharaha sy ny fitantanam-bola.

Soritana, ao amin' ny fitsipika an-tokantrano ny fandaminana ny Sampan-draharaha, ny anjara raharahany sy ny fitsipika momba ny fomba fiasany ary koa ny fitsipika ankapobe mifehy ny mpiasa.

And. 20. — Azon' ny Filoha atao ny mamindra amin' ny Mpanolotsaina Ambony iray ny fitanana, amin' ny ankapobeny, iray sampan-draharaha ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Didim-pitondrana ataon' ny Filoha no anendrena ny Lehiben' ny fiandraiketana-draharaha sy ireo lehiben' ny Sampan-draharaha ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

And. 21. — Manao fianianana eo anatrehan' ny Fitsarana Avo izay mivory manokana noho izany, gy mpiasa ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana afa-tsy ireo mpandraharaha amin' ny ambaratonga ambany.

Mianiana izy ireo fa hanatontosana ny asany amin-kitsim-po tantaraka, hitandrina amin' izay rehetra ataony ny adidy aterak' izany, hifehy tena, hanaja na eny ampahibemaso na amin' ny fifandraisana amin' ny olona tsirairay, ny fitsipika momba ny fitondran-tena mendrika sy ny fahatanam-bava ary hitandrina fatratra ny tsiambaratelon' ny antontan-taratasy na ny taratasin-draharaha mety ho hitany eo am-panatontosana ny asany.

Raiketina an-tsoratra izany fianianan' izy ireo izany.

And. 22. — Ny mpiasa ao amin' ny Fitondran-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia ahitana na mpiasam-panjakana atoetra hiasa maharitra ivelan' ny efi-draharaha misy azy na ny mpandraharaha raisina mivantana amin' ny alàlan' ny fifanekena.

Ny ambaratongan' ny mari-karama, ny habetsahan' ny tamby sy ny kojakojan-karama samihafa omena ny mpandraharaha ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, dia ampitoviana amin' izay ampiharina amin' ny Asam-panjakana.

And. 23. — Ampidirina ao amin' ny volavolan-dalàna fanamari-nana ny fitantanana ny tetibolan-panjakana amin' ny teompasana, mifanandrify aminy ny kaontim-pitantanana, ny sorabolan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

And. 24. — Avoaka ara-potoana amin' ny alàlan' ny boky ireo fanapahana sy didim-pitsarana ary hevitra ambaran' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, eo ambany fitarihan' ny Filoha na ny Mpanolotsaina Ambony iray namindran' ny Filoha ny fahefany hanao izany.

And. 25. — Tompon' andraikitra ny Fanjakana amin' izay fahavoazana isan-karazany rehetra vokatra ny nataon' ireo Sampan-draharaha ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Ny talen'ny Fanaovan-dalàna sy ny Fandraharahana ny fifanolanana amin' ny Fanjakana no misolo tena ny Fanjakana eo anatrehan' ny Fitsarana itondrana ny raharaha.

And. 26. — Ny Filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no manao andri-maso ny filaminana ao anatin' io Andrimpanjakana Ambony io sy any ivelany.

Azony atao amin' izany ny miantso ny hery mpitandro ny filaminana ary izay rehetra manam-pahefana raha heveriny fa ilaina ny fanampian' izy ireny.

Azo afa mivantana any amin' ny tompon' andraikitra ny fitandroana ny filaminana ao amin' ny tanàna izany fiantsoana izany ka tsy maintsy mankato avy hatrany izy ireny.

FIZARANA III

NY AMIN' NY ANDRAIKITRY NY FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA

And. 27. — Ny ady misy fifanolanana mikasika:

- ny raharaha ho fanatanterahana ny Fisafidianam-bahoaka;
- ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika;
- ny fifidianana ireo solombavambahoaka,

dia ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no mitsara mahefa.

And. 28. — Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no mandinika ihany koa ny fiarovan-tena hilazana fa misy tsy fanajana ny Lalàmpanorenana ampongatry ny mpiady eo anatrehan' ireo sokajim-pitsarana, rehetra.

Sokajy I

Momba ny andraikitra mikasika ny fifidianana

And. 29. — Amin' ireo anton-javatra ifanolanana mikasika ny fifidianana dia an-tsoratra indrindra indrindra no fomba arahina eo amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Na izany aza anefa, rehefa hakana mpisolovava ny raharaha, ka ampandrenesin' io mialoha ny Fitsarana Avo, dia azon' io mpisolovava io atao ny famelabelarana am-bava amin' ny fotoam-pitsarana. Amin' izay dia manao ny fanamiany ny Filoha mbamin' ireo Mpanolotsaina Ambony sy ny Lehiben' ny mpiraki-draharaha ary atao ampahibemaso ny fitsarana.

And. 30. — Fitoriana famakiana ady no enti-manolotra ny raharaha hotapahin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana araka ireo fitsipika voadidy arahina ka soritan' ny rijan-teny voatokana hifehy ireo fifidianana samihafa.

And. 31. — Ny fitarainana, izay atao roa sosona ka tsy ampan-doavina hafia sy saram-panoratana, mba tsy hahafonana azy, dia tsy maintsy soniavina ary misy:

- ny anarana sy fanampin' anaran' ny mpitory;
- ny fonenany;
- ny kopian' ny kara-pifidianany izay efa voamarina eo anatrehan' ny lalàna ka maimaimpoana no anaovana izany;
- ny anaran' ilay na ireo olom-boafidy izay toherina ny fifidianana azy;
- ny tohan-kevitra sy ny antony amaharana ho fanafoanana izany.

Tsy maintsy ampiarahina amin' ny fitoriana ireo taratasy rehetra anaporofonana ny tohan-kevitra amaharana.

Metỳ ho taratasy notovana na ara-panjakana, na ihany koa tenin' ny vavolombelona voarakitra an-tsoratra ary voasonian' ny mpifidy dimy raha kely indrindra, ka nanatrika ny fitrangan-javatra na ny zava-boalaza ho tsy ara-dalàna, ireo taratasy ireo.

Masi-mandidy amin' ny fandanjanjana ny herin' ireo taratasy nampongatra ho porofo ny Fitsarana Avo.

And. 32. — Eo amin' ny ady ifanolanana mikasika ny fifidianana, ny fitarainana dia ampahafantarin' ny Fiandraiketana-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny filohan' ny birao fandatsaham-bato voakasik' izany mbamin' ilay olom-boafidy izay notoherina ny fifidianana azy.

Mikasika ny fampisafidianam-bahoaka, ny fitarainana dia ampahafantarina ny filohan' ny birao fandatsaham-bato tandrify izany.

Azon' ireo olona voakasik' izany atao, ao anatin' ny volana iray nampahafantarina azy ireo, ny manolotra ny fehin-teny hiarovan' izy ireo tena.

Raha dila izany fe-potoana izany dia samy voafetra ho dimy ambir' ny folo andro avy ny fe-potoana ananan' ny andaniny sy ny ankilany ary ifandimbiasen' ny roa tonta, araka izay anjarany avy, mba hamaliana izay fehin-teny atao hiarovan-tena na ho setrin' izany.

Azon' ny Filoha halavaina ireo fe-potoana voatoandro eo ambony ireo rahafa misy fangatahana milaza ny antony ka nampahafantarina ny ankilany telo andro ahay mialoha ny hahataperan' ny fe-potoana, na ataony an-kitsirano izao raha toa ka misy anton-javatra manokana manery ny amin' izany.

Raha tsy manolotra fehin-teny ao anatin' ny fotoana voafetra anaovany izany ny iray amin' ny mpiady, dia heverina fa vonon-ko tsaraina amin' izay ny raharaha.

And. 33. — Raha vao maharay ny fitarainana ny Filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia mamoaka didy manendry ny Mpanolotsaina Ambony ho mpampaka-teny izay manaraka ny fomba voadidy arahina ka atao momba izany.

Rehefa vonon-ko tsaraina ny raharaha, dia asain' ny Filoha soratana ao amin' ny lisitry ny raharaha hotsaraina izany ary tondroina ny vaninandro hanaovana ny fitsarana.

Ny fitoriana famakian' ady izay tsy azo noraisina na toana noho ny tsy fanajana ny fepetra voalazan' izao hitsivolana izao, dia tsy anaovana fifanakalozana fehin-teny. Soratana avy hatrany ao amin' ny lisitry ny raharaha hotsarain' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izy ireo.

Ao anatin' ny iray volana manaraka ny fanoratana azy ao amin' ny lisitry ny raharaha hotsaraina no tsy maintsy amoahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fanapahany.

And. 34. — Raha heverin' ny Fitsarana Avo ho tsy ampy tsara ny fahalalany ny toe-javatra, dia mahazo mamoaka didy savaravina mampanao famotorana na fanazavana fanampiny izy.

Tandrifin' ny hafefana ananany ny mitsara izay raharaha rehetra na paika fanolahana asetry raha misy fangatahana atao kanefa tsy mahafehy ny Fitsarana hafa ny fanapahana ataony momba izany.

Raha misy fitoriana lazain' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fa azo raisina, dia araka ny toe-javatra no anaovany na ny fanapahana izany, na ny fanarenana ireo vokatra azo, na ny fanafoanana ireo raharahan' ny birao fandatsaham-bato voakasik' izany, raha voaporofa fa ny zava-nitranga na ny raharaha natao ka toherina dia nampivaona ny fandatsaham-bato tamin' ny hitsiny ary nampibirioka ny hevitra kendren' ny latsabato nataon' ny mpifidy na raha misy fandikana miharihary izao ny fepetra voalazan' ny didy aman-dalàna velona ary koa izay fepetra voadidy ho toavin' ny daholobe.

Sokajy 2

Ny amin' ny fanolahana mikasika ny tsy fanajana ny Lalàmpanorenana

And. 35. — Raha misy mpiady milaza eo anatrehan' ny Fitsarana iray fa misy tsy fanajana ny Lalàmpanorenana, dia tsy maintsy mampiditra fangatahana any amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izy.

Atao roa mitovy ny fangatahana ary apetraka ao amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ao anatin' ny fe-potoana iray volana miantomboka amin' ny didy navoakan' ny fitsarana nampiato ny raharaha.

Izany fangatahana izany, izay tsy azo raisina raha tsy misy anton-javatra na taratasy fanamarinana iankinany ka mahamarim-pototra azy, dia ampahafatarin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ao anatin' ny fe-potoana valo andro nametrahana azy, ny Praiminisitra na ny Manam-pahefana nandray ilay fanapahana nakarina eo amin' ny Fitsarana Avo.

Manana fe-potoana iray volana io Manam-pahefana io haneho ny tohan-kevitra amaharany entiny handravana ny paika fanolahana.

Ao anatin' ny fe-potoana valo andro miantomboka amin' ny vaninandro nametrahana izany tao amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no ampahafantarina ireo tohan-kevitra ireo ny mpiady voakasik' izany, izay manana fe-potoana iray volana manomboka amin' ny andro nam-pahafantarana azy izany mba hanomezany ny valin-teniny.

Azo afohezina na halavaina ireo fe-potoana ireo raha misy fanangatahana izany na koa avy hatrany ka fanapahana omban' antonantony raisin' ny Filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no anaovana izany. Azony atao koa ny manome fe-potoana vaovao ka izany fomba izany ihany no arahina.

And. 36. — Avy amin' ny tatitra ataon' ny iray amin' ireo mambra ao aminy ary notendren' ny Filoha no amoahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fanapahana.

Tsy maintsy misy filazalazana ny antonantony amin' izany fanapahana izany.

Ny fiandraiketan-draharaha no mampahafantatra izany amin' ny Praiminisitra na amin' ny manam-pahefana izay nandray ilay fahapahana toriana ary koa amin' ilay mpangataka sy amin' ny fitsarana nanapongarana ny paika fanolahana.

Sokajy 3

Fepetra iombonana

And. 37. — Momba ny raharaha ifanolanana amin' ny fifidianana sy amin' ny fampisafidianam-bahoaka, dia didim-pitsarana no avoakan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Mpanolotsaina Ambony fito (7) raha viçsy indrindra, ka anisan' izany ny Filoha na ny Mpanolotsaina Ambony zokiolona, raha misy fahasamponana mahazo ny Filoha, no miady hevitra sy mamoaka izany didim-pitsarana izany.

Amin' ny raharaha tsirairay avy, dia misy mpampaka-teny anankiray tendren' ny Filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana amin' ireo Mpanolotsaina Ambony, raha tsy hoe ny tenany ihany no tiany hanao izany tatitra izany.

Soniavin' ny Filoha sy ny mpiraki-draharaha ny matoan-tsoratry ny didim-pitsarana ary tsy azo angatahana fampakaranà mihitsy.

Ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana no mampahafantatra izany amin' ireo rehetra miady voakasik' izany.

FIZARANA IV

FEPETRA SAMIHafa

And. 38. — Raha misy fifanolanam-pahefana eo amin' ireo samy Andrim-pitondrana eto amin' ny Fanjakana na koa eo amin' ny Andrim-panjakana iray sy vondrom-bahoakam-paritra iray na maro, ny fangatahana famelanelanana atolotry ny andaniny na ny ankilany dia alefa any amin' ny Filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, izany tangatanana izany dia tsy maintsy misy famelabelarana ny antonanton' ny fifanolanana, ny anton-kevitra amaharana ary ireo taratasy ofisialy rehetra izay manamarina amin' ny fomba hentitra ny tandrifim-pahefan' ilay Manam-pahefana mpitory.

Manana fe-potoana telopolo (30) andro manomboka amin' ny andro nandraisany ny raharaha ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mba hamoahany ny didim-pitsarana noraisiny.

And. 39. — Avoaka amin' ny *Gazetim-panjakana* ny fanapahana noraisina sy ny didim-pitsarana navoaka ary ny hevitra nomen' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

And. 40. — Amin' ny fotoana anaovana ny fitsarana ampahibemaso, dia misalotra ny fanamiana tondroin' ny didim-panjakana ny Filoha sy ireo Mpanolotsaina ary ny Lehiben' ny fiandraiketan-draharaha ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ka io Andrim-panjakana io ihany no miantsoroka ny lany amin' izany ara-bola.

And. 41. — Afahana amin' ny fandoavana ny sarany alain' ny paositra ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana eo amin' ny fanatontosana ny raharahany.

And. 42. — Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha ka mifanohitra amin' izao hitsivolana izao, indrindra ny hitsivolana laharana faha-77-032 tamin' ny 29 jona 1977.

And. 43. — Noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-4 entin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna eto an-toerana sy ny lalàna iraisam-pirenen-tsamihafa eo amin' ny fifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, dia manan-kery avy hatrany izao hitsivolana izao raha vantany vao nampahafantarina ny besinimaro tamin' ny alàlan' ny fampielezam-peo na tamin' ny fanaovana azy peta-drindrana, ankoatry ny famoahana azy amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoska hanon-kery, Antonanarivo, ny 8 jolay 1992

Guy Willy RAZANAMASY.

Avy amin' ny Praiminisitra
sady Lehiben' ny Governemanta:
Ny *Mpitahiry ny Kasem-panjakana*,
sady *Mimisitry ny Fitsarana*,
Armand RAJAONARIVELO.

GOVERNEMENT

ORDONNANCE N° 92-018
relativo à la Haute Cour Constitutionnelle

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution et la Convention du 31 octobre 1991, notamment en son article 9

En conseil de Gouvernement,

Ordonne

TITRE PREMIER

DE LA COMPOSITION DE LA HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE ET DU STATUT DE SES MEMBRES

Article premier. — Les membres de la Haute Cour Constitutionnelle sont désignés conformément aux dispositions de l'article 9 de la Convention du 31 octobre 1991. Leur désignation est constatée par décret du Premier Ministre.

Ils sont choisis en raison de leurs connaissances juridiques et doivent avoir une pratique suffisante de la magistrature de l'ordre administratif ou judiciaire, du barreau, de l'enseignement supérieur du droit ou de l'administration civile ou militaire.

Les membres de la Haute Cour Constitutionnelle sont investis d'un mandat qu'ils sont tenus d'accepter par écrit et dont mention est faite dans le décret de constatation de la désignation. Ce mandat prendra fin dès la mise en place des institutions de la III^e République.

Ils portent le titre de Hauts Conseillers à la Haute Cour Constitutionnelle et sont dotés d'une carte spéciale d'identité dont le modèle est fixé par décret.

Ils bénéficient des dispositions de l'article 512 du Code de procédure pénale lorsqu'ils sont susceptibles d'être inculpés d'un crime ou d'un délit commis dans l'exercice ou hors de l'exercice de leur mandat.

Art. 2. — La Haute Cour Constitutionnelle comprend un Président, un Haut Conseiller-doyen et neuf Hauts Conseillers.

Le Président est élu par et parmi les membres de ladite Cour. Sa désignation est constatée par décret du Premier Ministre.

Le titre de Haut Conseiller-doyen est conféré au Haut Conseiller le plus âgé. Les Hauts Conseillers prennent rang selon leur âge du point de vue de la préséance.

Art. 3. — Le mandat de membre de la Haute Cour Constitutionnelle est incompatible avec :

- celui de membre d'une autre institution ;
- tout mandat public électif ;
- l'exercice de toute fonction publique ou privée, rémunérée ou non, ainsi qu'avec l'exercice de toute activité au sein d'un parti, organisation ou regroupement politique.

Les fonctionnaires ou magistrats désignés à la Haute Cour Constitutionnelle sont placés en position de détachement et continuent à bénéficier dans leur corps d'origine des avancements en échelon, classe et grade, selon les modalités propres à leurs corps d'origine nonobstant toutes dispositions contraires.

Art. 4. — L'absence d'un Haut Conseiller est autorisée par le Président de la Haute Cour.

Art. 5. — Pendant la durée de leur mandat, les membres de la Haute Cour Constitutionnelle ne peuvent prendre aucune position publique sur les matières relevant de la compétence de la Haute Cour, ni consulter sur les mêmes matières.

Art. 6. — Le traitement, les indemnités et les avantages en nature du Président et des membres de la Haute Cour Constitutionnelle sont fixés par décret pris en conseil de Gouvernement.

Art. 7. — Un membre de la Haute Cour Constitutionnelle peut démissionner par lettre adressée à son Président qui en avise aussitôt le Premier Ministre.

Le successeur du Haut Conseiller démissionnaire doit être désigné dans un délai de quinze jours à compter de l'avis donné au Premier Ministre.

Art. 8. — Un Haut Conseiller en exercice, sauf démission préalable, ne peut être nommé à l'une des fonctions entraînant l'incompatibilité prévue par l'article 3 ci-dessus.

La Haute Cour Constitutionnelle constate, le cas échéant, la démission d'office de celui de ses membres qui, nonobstant la précédente disposition :

- aurait accepté les fonctions de membre d'une autre institution ou un mandat public électif ;
- aurait exercé une fonction publique ou privée, rémunérée ou non ;
- aurait exercé toute activité au sein d'un parti, organisation ou regroupement politique ;
- aurait pris une position publique contrairement à l'article 5 ci-dessus ;
- ou qui viendrait à perdre la jouissance de ses droits civils ou politiques.

La démission d'office prend effet à la date de la décision de la Haute Cour Constitutionnelle la constatant. Avis en est immédiatement donné au Premier Ministre.

Art. 9. — En cas d'empêchement temporaire pour quelque cause que ce soit d'un membre de la Haute Cour Constitutionnelle et dont la durée est inférieure à trois mois, il n'est pas pourvu à son remplacement.

Art. 10. — En cas d'empêchement définitif d'un membre de la Haute Cour Constitutionnelle, pour quelque cause que ce soit, empêchement dûment constaté par décision de cette Haute Cour, il est procédé à son remplacement dans un délai maximum de quinze jours, à compter de la date de la décision de constatation.

Avis est donné immédiatement au Premier Ministre de ladite décision.

Art. 11. — En cas de démission volontaire, de démission d'office ou d'empêchement définitif d'un membre de la Haute Cour Constitutionnelle, le Président de la République ou la Haute Autorité de l'Etat ou le Premier Ministre, selon cas, désigne la personnalité appelée à occuper le siège vacant.

Art. 12. — Dans le cas où la vacance concerne la présidence de la Haute Cour Constitutionnelle, il est d'abord procédé à la désignation d'un Haut Conseiller conformément aux dispositions de l'article 10 ci-dessus pour compléter ladite institution.

Le nouveau Président est élu dans les dix jours suivant la désignation.

Art. 13. — Avant d'entrer en fonction, tout Haut Conseiller doit prêter serment en audience solennelle devant :

- le Président de la République ou son représentant ;
- le Président de la Haute Autorité de l'Etat ou son représentant ;
- le Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
- les co-Présidents du Comité pour le Redressement Economique et Social ;
- le Président du Comité Militaire pour le Développement ;
- les membres du Gouvernement, dans les termes suivants :

« Je jure de remplir fidèlement et loyalement le mandat dont je suis investi au sein de la Haute Cour Constitutionnelle et d'agir en toute indépendance et impartialité dans le seul respect des principes généraux du droit et de la Convention du 31 octobre 1991 et avec le souci constant de préserver les intérêts supérieurs de la Nation. Je jure également de garder le secret des délibérations. »

Acte est dressé de la prestation de serment par le greffier en chef de la Haute Cour Constitutionnelle.

Après lecture du procès-verbal de prestation de serment, le Premier Ministre déclare le récipiendaire installé dans son mandat.

Le procès-verbal y afférent est publié au *Journal officiel* de la République.

Art. 14. — Lorsqu'un Haut Conseiller désigné se trouvait dans l'un des cas d'incompatibilité prévus à l'article 3 ci-dessus, son acceptation emporte renonciation à ses précédents mandats ou fonctions.

TITRE II

DE L'ORGANISATION DE LA HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE

Art. 15. — La Haute Cour Constitutionnelle siège à Antananarivo. Elle se réunit sur la convocation de son Président. En cas d'empêchement de celui-ci, le Haut Conseiller-doyen assure la suppléance.

Art. 16. — La Haute Cour Constitutionnelle jouit de l'autonomie administrative et financière.

Les crédits nécessaires à son fonctionnement font l'objet de propositions budgétaires arrêtés conjointement par le Président de la Haute Cour Constitutionnelle et le Ministre chargé du Budget.

La dotation globale correspondante est incorporée au projet de loi de finances.

Les crédits du budget de la Haute Cour Constitutionnelle sont répartis et ouverts par délibération de ses membres.

Les dépenses de fonctionnement sont engagées après visa du Contrôleur des dépenses engagées dont l'intervention ne peut porter que sur la régularité de celles-ci.

En cas de refus de visa par le Contrôleur des dépenses engagées, le Président de la Haute Cour Constitutionnelle saisit le Premier Ministre d'un mémoire, répliquant aux motifs du refus.

Dans ce cas, le Premier Ministre peut enjoindre au Contrôleur des dépenses engagées d'accorder son visa.

Art. 17. — Le Président est le chef de l'administration de la Haute Cour Constitutionnelle. Il est ordonnateur des dépenses. Il peut toutefois, déléguer certains de ses pouvoirs à l'un des Hauts Conseillers.

Art. 18. — La Haute Cour Constitutionnelle établit son règlement intérieur qui peut préciser les modalités d'application des règles de procédure édictée au titre III de la présente ordonnance.

Un arrêté du Président de la Haute Cour Constitutionnelle détermine les conditions et les modalités d'administration des crédits conformément aux principes et règles de la comptabilité publique.

Art. 19. — Les services de la Haute Cour Constitutionnelle comprennent le cabinet du Président, le greffe, la documentation et le fonctionnement administratif et financier.

Le règlement intérieur fixe l'organisation, les attributions et les règles de fonctionnement des services ainsi que le règlement général du personnel.

Art. 20. — Le Président peut déléguer à un Haut Conseiller la direction de l'ensemble des services de la Haute Cour Constitutionnelle.

Le greffier en chef et les chefs de services de la Haute Cour Constitutionnelle sont nommés par arrêté du Président.

Art. 21. — Le personnel de la Haute Cour Constitutionnelle, à l'exception des agents subalternes, prête serment devant la Haute Cour réunie en audience spéciale.

Ils jurent de bien et loyalement remplir leurs fonctions, d'observer en tout les devoirs qu'elles leur imposent, de s'astreindre en public comme en privé aux règles de réserve et de discrétion et d'observer scrupuleusement le secret des dossiers ou documents dont ils pourraient éventuellement avoir connaissance dans l'accomplissement de leurs tâches.

Leur prestation de serment est constatée par procès-verbal.

Art. 22. — Le personnel administratif de la Haute Cour Constitutionnelle est constitué soit par des agents de la fonction publique placés en position de détachement de longue durée soit par des agents recrutés directement sous régime contractuel.

La grille de solde, le taux des diverses indemnités et les différents accessoires servis aux agents de la Haute Cour Constitutionnelle sont alignés sur ceux de la fonction publique.

Art. 23. — Le compte d'administration des crédits de la Haute Cour Constitutionnelle est intégré dans le projet de la loi de règlement du Budget de l'Etat se rapportant à l'exercice considéré.

Art. 24. — Un bulletin des décisions, arrêts et avis de la Haute Cour Constitutionnelle est publié périodiquement sous la direction du Président ou d'un Haut Conseiller délégué par le Président.

Art. 25. — L'Etat est responsable des dommages de toute nature causés par les services de la Haute Cour Constitutionnelle.

Devant les instances qui en connaissent, l'Etat est représenté par le directeur de la Législation et du Contentieux.

Art. 26. — Le Président de la Haute Cour Constitutionnelle veille à la sécurité intérieure et extérieure de cette haute Institution

Il peut, à cet effet, requérir la force publique et toutes les autorités dont il juge le concours nécessaire.

Cette réquisition peut être adressée directement aux responsables du maintien de l'ordre de la ville qui sont tenus d'y déférer immédiatement.

TITRE III

DES ATTRIBUTIONS DE LA HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE

Art. 27. — Le contentieux :

- des opérations de référendum ;
- de l'élection du Président de la République ;
- des élections des députés,

est de la compétence de la Haute Cour Constitutionnelle.

Art. 28. — La Haute Cour Constitutionnelle connaît également des exceptions d'inconstitutionnalité soulevées par les parties devant les juridictions de tous ordres.

Section 1

Des attributions en matière électorale

Art. 29. — En matière de contentieux électoral, la procédure devant la Haute Cour Constitutionnelle est essentiellement écrite.

Toutefois, lorsqu'un avocat est constitué, celui-ci peut, s'il en informe à l'avance la Haute Cour, présenter à l'audience des observations orales. Dans ce cas, le Président, les Hauts Conseillers et le greffier en chef se mettent en robe et l'audience est publique.

Art. 30. — La Haute Cour Constitutionnelle est saisie par requête introductive d'instance selon les règles de procédure fixées par les textes particuliers régissant les différentes consultations électorales.

Art. 31. — La requête, établie en double exemplaire, dispensée de tous frais de timbre et d'enregistrement, doit, à peine de nullité, être signée et comporter :

- les nom et prénoms du requérant ;
- son domicile ;
- une copie légalisée, à titre gratuit, de sa carte d'électeur
- le nom du ou des élus dont l'élection est contestée ;
- les moyens et arguments d'annulation invoqués.

Toutes les pièces produites au soutien des moyens doivent être annexées à la requête.

Celles-ci peuvent être, soit des documents authentiques ou officiels, soit des témoignages sous forme de déclaration écrite et signée par au moins cinq témoins présents lors des faits ou de l'irrégularité invoquée.

La Haute Cour apprécie souverainement la force probante des pièces produites.

Art. 32. — En matière de contentieux électoral, la requête est notifiée par le greffe de la Haute Cour Constitutionnelle au président du bureau de vote concerné ainsi qu'à l'élu dont l'élection est contestée.

En matière de référendum, la requête est notifiée au président du bureau de vote concerné.

Les intéressés peuvent produire un mémoire en défense dans le mois de la notification.

A l'expiration de ce délai, chacune des parties dispose successivement et à tour de rôle, d'un délai de quinze jours pour répondre au mémoire en défense ou en réplique.

Les délais ci-dessus fixés peuvent être prorogés par le Président au vu d'une requête motivée notifiée à la partie adverse trois jours, au moins avant l'expiration du délai, ou d'office si des circonstances exceptionnelles l'exigent.

Si l'une des parties n'a pas présenté de mémoire dans le délai qui lui est imparti, l'affaire est réputée en état.

Art. 33. — Dès réception de la requête, le Président de la Haute Cour Constitutionnelle nomme par ordonnance le Haut Conseiller-rapporteur qui suit la procédure.

L'affaire une fois en état, le Président la fait inscrire au rôle et fixe la date de l'audience.

Les requêtes introductives d'instance frappées d'irrecevabilité, ou de nullité pour inobservation des prescriptions de la présente ordonnance ne donnent pas lieu à échange de conclusions. Elles sont immédiatement inscrites au rôle des audiences de la Haute Cour Constitutionnelle.

La décision de la Haute Cour Constitutionnelle doit intervenir dans le mois qui suit l'inscription au rôle.

Art. 34. — La Haute Cour, si elle s'estime insuffisamment informée, peut rendre des arrêts avant-dire-droit ordonnant une enquête ou un supplément d'information.

Elle a compétence pour connaître de toute question ou exception opposée à l'occasion de la requête, mais sa décision relative à une question d'état ne lie pas les autres juridictions.

La Haute Cour Constitutionnelle, si elle déclare la requête recevable, procède selon le cas, soit au rejet de celle-ci, soit à la reformation des résultats, soit à l'annulation des opérations des bureaux de vote concernés s'il a été prouvé que les faits ou les opérations contestées ont altéré la sincérité du scrutin et modifié le sens du vote émis par les électeurs ou s'il y a eu violation flagrante des dispositions législatives ou réglementaires en vigueur ainsi que des prescriptions d'ordre public.

Section 2

Des exceptions d'inconstitutionnalité

Art. 35. — La partie qui soulève l'exception d'inconstitutionnalité devant une juridiction quelconque doit saisir la Haute Cour Constitutionnelle.

La requête est déposée, en double exemplaire, au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle dans le délai d'un mois à compter de la décision de la juridiction qui surseoit à statuer.

Cette requête, qui n'est recevable que si elle est appuyée de faits ou titres lui donnant un fondement suffisant, est notifiée dans le délai de huit jours de son dépôt par le greffe de la Haute Cour Constitutionnelle au Premier Ministre ou à l'autorité dont émane la décision déferée.

Cette autorité dispose d'un délai d'un mois pour faire valoir les moyens tendant à faire rejeter l'exception.

Dans le délai de huit jours à compter de leur dépôt au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle, ces moyens sont notifiés à la partie intéressée, qui dispose d'un délai d'un mois à compter de la notification pour y répondre.

Ces délais peuvent être abrégés ou prolongés sur requête ou d'office par décision motivée du Président de la Haute Cour Constitutionnelle. Il peut, en la même forme, accorder de nouveaux délais.

Art. 36. — La décision de la Haute Cour Constitutionnelle est rendue sur le rapport d'un de ses membres désigné par le Président.

Elle doit être motivée.

Elle est notifiée par le greffe au Premier Ministre ou à l'autorité dont émane la décision déferée ainsi qu'à la partie requérante, et à la juridiction devant laquelle l'exception a été soulevée.

Section 3

Dispositions communes

Art. 37. — En matière de contentieux des élections et de référendum, la Haute Cour Constitutionnelle rend des arrêts.

Ils sont débattus et rendus par sept Hauts Conseillers au moins, dont le Président ou le Haut Conseiller-Doyen en cas d'empêchement de celui-ci.

Pour chaque affaire, un rapporteur est désigné par le Président de la Haute Cour Constitutionnelle parmi les Hauts Conseillers, à moins qu'il ne décide de faire lui-même le rapport.

Les arrêts sont signés, en minute, par le Président et le greffier en chef et ne sont susceptibles d'aucune voie de recours.

Ils sont notifiés par le greffe à toutes les parties intéressées.

TITRE IV

Dispositions diverses

Art. 38. — En cas de conflit de compétence entre des Institutions de l'Etat ou entre une Institution de l'Etat et une ou plusieurs collectivités territoriales, la requête en arbitrage présentée par l'une ou l'autre partie est adressée au Président de la Haute Cour Constitutionnelle. Elle doit comporter l'exposé du conflit, les moyens invoqués et toutes pièces officielles établissant formellement la compétence de l'autorité requérante.

La Haute Cour Constitutionnelle dispose d'un délai de 30 jours à compter de sa saisine pour rendre son arrêt.

Art. 39. — Les décisions, les arrêts et les avis de la Haute Cour Constitutionnelle sont publiés au *Journal officiel*.

Art. 40. — A l'occasion des audiences publiques, le Président, les Hauts Conseillers et le greffier en chef de la Haute Cour Constitutionnelle portent un costume défini par décret et dont la fourniture est à la charge exclusive de l'Institution.

Art. 41. — La Haute Cour Constitutionnelle bénéficie de la franchise postale pour les besoins du service.

Art. 42. — Sont et demeurent abrogées toutes dispositions antérieures contraires à la présente ordonnance, notamment l'ordonnance n° 77-032 du 29 juin 1977.

Art. 43. — En raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 4 de l'ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relatives aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, la présente ordonnance entre immédiatement en vigueur dès qu'elle aura reçu une publication par émission radiodiffusée ou affichage, indépendamment de son insertion au *Journal officiel* de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le 8 juillet 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement:

Le Garde des Sceaux, Ministre de la Justice,
Armand RAJAONARIVELO.

FAMELABELARANA NY ANTONANTON' NY HITSIVOLANA

amerana ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fampisafidianam-bahoaka mba handaniana ny volavolan-dalàmpanorenana ny Repoblika faha-III

Ny fitanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991 dia manokana ho anjara raharahan' ny Praiminisitra ny fandaminana ny fikarakarana ny fanontaniana ny fampisafidianam-bahoaka enti-mandany era ny Lalàmpanorenana vaovao mba hijoroan' ny Repoblika faha-III.

Na izany aza anefa, mba enti-misoroka izay rehetra fisalasalana na firoanahana raha eo amin' ny tena dikan-teny marina hoe « fanontaniana ny fampisafidianam-bahoaka » na « fitsapan-kevi-bahoaka » no lazaina nampiasain' ireo andaniny sy ankilany izay manao sonia ao amin' ny andininy faha-6 entin' ny Fifanarahana tondroina etsy aloha, dia ilaina mihitsy ny fanoritana mazava amin' ny antsipiriany mikasika ny fandinihana sy famakafakana latina atao hanomezan-danja ny volavolan-kevitra.

Raha heverina izany ny fitambaran' ny ankapoben-javatra raketin' ireo fepetra voalazan' io andininy io, dia tsy azo horaisina ankoatry ny hoe « fampisafidianam-bahoaka » ho fanamafisana izay efa laniera: Noho izany, ny fitsapan-kevi-bahoaka toy izany dia tsy maintsy ahitana ho fantatra tsara ny rijan-teny manontolo ao amin' ny volavolan-dalàmpanorenana narindra sy lanieran' ny Fihaonambem-pirenena. Ity farany ity anefa dia tsy hanana ny hasiny maha-izy azy mihitsy eo anatrehan' ny lalana raha tsy aorian' ny fankatoavan' ny Vahoaka amin' ny alàlan' ny vato maro an' isa azo eo amin' ireo vato manan-kery.

Koa araka izany ary, dia toko iraika ambin' ny folo no entin' izao hitsivolana izao ka raketiny ho anton-javà-dehibe, izay mamaritra ny fitsipika ilaina amin' ny fandrindrana sy fandaminana ahitam-pahombiazana eo amin' ny fakana mivantana ny safidim-bahoaka amin' ny alàlan' ny fampisafidianam-bahoaka, ary izany dia mba hisian' ny fahamarinan' ny latsabato tsy azo lavina ary iantohana ny fizaran' ny fandatsaham-bato tamin' ny hitsiny.

Noho izany, dia mifantoka amin' ireto anton-javatra manaraka ireto ny tena fototry ny fanavaozana atao:

— ny fomba fanendren' ny fivoriamben' ny Fokontany izay ho filohan' ny biraom-pifidianana sy ho filoha-lefitra ary ho mpitant-soratra ao amin' izany birao izany, ka ny fivoriamben' ny Fokontany efa nantsoina manokana hivory ho amin' izany no miadidy ny fanendrena raha vantany vao navoaka ho fantatry ny besinimaro ny didim-panjakana anaikana ny mpifidy (*jereo* andininy faha-18 sy faha-19);

— ny fitondrana marika famantarana ka tsy maintsy arahin' ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato sy ireo solontena-delege avy amin' ny komity mpanohana ary ireo mpanara-maso raha hanao izany asa izany, izay ny Fanjakana no miantoka sy ireo marika famantarana ireo no sady mitovy endrika fanontaniana ny tanim-pirenena (*jereo* andininy faha-20);

— ny fametahan' ny mpifidy-tsirairay avy ny soniany eo amin' ny lisitra fanamarihan-sonia aorian' ny nandrotsahan' izy io ny valopy tao anaty vata fandatsaham-bato. Raha tahiny ka tsy mahay manoratra ilay mpifidy, dia ny lavo-tondrony no apetany eo amin' izany lisitra fanamarihan-sonia izany ary hotovanana ny sonian' ny mambra iray ao amin' ny biraom-pifidianana (*jereo* andininy faha-22);

— ny fombafomba tsy maintsy arahin' izay rehetra mpifidy mialoha ny handaozany ny birao fandatsaham-bato, ka tsy maintsy asiana marika ny/ankihiben-tanany havia ary ny mambra iray anisan' ny ao amin' ny biraom-pifidianana no miandraikitra izany amin' ny alàlan' ny ranomainty tsy maty kosehina na vonoina, mba hisorohana ny latsabato miverimberina imbetsaka (*jereo* andininy faha-21 sy faha-22);

— ny fananganana rafi-pitondrana, izay toy izao avy:

a. Filankevi-pirenena momba ny fidiadiana izay atao ho antoka sy fanomezan-toky fa mizotra araka ny tokony ho izy ny fidiadiana ary izany dia mba hisian' ny latsabato notoavina sy ny fahamarinan' ny latsabato. Io Filankevitra io no miandraikitra ny fanaovana andrimaso farany ny fizotran' ireo raharaha rehetra mikasika ny fampisafidianam-bahoaka araka tokony ho izy (*jereo* andininy faha-23);

b. Ny addidin' ireo fikambanana ivelan' ny Fanjakana na tsy miankina amin' ny Fitondram-panjakana ka na avy eto amin' ny firenena izany, na vahiny na koa iraisam-pirenena, ary maniry ny mba ho ekena hisahana ny fanabeazana eo amin' ny fitiavan-tanindrazana ho fampivoarana ny zon' ny mpifidy, handatsa-bato sy/na ny fanaraha-maso ireo raharaha-pifidianana mandritra ny fampisafidianam-bahoaka (*jereo* ireo andininy faha-32 sy faha-33 ary faha-34 sy faha-35). Ny tanjona izay andidiana ho tratrarin' ireo mpanara-maso dia mikendry ny hanao izay ahitana fototra, ary ankoatr' izany rehetra izany, ny tsy ankinafinafina sy ny fisian' ny mampangarahara ary ny maha-ara-dalàna hatrany ny fakan-kevitra mivantana amin' ny vahoaka, miantomboka amin' ireo asa aman-draharaha fanoratana ao anatin' ny lisi-pifidianana ka hatramin' ny fandefasana ilàlana ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha mikasika ny latsabato any amin' ny Filohan' ny Vaomiera mpanisa ankapobe ny vato sy any amin' ny fiandraiketana-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Farany dia mety ny milaza mazava etoana fa ny amin' ireo anton-javatra rehetra tsy voafehin' izao hitsivolana izao, dia ampiharina ny rijan-teny mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary koa ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 8 mey 1982 nasiam-panovana mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato.

Izany no antonanton' izao hitsivolana izao.

HITSIVOLANA LAHARANA FAHA-92-019

amerana ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fampisafidianam-bahoaka mba handaniana ny volavolan-dalàmpanorenana ny Repoblika faha-III.

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana sy ny Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991,

Araka ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6-mey 1982 mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato, miaraka amin' ireo rijan-teny izay nanova na nameno azy.

Araka ny hitsivolana laharana faha-90-001 tamin' ny 9 martsa 1990 anaovana ny satam-pitondrana ankapobe ny antoko na fikambanana politika;

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-395 tamin' ny 25 martsa 1992 amerana ny fomba voadidy arahina eo amin' izay tokony ho endrik' ireo asa atao amin' ny Fihaonambem-pirenena,

Eo am-pivorian' ny Governemanta,

Dia mamoaka izao hitsivolana izao:

TOKO VOALOHANY FEPETRA ANKAPOBE

Andininy voalohany. — Ho fampiharana ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6, andalana faha-5, ao amin' ny Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991, dia izao hitsivolana izao no mametra ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fampisafidianam-bahoaka mba ho handaniana ny volavolan-dalàmpanorenana ny Repoblika faha-III.

And. 2. — Ny Praiminisitra no manapaka eo am-pivorian' ny Governemanta, ny rijan-teny atao ao amin' ny fanontaniana apektaka amin' ireo mpifidy. Ny komity izay najoro araka ny didim-panjakana laharana faha-92-395 tamin' ny 25-marsa 1992 manondro ny paika arahina eo amin' ny fomba fizotry ny asa atao amin' ny Fihaonambem-pirenena no manamarina ho to ny volavolan-dalàmpanorenana atovana io fanontaniana io.

And. 3. — Amin' ny alalan' ny didim-panjakana atao eo am-pivorian' ny Governemanta no anaikana ny mpifidy handatsa-bato ka telopolo andro ahay mialoha ny vaninandrom-pifidianana izany.

Ny mpifidy dia maneho ny heviny ka ny vato maro an' isa izay manan-kery no ahafantarana izany.

And. 4. — Ny fanontaniana mipetraka amin' ny mpifidy sy ny rijan-teny raketin' ny volavolan-dalàmpanorenana izay atovana azy dia arafitra amin' ny fiteny roa ofisialy no sady avoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika miaraka amin' ny didim-panjakana iantsoana ny mpifidy.

panjakana iantsoana ny mpifidy. Ankoatra izany, dia ampahafantarina ny besinimaro izy ireo amin' izay fomba hafa rehetra ary indrindra amin' ny alàlan' ny Fampielezam-peom-pirenena sy ny Televiziona malagasy.

TOKO II

NY AMIN' NY FANAOVANA SY NY FANAFAVOZANA NY LISITRY NY MPIFIDY

And. 5. — Ampiharina amin' ireo raharaha fanatanterahana ny fampisafidianam-bahoaka ireo fepetra voalazan' ny lalàna iombonana mikasika ny fanaovana sy ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy ary izany dia arak' izay voafaritry ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982 ka tsy mifanohitra amin' izay voalazan' izao hitsivolana izao.

Na izany aza anefa, dia hisy fanavaozana iray manokana ny lisitry ny mpifidy izao hataon' ireo vaomieran' ny fitondram-panjakana tarihin' ny filohan' ny delegasiona manokana isaky ny Fivondronampokontany ary izany dia hanomboka valo amby efapolo (48) ora aorian' ny famoahana ho fantatry ny besinimaro ny didim-panjakana anaikàna ny mpifidy ka hifarana dimy (5) andro mialoha ny fifidianana.

Ny tabilao iray fanitsiana misy ireo fanampiana sy fanesorana anarana tao amin' ny lisitry ny mpifidy izay natao hatramin' ny fanavaozana isan-taona voadidin' ny andininy faha-17 entin' ny hitsivolana laharana faha-82-016 tondroina etsy aloha, dia ampahafantarina ny besinimaro no sady alefa any amin' izay rehetra ilàna izany efatra (4) andro katroka mialoha ny vaginandro hanaovana ny latsabato ka ny filohan' ny delegasiona manokana no mikarakara izany, araka ny fepetra voalazan' ireo andininy faha-5 sy faha-6 ary faha-14 ao amin' io hitsivolana io ihany.

TOKO III

NY AMIN' NY FAMPIELEZAN-KEVITRA HO FANAZAVANA NY SAIM-BAHOAKA

And. 6. — Misy ny fari-potoana iray hanaovana fampielezan-kevitra ho fanazavana ny saim-bahoaka sy ho fampahafantarana azy ny amin' ny fampisafidianam-bahoaka alohan' ny vaninandron' ny latsabato hoenti-manazava tsara ny saina aman' eritreritry ny olom-pirenena sady mpifidy ary izany dia hifarana efatra amby roapolo ora mialoha ny vaninandro hanokafana io latsabato io.

Aorian' io famaranana voadidin' ny lalàna io, dia misy fari-potoana iray atao ho fieritreretana tsy maintsy hajaina maharitra efatra amby roapolo ora. Izay rehetra fampielezan-kevitra, na toy inona na toy inona endrika isalorany, ka atao atoan' ny fe-potoana tondroin' ny paragrafy voalohany etsy ambony, dia zary heloka noho ny fitaka atao amin' ny fandikana ny fitsipika mifehy ny fampielezan-kevitra ka tokony iharan' ireo sazy voatondron' ny andininy faha-80 amin' ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982 mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato.

Io fandràna io dia tsy mikasika ny fampitan' ny Fitondram-panjakana amin' ny vahoaka ireo vaovao sy fanazavana izay hany ara-teknika ka mikendry ny hampizotra tsara an-tsakany sy andàvany ireo asa atao momba ny fampisafidianam-bahoaka.

And. 7. — Tsy maintsy ao anatin' ny toe-tsaina anjakan' ny fifanajana mifamaly sy ny «fihavanana» no izoran' ny fampielezan-kevitra ka tsy andrenesana mihitsy teniteny foana ho filàna ady ary koa manivaiva. Izay rehetra mandika ireo fepetra ireo dia ho-toriana araka ny voalazan' ny andininy faha-49 etsy ambany.

And. 8. — Raràna mafy ary faizin' ny lalàna izay rehetra fomba fanerena mivantana na an-kolaka ampiasaina amin' ireo mpifidy entina hamoretana azy ireo mba handatsa-bato ho an' ny safidy iray, toy ny fanaovana «tsitsika» izany sy ny «fifantàna» ary ny «tangena».

Tsy azo ampiasaina anaovana fampielezan-kevitra ho amin' ny fampisafidianam-bahoaka ireo trano fivavahana, ireo toeram-piasany, ireo tranom-panjakana ary koa ireo toeram-ponenan' ny miaramila.

And. 9. — Azo omen-dàlana nanao fampielezan-kevitra amin' ny fampisafidianam-bahoaka:

1. Ireo fikambanana nanaovana fanambaràna ara-dalàna ny fiorenan'ny ka ny zava-kinendrin' izy ireo ara-pitsipi-pitondrana dia miompana amin' ny fikarakarana ny ara-toekarena sy koltoral'ny ary sosialy;

2. Ireo sendika na fivondronan' ny sendika miorina araka ny lalàna ka nanaovana fanambaràna ara-dalàna;

3. Ireo antoko na fikambanana na fitambaran' antoko politika izay miorina ka nanaovana fanambarana araka ny lalàna;

4. Izay rehetra fivondronan' olona nanao fangatahana ara-dalàna ho amin' izany.

Amin' ny vaninandro entin' ny didim-panjakana iantsoana ny mpifidy no anamarinam-pototra ny fisian' ireo fikambanana sy sendika ary antoko mbamin' ireo fikambanana politika na fitambaran' antoko politika eo anatrehan' ny lalàna.

And. 10. — Araka ny fepetra sy fomba ary fe-potoana voafaritry ny didim-panjakana no anomezana ireo fahazoan-dàlana hanao fampielezan-kevitra.

And. 11. — Mandritra ny vanim-potoana aharetan' ny fampielezan-kevitra, ireo olona manana ny fahazoan-dàlana ho amin' izany dia mahazo mametaka eny amin' ny toerana voatokana hanaovana izany ireo peta-drindrina izay tsy andoavana saran' hajia. Tsy maintsy miloko hafa ankoatry ny fotsy izany peta-drindrina izany.

And. 12. — Mandritra ny fe-potoana aharetan' ny fampielezan-kevitra momba ny fampisafidianam-bahoaka dia raràna izay rehetra fitokanana ofisialy.

And. 13. — Tsy misy tomo sy hala fa tsy maintsy ho ardrarin'ny ny fomba fitsinjarana ny fotoana ahazoana miteny ao amin' ny Fandefasam-peo sy ny Televiziona Malagasy eo amin' ireo izay samy mpomba ny valin-teny «ENY» sy ny valin-teny «TSIA».

Torak' izany koa ny momba ny fampiasana ireo kianja sy trano falehan' ny besinimaro.

And. 14. — Ireo takela-kazo na takela-by fanaovana peta-drindrina ho hitam-bahoaka dia misy toerana voadidy hampiasaina izay mitovy refy ary tsinjaraina toy izao:

1. ny peta-drindrina ofisialy;

2. ny peta-drindrina ho an' ny fitambaran' ireo rehetra mpomba ny valin-teny «ENY»;

3. ny peta-drindrina ho an' ny fitambaran' ireo rehetra mpomba ny valin-teny «TSIA».

Ny Fanjakana no miandraikitra ny fanamboarana sy fametra hana amin' ny toerany ireny takela-javatra (hazo na vy) fanaovana peta-drindrina ireny.

Misy takela-javatra iray tsy maintsy atao talaky maso tsara mba ho hitan' ny besinimaro eo ivelan' ny fidirana mankao amin' ny birao fandatsaham-bato tsirairay avy.

Voarara ny fanaovana ao anatin' ny birao fandatsaham-bato izay rehetra peta-drindrina, eny fa na dia ireo taratasin-draharaha ofisialy na taratasim-panjakana aza, ary koa rehefa miety ho sarinteny zary fanentanana vita an-tsoratra mibaribary.

Voarara toy izany koa ny fanaovana fampielezan-kevitra ao amin' io toerana io.

TOKO IV

MOMBA NY FANAOVANA PIRINTY SY NY FIZARANA IREO TARATASIN-DATSABATO

And. 15. — Valopy iray misy fitomboka ary taratasin-datsabato roa no omena ampiasain' ny mpifidy ka ny iray amin' io taratasin-datsabato io mitondra ny valin-teny «ENY» fa ny iray kosa mitondra ny valin-teny «TSIA» ka tsy misy hafa ankoatr' ireo.

Ny Fitondram-panjakana no mandefa ilàlana hatrany amin' ny birao fandatsaham-bato tsirairay avy ireo taratasin-datsabato vita pirinty ka omen' ny Fanjakana miaraka amin' ireo valopy sy koja-koja ilaina amin' ny fifidianana.

Didim-panjakana no mametra ny modely ary ny teny voalahatra an-tsoratra atao eo ivelan' ny valopy sy ao anatin' ny taratasin-datsabato

TOKO V

MOMBA IREO BIRAO FANDATSAHAM-BATO

And. 16. — Tsy azo ampiasaina ho toy ny birao fandatsaham-bato ireo trano fivavahana sy tranon' olon-tsotra ary ireo toeram-ponenan' ny miaramila.

Raha tahiny ao amin' ny Fokontany ka tsy misy na iray aza trano falehan' ny besinimaro azo iafolan' ny birao fandatsaham-bato, reo tompon' andraikitra ao amin' ny komitim-paritry ny fandriampahalemana dia tsy maintsy mamandre izany ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany raha vantany vao mivoaka ny didim-panjakana manaika ny mpifidy mba ahazoan' ity farany mandray izay fepetra voadidy arahina.

And. 17. — Ny amin' ny birao fandatsaham-bato dia ahitana filoha iray, filoha-lefitra iray, mpitsara mpanampy efatra ary mpitan-tsoratra iray. Ho fakàn-kevitra fotsiny ihany ity farany raha misy fifampierana ataon' ny birao.

And. 18. — Ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato dia mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra, voasoratra anarana ao amin' ny listry ny mpifidy ao anatin' ny Fokontany.

Ny fivoriamben' ny Fokontany izay mivory manokana ho amin' izany no manendry ny filoha sy ny filoha-lefitra ary ny mpitan-tsoratra raha vantany vao mivoaka ho fantatry ny besinimaro ny didim-panjakana anaikana ny mpifidy. Hita fototra amin' ny alàlan' ny fanapahana ataon' ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany io fanendrena io.

Ireo mpitsara mpanampy dia tsinjaraina ka atao mitovy ny isany eo amin' ireo izay nanao fampielezan-kevitra ho an' ny valin-teny « ENY » sy ho an' ireo fatra-panindrahindra ny valin-teny « TSAIA ». Izy ireo dia notendren' ny komity mpanohana azy ireo avy izay mijoro araka ny fepetra voalazan' ireo andininy faha-26 sy faha-28 ary faha-29 etsy ambany.

Raha miharihary ny tsy fahombiazan' ny komity mpanohana, dia ny filohan' ny birao fandatsaham-bato no manendry ireo mpitsara mpanampy amin' izay mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra tonga manatrika eo amin' ny fisokafan' ny latsabato.

And. 19. — Raha toa ka mihitsoka mihitsy ny paika arahina eo amin' ny fanendrena ny filoha sy ny filoha-lefitra ary ny mpitan-tsoratra ny birao fandatsaham-bato arak' izay voalaza mazava ao amin' ny andàlana faha-2 entin' ny andininy faha-18 etsy ambony ka, na noho ny tsy fisian' ny mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra izany, na noho ny tsy fahatrarana ny isa ilaina mba hampanan-kery ny fanapahan-kevitra ny fivoriamben' ny Fokontany araka ny fepetra voatondron' ny andininy faha-29 (vao-va), andàlana voalohany amin' ny hitsivolana laharana faha-76-044 tamin' ny 27 desambra 1976 mametra ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny Vondrom-banoaka itsinjaram-pahetana sy ny fomba fiasany ary ny anjara raharahany, dia ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany na Firaisampokontany no manendry, valo andro ahay mialoha ny vaninandron' ny latsabato olon-kafa mahafeno ny fepetra ilaina no sady monina ao anatin' ny faritry ny tany iadian' ny Fivondronampokontany.

And. 20. — Mandritra ny fotoana aharetan' ny latsabato, ny fitondrana marika famantarana izay didim-panjakana no mametra ny endriny sy ny modeliny, dia atao na ho an' ireo mambra ao amin' ny biraom-pifidianana izany, na ho an' ireo solontena-delegè sy mpanara-maso nekena hisahana ny andraikiny. Manerana ny Tanim-pirenena, dia mitovy endrika avokoa ireo marika famantarana omen' ny Fanjakana.

And. 21. — Alohan' ny hidiran' ny mpifidy ao amin' ny birao fandatsaham-bato, ny mambra iray anisan' ny birao dia manamarina, mialoha ny zava-drehetra, sao efa misy ilay marika tsy maty vonoina, natao araka ny fomba tondroin' ny andàlana farany amin' andininy faha-22 etsy ambany, ny ankihiben-tànana havian' ilay mpifidy.

And. 22. — Aorian' ny fandrotsahan' ny mpifidy ny valopy ao anatin' ny vata fandatsaham-bato, dia soniaviny ny lisitra fanamarihan-tsonia. Raha tsy mahay manoratra izy dia ny lavotondrony no apetany ep amin' ny lisitra fanamarihan-tsonia ka tovanana ny soniany ny mambra iray ao amin' ny birao fandatsaham-bato.

Mambra iray ao amin' ny birao no tsy maintsy manamarina tsara fa mitovy amin' izay mipetaka ao amin' ny kara-pifidianana io sonia io. Miaraka amin' izany koa dia misy mpitsara mpanampy iray manamarika ny vaninandro nandatsaham-bato sy mametaka ny soniany ao amin' ny faritra voatokana ho amin' izany eo amin' ny kara-pifidianana.

Mialoha ny handaozan' ny mpifidy ny birao, dia asian' ny mambra iray, anisan' ny birao marika amin' ny ranomainty tsy maty vonoina ny ankihiben-tànana haviany. Raha sendra ka mondro izany rantsan-tànana izany, dia ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato no manapa-kevitra ny amin' ny safidy atao eo amin' izay rantsan-tànana hasiana marika no sady mampanoratra ny filazana momba izany ao anatin' ny lisitra fanamarihan-tsonia. Izy fandavana tsy hanaraka io fombafomba io izay atao mba hisorohana dieny mialoha ny latsabato miverimberina imbetsaka, dia tokony iharan' ny sazy votondron' ny andininy faha-473 ao amin' ny Fehezan-dalàna famaizana. Ny filohan' ny biraom-pifidianana no mahita fototra izany fandavana izany amin' ny alàlan' ny fanaovana fitàna an-tsoratra iray ka mandefa azy ity any amin' ny Mpitsara Mpampanoa lalàna; afaka izy amin' izany mikasika ny fanarahana ireo fombafomba tondroin' ny andininy faha-128 ao amin' ny Fehezan-dalàna momba ny paika ady heloka.

TOKO VI

MOMBA NY ANTOKA HO FANOMEZAN-TOKY FA MIZOTRA AN-TSAKANY SY AN-DAVANY IREO RAHARAHAKA MIKASIKA NY FAMPISAFIDIANAM-BAHOAKA

And. 23. — Filankevi-pirenena iray momba ny fifidianana (CNE) izay atao antoka sy fanomezan-toky fa tsy mivaona amin' ny hitsiny ny fifidianana ary mizotra an-tsakany sy an-davany ny latsabato, no miandraikitra ny fanaovana andri-maso ireo raharaha rehetra atao mba hampandeha tsara ny fampisafidianam-bahoaka.

Noho izany, dia izy no mitarika sy mandrindra izay ezaka atao ka ilaina mba ho fampandehana araka ny tokony ho izy ireo raharaha mikasika ny fampisafidianam-bahoaka.

Ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana (CNE) dia tompon' andraikitra eo anatrehan' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta ny amin' izay asa sahaniny.

Arak' izany, dia izy no miantoka ny fanampian' ireo sampan-draharahan' ny Fitondram-panjakana eo amin' izay rehetra atao no sady mahazo fanomezana iray manokana eo amin' ny sora-bola ampiasaina avy amin' ny Tetibola ankapoben' ny Fanjakana. Azony atao raha misy ilàna izany, ny mitondra ny raharaha eo amin' ireo manampahefana ara-pitondrana momba izay rehetra fepetra ilàna ny fidiran' ny hery mpitandro ny filaminana an-tsehatra.

And. 24. — Ho fampandehana ny fampiharana ireo fepetra voalazan' ny didy aman-dalàna mifehy ny fitantanam-bolampanjakana, dia tsy ampiharana amin' ny fitantanana ireo tahirimbola omena ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana (CNE) ny fitsipika mifehy ny fitanana-kaontim-panjakana. Na izany aza anefa, ireo kaontim-bolan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana (CNE) dia tsy maintsy eo ambany fanaraha-maso ombampanamarinan' izay tompon' andraikitra voatokana ho amin' izany avy aty ivelany no sady mahefa eo amin' ny lafiny rehetra.

And. 25. — Didim-panjakana atao eo am-pivorian' ny Governemanta no mametra izay ho anisan' ny mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana (CNE) sy ny fomba fanendrena azy ireo ary ny fombafomba fampandehanan-draharaha na fiasan' izany Filankevi-pirenena izany.

TOKO VII

NY AMIN' IREO SOLONTENA-DELEGE SY IREO MPANARA-MASO

And. 26. — Ireo fikambanana, sendikà, antoko politika na fitambaran' olona izay efa nahazo alàlana mazava tokoa no sady manana ny taratasy ara-dalàna nomena araka ny andininy faha-9 etsy ambony, dia tsy maintsy miforona ho komity mpanohana ka komity mpanohana iray ho an' ny fitambaran' ireo rehetra mpomba ny valin-teny «ENY» ary komity mpanohana iray ho an' ny fitambaran' ireo rehetra mpomba ny valin-teny «TSIA».

Ny komity mpanohana tsirairay dia tsy maintsy manendry solontena-delege iray tompon-toerana ary solontena-delege iray mpisolo toerana izay omem-pahefana hanara-maso ireo raharaha rehetra momba ny latsabato, ny fisarihana ny taratasy-datsabato ary ny fanisana ny vato any amin' ny biraom-pifidianana tsirairay avy ka voatondron' ny iraka ampanaovina azy, ary koa ny fampanoratana ao anatin' ny fitanana an-tsoratra izay soniaviny, ireo fanamarihana sy fanoherana na fitsipahana rehetra mikasika izany raharaha voalaza izany ka, na talohan' ny fahavitan' ny fanangonana ny vokatra ny fifidianana tao amin' io biraom-pifidianana voalaza io izany na taty aoriany.

Tsy mahazo miara-manatrika eo ny solontena-delege tompon-toerana sy ny solontena-delege mpisolo toerana.

And. 27. — Ny solontena-delege dia tsy maintsy mpifidy voasoratra anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy ao anatin' ny Fivondronampokontany na ao anatin' ny Firaisampokontany raha ny mikasika ny Fivondronampokontany Antananarivo-Renivohitra. Mahazo mandatsa-bato ao amin' ny biraom-pifidianana izay nanendrena azy izy ka hanatontosany ny iraka maha-solontena-delege azy.

Raha misy ilàna izany, dia anampy ao amin' ny lisitra fanamarihan-tsonian' io biraom-pifidianana io ireo filazalazana rehetra momba azy miaraka amin' ny laharana entin' ny kara-pifidianany sy ny filazana mazava tsara ny biraom-pifidianany vato, ary izany dia arak' ireo zava-tondroin' ny andininy faha-28 etsy ambony amin' ny antsipiriany. Asiana fanamarihana izany ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha-pifidianana.

And. 28. — Tsy maintsy ampahafantarana mivantana ny filohan' ny biraom-pifidianana mialoha ny fisokafan' ny fandatsaham-bato ny anaran' ny solontena-delege. Na ho an' ny tompon-toerana na ho an' ny mpisolo toerana dia tsy maintsy ahitana, ankoatry ny antony nanirahana azy, izany fampahafantarana izany

- ny anarana sy fanampin' anarana;
- ny vaninandro sy ny toerana nahaterahana;
- ny fonenana;
- ny laharana sy ny vaninandro ary ny toerana nanomezana ny kara-panondrom-pirenena, ny fahazoana mamily fiarakodia na ny pasipaoro;
- ny laharana entin' ny kara-pifidianana sy ny fanondroana marina ny biraom-pifidianany vato;
- ny filazana marina ny biraom-pifidianany vato izay nahazoany fahefana hanaovany ny asany.

Ny fampahafantarana izay vita sosony roa amin' ny taratasy tsotra tsy misy hajian-ketra, dia tsy maintsy soniavin' ilay olona manana fahefana haniraka ilay solontena-delege tompon-toerana sy ny mpisolo toerana azy io.

Tsy maintsy amarinina eo anatrehan' ny lalàna na ny sonian' ilay mpanome fahefana na ny an' ny notoloram-pahefana tsirairay avy ka ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Firaisampokontany na ny filoha-lefiny iray no manao izany. Maimaim-poana ny fanamarinan-tsonia eo anatrehan' ny lalàna.

And. 29. — Ny sosony faharoa amin' ny fampahafantarana dia omen' ny mpanome fahefana ny solontena-delege mivantana ary nanan-kery toy ny taratasy ara-dalàna tsy ilàna fombafomba aha-zoana misahana ny asa nanirahana azy izany.

Tsy maintsy aseho ny filohan' ny biraom-pifidianana-bato io taratasy fanamarinana io ary marihina ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha-pifidianana izany.

And. 30. — Na inona na inona fisehoan-javatra, dia iantohana ny zon' ireo solontena-delege ary miadidy ny fisoloany tena ny komity mpanohana isanisan' any amin' ny biraom-pifidianana-bato izy ireo raha vantany vao mitondra ny fanambarana ny fampahafantarana ara-dalàna tsara sy vita araka ny tokony ho izy nomen' ny komity mpanohana izay solon' izy ireo tena.

Raha toa ka misy fandroahana na tsy fahafahan' ny solontena-delege tompon-toerana, dia ny solontena-delege mpisolo toerana no antsoina avy hatrany mba hisolo azy.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny mpanome fahefana avy amin' ny komity mpanohana ka manana ny taratasy ara-dalàna nomena araka ny voalazan' ny andininy faha-9 etsy ambony, dia mahazo manendry solontena-delege iray vaovao mandritra ny fotoana rehetra handatsaham-bato mba hiantoka ny fisoloana ny tenany raha sendra voaroaka na azon-tsampona ireo solontena-delege notinendry tany am-boalohany. Io fanendrena io, izay lazaina am-bava amin' ny filohan' ny biraom-pifidianana dia homarihina ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha mikasika ny latsabato ary tsy maintsy misy na ahitana ireo filazalazana voatondron' ny andininy faha-28 etsy ambony.

And. 31. — Na oviana na oviana, ny tsy maha eo ny solontena-delege iray dia tsy ahazoana mampiato velively ny fizotr' ireo raharaha mikasika ny latsabato na ihany koa tsy zary ho lasa vato misakana ka manafonana ireo raharaha voalaza ireo ary izany dia na noho ny antony inona na noho ny antony inona.

And. 32. — Ireo fikambanana tsy miankina amin' ny Fitondrampanjakana (na avy eto amin' ny Firenena izy ireny, na vahiny hafa firenena na ihany koa iraisam-pirenena) izay mikendry ny fanandratana hatrany ny zon' ny mpifidy handatsa-bato, dia azo omena alàlana, araka ny fanapahana ataon' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana, mba hanara-maso ny fizotr' ny raharaha mikasika ny fandatsaham-bato ary izany dia hatrany amin' ny fandefasana ilàlana ny fitanana an-tsoratra mankany amin' ny filohan' ny vaomiera mpanisa ankapobe ny vato sy any amin' ny fiandraiketantsoratra ny Fitsarana Avo momba ny Lalampianenana. Arak' izany dia manendry mpanara-maso izy ireo izay voafetra ho telo (3) ny isany mitambatra raha be indrindra mba hisolo azy ireo any amin' ny biraom-pifidianana-bato. Amin' izany rehetra izany, ireo mpanara-maso nekena hanao ny asany dia tsy maintsy manaja ny fepetra raiketin' ny «Dinan' ny fanabeazana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana» sy mitandro ny fanaraha-maso ny fampisafidianam-bahoaka» atovana izao hitsivolana izao.

And. 33. — Ny mpanara-maso tsirairay avy dia tsy maintsy mampiseho amin' ny filohan' ny biraom-pifidianana ny taratasy vavolombelona avy amin' ny fikambanana nihaviany ka misy mazava ny sonian' ilay mpanome fahefana sy nyan' ny nomem-pahefana voamarina teo anatrehan' ny lalàna. Ny taratasy vavolombelona zary fanamarinana koa dia tsy maintsy ahitana, ankoatry ny votoatin' ny iraka ampanaovina azy, ireto fanondroana manaraka ireto:

- ny anarana sy fanampin' anarana;
- ny vaninandro sy ny toerana nahaterahana;
- ny fonenana;
- ny fanondroana ny fikambanana sy ny adiresy misy ny foiben-toerany;
- ny laharana, ny vaninandro sy ny toerana nanomezana ny kara-panondrom-pirenena ho an' ny mpanara-maso teratany na ny pasipaoro ho an' ny mpanara-maso vahiny;

— ny fanondroana marina ny na ireo birao fandatsaham-bato izay nahazoany fahefana hanaovany ny asany;

— ny laharana entin' ny kara-pifidianana sy ny fanondroana mazava tsara ny birao handatsahany vato, ho an' ny mpanaramaso teratany.

Asiana filazana izarty ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ny raharaham-pifidianana miaraka amin' ireo fanamarihana rehetra ataon' ny mpanaramaso tsirairay avy.

Ankoatra izany, ny mpanaramaso tsirairay tonga manatrika eo amin' ny fotoana fisarihana ny taratasin-datsabato, dia manana zo amin' ny fanomezana azy sosony iray tamin' ny fitanana an-tsoratra.

And. 34. — Ny mpanaramaso teratany dia mahazo mandatsabato any amin' ny biraom-pifidianana izay nanirahana azy hanaovany ny asany. Eo amin' io toe-javatra io, dia ampiana ao anatin' ny lisitra fanamarihan-tsonian' ilay biraom-pifidianana izay tian-ko fantatra momba azy arak' ireo fanondroana voafaritra tsara ao amin' ny andininy faha-33 etsy ambony miaraka amin' ny laharana entin' ny kara-pifidianany sy ny filazana mazava izay birao andatsahany vato. Asiana fanamarihana momba izany ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaham-pifidianana.

And. 35. — Mandritra ny fe-potoana aharetan' ny asa nanirahana ireo mpanaramaso vahiny izay tena nahazo alàlana tokoa sy manana porofo marina hanao izany eto Madagasikara araka ny andininy faha-33 etsy ambony, dia maimaimpoana ny fanaovan-tsonia arahina fitombokase momba ny fidirana ary ny fitoeran' izy ireo eto.

Eo am-panatontosana ny iraka ampanaovina azy izy ireny, dia tsy maintsy manaja ny fitandroana ny filaminam-bahoaka ary mankato ny didy aman-dalàna velona eto amin' ny tanimpirenena.

TOKO VIII

NY AMIN' NY FANISANA ANKAPOBE NY VATO SY NY FANANGONANA IREO FITAKIANA MBAMIN' IREO FANOHERANA SY FANGATAHAM-PITSARANA MOMBA NY FIFANOLANANA

And. 36. — Raha vao vita ny fanangonana ireo vokatry ny fifidianana isaky ny birao fandatsaham-bato, dia tsy maintsy ataon' ny filohan' ny komitim-paritra miadidy ny fandiampahalemana ao amin' izany Fokontany izany ny fikarakarana mba handefasana ilàlana eo no ho eo ihany, ao anaty valopy mihidy sy amin' ny fomba faran' izay haingana indrindra any amin' ny filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato izay mivory ao amin' ny renivohitry ny Fivondronampokontany, ireo antontan-taratasy rehetra tsy misy avakavaka ka nampiasaina tamin' ny raharahan' ny fampisafidianam-bahoaka.

And. 37. — Izao avy no anisan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato:

— mpitsara iray tendrena amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny Mpitahiry ny kasem-panjakana sady Minisitry ny Fitsarana, Filoha;

— mambra telo (3) avy amin' ny delegasiona manokana ac amin' ny Fivondronampokontany sy mpiasam-panjakana telo (3) izay voatendry avokoa amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny Minisitry ny Atitany.

Manao ny fanisana tsirairay ireo taratasin-draharaha nalefan' ny biraom-pifidianana isaniny avy ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato no sady manamarina ihany koa fa tsy misy diso mihitsy ny fikajiana izay natao momba izany.

Marihin' io vaomiera io ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ataony izay rehetra toe-javatra sy antonanton-javatra ary tsy fetezan-javatra ka azony notsimponina tao amin' ireo taratasin-draharaha ary izany dia isaky ny biraom-pifidianana tsirairay.

Ireo antonta-taratasy rehetra nampiasaina tamin' ny raharaha momba ny fampisafidianam-bahoaka miaraka amin' ny fitanana, an-tsoratra ny vaomiera mbamin' ny safim-pamintinana izany dia

alefa ao anaty valopy mihidy any amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampnanorenana ka ao anatin' ny fe-potoana efatra amby roapolo (24) ora miantomboka amin' ny naharaisana ny valopy farany mihidy tondroin' ny andininy faha-36 etsy ambony no anaovana izany eo ambany fikarakaran' ny filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato ary ireo manampahefana ara-pitondrana rehetra ao amin' ny Fivondronampokontany.

Io handefasana io dia tsy maintsy atao amin' ny fomba farany izay haingana indrindra ary samy tompon' andraikitra momba izany tsirairay avy ireo filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany sy ny Faritany.

And. 38. — Manana zo hanao fitakiana sy hitsipaka ny maharara-dalàna ireo asa nentina nanatanteraka ny fampielezan-kevitra na ireo raharaha mikasika ny latsabato izay nizotra tao amin' ny faritra iadidian' ilay biraom-pifidianana ka nisoratany anarana izay rehetra mpifidy tena voasoratra anarana tokoa tao amin' ny lisipifidianana nampiasaina tamin' ny fampisafidianam-bahoaka.

Azony toherina toy izany koa ireo vokatry ny fifidianana tao amin' ny biraom-pifidianana misy azy na ampangaina fa nisy tsy fanajana ireo ankina sy fepetra ary fomba voadidin' ny lalàna.

TOKO IX

NY AMIN' NY FIFANOLANANA

And. 39. — Ny Fitsarana Avo momba ny Lalampnanorenana no mpitsara am-boalohany sady farany ny amin' izay rehetra fangataham-pitsarana ny fifanolanana momba ny fampisafidianam-bahoaka.

Ireo didim-pitsarana izay avoakany mikasika izany dia tsy maintsy ampiharain' ireo Andrim-panjakana sy Andrim-pitondrana rehetra, ireo fahefam-panjakana rehetra, ary ireo manampahefana ara-pitondrana rehetra mbamin' ireo karazam-pahefana hitsara afa-tsy izay momba ny sata ihany.

Tsy mampiato na inona na inona ny fangataham-pitsarana ny fifanolanana.

And. 40. — Ao anatin' ny fe-potoana folo (10) andro katroka aorian' ny fifaranan' ny latsabato, dia mahazo manolotra ny raharaha hotapahin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampnanorenana izay rehetra mpifidy mahafeno ny fepetra voalazan' ny andininy faha-38 etsy ambony ary izany dia amin' ny alàlan' ny fangataham-pitsarana ny fifanolanana momba ny fampisafidianam-bahoaka izay atao araka ny fombafomba sy fepetra voadidin' ny lalàna.

Io fangatahana io dia azo ampidirina ka:

1. na mivantana izany, amin' ny fametrahana azy ao amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampnanorenana izay manome ny mpanolotra eo noho eo ihany ny fanamarinana ny naharaisana azy;

2. na alefa ka atao taratasy tsy very mandeha any amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampnanorenana; eo amin' io lafiny io dia ny rosian' ny handefasana azy tsy very mandeha no itokiana ho fanamarinana ny naharaisany azy ihany. Azon' ny mpangataka atao ny mampandre ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampnanorenana, amin' ny fomba faran' izay haingana indrindra ny vaninandro nandefasany ilay taratasy natao tsy very mandeha;

3. na amin' ny fametrahana izany ao amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny fitsarana ambaratonga voalohany na ny an' ny sampam-pitsarana izay iankinan' ny toerana nandatsaham-bato na koa iankinan' ny fonenan' ilay mpangataka; eo amin' io lafiny io ny fiandraiketan-draharahan-pitsarana voakasik' izany dia manome eo no ho eo ihany ny fanamarinana ny naharaisana azy ary mandefa ilay fangatahana amin' ny fomba farany izay haingana indrindra any amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampnanorenana.

And. 41. — Manapa-kevitra ny Fitsarana Avo momba ny Lalampianorenana arak' ireo fepetra mikambana voadidy arahina ka raketin' ny didy aman-dalàna mikasika ny tandrifim-pahafany sy izay momba ny fifanolanana eo amin' ny fifidianana ka feheziny ny lalàna iombonana, afa-tsy raha misy fepetra manokana na mifanohitra amin' izany ka voadidin' izao hitsivolana izao ny fampiharana azy ireo.

TOKO X

NY AMIN' NY FANAMBARANA IREO VOKATRY NY FIFIDIANANA

And. 42. — Amin' ny fivoriana manetriketrika ampahibemaso no anaovan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampianorenana ny fanambarana ofisialy ireo vokatry ny latsabato tamin' ny fampisafidianam-bahoaka, na dia mbola tsy vita aza ny fitsarana ireo fampiakaran-draharaha noho ny fifanolanana ary izany dia eo anatin' ny fe-potoana roapolo (20) andro raha ela indrindra miantomboka amin' ny naharaisana ny valopy farany mihidy avy amin' ireo vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato.

Ireo vokatra raikitra tanteraka dia avoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

TOKO XI

FEPETRA SAMIHAFANA

And. 43. — Ny fandaniana ateraky ny fampandehanana ny asan-ireo vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato dia zakaina amin' ny toko momba ny fandaniana iombonana ka iraisan' ny Minisitry ao amin' ny Tetibolam-panjakana ankapobe, araka ny fandraiketana-trosa ataon' ny filohan' ny vaomiera tsirairay avy

And. 44. — Ny amin' ireo anton-javatra rehetra tsy voafehin izao hitsivolana izao dia ampiharina ireo rijan-tenin-dalàna mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalampianorenana, ary koa ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982 nasiampanovàna mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato.

And. 45. — Ireo rijan-tenin' ny didy amam-pitsipika no mametra, araka ny ilàna izany, ny fomba fampiharana izao hitsivolana izao.

And. 46. — Ireo sazy vola tondroin' ny andininy faha-79 sy ny andininy faha-85 amin' ny hitsivolana mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato dia akarina ho 72 000 (roa arivo sy fito alina) iraimbilanja raha kely indrindra ary ho 720 000 (Roa alina sy fito hetsy) iraimbilanja raha be indrindra.

Ireo izay voalazan' ny andininy faha-81 amin' io hitsivolana io ihany dia akarina ho 144 000 (efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy) iraimbilanja raha kely indrindra ary ho 1 440 000 (efatra alina sy efatra hetsy sy iray tapitrisa) iraimbilanja raha be indrindra.

Hiharan' ny sazy mitovy amin' ireo voatondron' ny paragrafy faha-2 etsy ambony izay ho nampiasa fanerena na ho nanararaotra ny fahefana ananian' izy ireo mba enti-milaza fa mahavita azy na to teny izy ireo, na ihany koa enti-manova ny safidin' ny iray na maromaro amin' ireo olom-pirenena na manakatsakana ny fizotry ny raharahan' ny fitsapan-kevi-bahoaka.

Ankoatra ny sazy voalaza etsy ambony, raha toa ilay fanerena na ilay fanararaotra-pahafana ka narahin-kerisetra, dia asa anterivozona ao anatin' ny fotoana voafetra no sazy ampiharina amin' ilay olo-meloka ary izany dia tsy misy anton-javatra mampihena ny sazy.

And. 47. — Sazy vola 144 000 (efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy) iraimbilanja ka hatramin' ny 1 440 000 (efatra alina sy efatra hetsy sy iray tapitrisa) iraimbilanja ka miaraka na tsia amin' ny sazy am-ponja iray (1) volana ka hatramin' ny 6 (enim-bolana) no ampiharina amin' ireo olona melohina noho ny fandrovitana peta-drindrina, na toy inona na toy inona karazan' izy ireny raha vao misy fifandraisany ara-dalàna amin' ny fampisafidianam-bahoaka izany peta-drindrina izany.

Sazy mitovy amin' izany no ampiharina ihany koa amin' ireo izay ho nanimba na ho nandrodana manontolo, eny fa na dia ny ampahany aza, ireo takela-javatra (vy na hazo) anaovana peta-drindrina ho amin' ny fifidianana, ka na fomba inona na fomba inona no nentin' izy ireo nanao izany.

And. 48. — Hiharan' ny sazy am-ponja (6) enim-bolana ka hatramin' ny (3) telo taona ary sazy vola 200 000 (roa hetsy) iraimbilanja ka hatramin' ny 2 000 000 (roa tapitrisa) iraimbilanja na ny iray amin' ireo sazy ireo ihany izay, nandritra ny fampielezan-kevitra ho an' ny fampisafidianam-bahoaka, ka ho nanakorontana ny fandriampahalemam-bahoaka tamin' ny fifandiran-dratsy sy fanaovana ady saritaka na fanaovana angovo hafa.

And. 49. — Ny fanarabiana zary fanalàm-baraka natao na, tamin' ny alàlan' ny kabary sy horakoraka ary hiakiaka nodradraina teo amin' ny fotoana nanaovana fampielezan-kevitra iray na, tamin' ny alàlan' ny soratsoratra sy sary an-taratasy na sary sokitra sy voatonta pirinty amin' ny takela-javatra ka nozaraina nandritra ny fotoana fampielezan-kevitra ho amin' ny fampisafidianam-bahoaka, dia tokony hiharan' ireo sazy voatondron' ny andininy faha-83 amin' ny lalàna laharana faha-90-031 tamin' ny 21 desambra 1990 mikasika ny fifandraisana.

And. 50. — Ny fanaratovana na fanimbazimbana ireo Andrim-pitondrana eto amin' ny Fanjakana malagasy ary ny faniratsirana na fitenehan-dratsy ireo manampahafana tamin' ny fotoana fampielezan-kevitra ho amin' ny fampisafidianam-bahoaka dia hiharan' ny sazy am-ponja (6) enim-bolana ka hatramin' ny telo (3) taona ary sazy vola 200 000 (roa hetsy) iraimbilanja ka hatramin' ny 2 000 000 (roa tapitrisa) iraimbilanja.

And. 51. — Foanan' izao hitsivolana izao izay fepetran-dalàna rehetra ka mifanohitra aminy, indrindra indrindra fa ny lalàna laharana faha-91-024 tamin' ny 5 agositra 1991 manisy fitsipika momba ny fanontaniana mivantana ny safidim-bahoaka.

And. 52. — Noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-4 amin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna eto amin' ny firenena sy ny lalàna iraisam-pirenent-samihafa ifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, dia manan-kery avy hatrany izao hitsivolana izao raha vantany vao ampahafantarina ny besinimaro amin' ny alàlan' ny fampielezam-peo na amin' ny alàlan' ny fanaovana azy peta-drindrina ankoatra ny famoahana azy amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Ho tanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery rahefa nankatoavin' ny Fahefana Avo.

Antananarivo, ny 8 jolay 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Avy amin' ny Praisinisitra
sady Lehiben' ny Governemanta:

Ny Minisitry ny Atitany,

Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

Ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana
sady Minisitry ny Fitsarana,

Armand RAJAONARIVELO.

Ny Minisitry ny Raharaham-bahiny,

Césaire RABENORO.

Ny Minisitry ny Foloalindahy,

Général Philippe Désiré RAMAKAVELO.

Ny Minisitry ny Fitantanam-bola,

Evariste MARSON.

Ny Minisitry ny Tetibolà sy ny
Teti-pivoarana,

Gérard RABEVOHITRA.

Ny Minisitry ny Fanabeazam-bahoaka,

Fulgence FANONY.

Ny Minisitry ny Paositra, sy ny
Fifandraisan-davitra,

Aimé MARCEL.

Ny Minisitry ny Polisim-pirenena,

Augustin AMADY.

FANONTANIANA

Ekenao ve ity Volavolan-dalampnenonana aseho anao ity, izay anamafisana ny Firaisam-pirenena sy anandratana ny Demokrasia amin' ny alàlan' ny fiarovana ny zo aman-kasin' ny olombelona sy ny olom-pirenena ary iantohana ny fahavitan-tena isam-paritra, mba hijoroan' ny Repoblika faha-III?

TOVANA

DINAN' NY FANABEZANA NY OLOM-PIRENENA EO AMIN' NY FITIAVAN-TANINDRAZANA SY NY FANARAHAMASO NY FAMPISAFIDIANAM-BAHOAKA

Ny Filan-kevitra ny Governemanta, raha nivory tamin' ny 8 mey 1992, dia nanoritra mazava teo am-pandraisana ireo mpanaramaso iraisam-pirenena, izay tanjona nokendreny hotratrarina, ka toy izao izany:

— mampanao izay ahitana fototra ny tsy an-kinafinafina sy ny mana-ara-dalàna ireo asa atao momba ny fampisafidianam-bahoaka ary izany dia manomboka amin' ny fisoratana anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy ka hatramin' ny dingan' ny fisariham-bato ary ny famaranana;

— mampanao fanamarinana, eo amin' ny lafiny rehetra mikasika ny fomba fizotry ny raharaha atrehina, ny fahalalahana feno sy tanteraka amin' ny famosanen-kevitra ananan' ny olom-pirenena rehetra ary koa ny tsy-fisian' ny hosoka sy ny tsy fitandroana ny fahamarinan' ny latsabato;

— farany dia manao izay ahazoana porofo marina ho vavolombelona fa mety ny fitondrana ny raharaha sahanina ka hiavaka ny fampisafidianam-bahoaka amin' ny fananany endrika demokratika.

Io fitsimbinana ny tsy an-kinafinafina io dia tsy azo heverina ho fialàn' ireo fahefam-panjakana amin' ny adidy aman' andraikitr' izy ireo: «Ny fanabeazana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana» dia mitotra hatrany ho andraikitra iray tsy maintsy sahanin' ny Fanjakana na toa aza ka mifandimby aminy momba izany ireo fikambanana tsy miankina na ivelan' ny Fanjakana (ONG) ka nanao fangatahana hiadidy izany sady nahafeno koa ireo fepetra voadidy arahina.

Etsy an-danin' izany, dia eken' ny Fanjakana fa zon' ny fikambanan' olon-tsotra ny fanaraha-maso ireo fifidianana. Ny fanaraha-maso dia tsy maintsy mizotra ao amin' izay faritry ny ankapobén-javatra noferan' ny Fanjakana ka tsy hanelingelin' ireo raharaha fanatanterahana ny fampisafidianam-bahoaka.

Izao Dinan' ny fanaraha-maso izao no manoritra ireo torolàlana sy fepetra arahina amin' ny fanabeazana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana ary ny fanaraha-maso ny fampisafidianam-bahoaka.

I. — FEPETRA SY TOROLALANA ARAHINA MBA HO FANABEZAZANA NY OLOM-PIRENENA EO AMIN' NY FITIAVAN-TANINDRAZANA:

11. — Fepetra ilaina ahazoana miditra hiadidy izany:

Ny fikambanana tsy miankina amin' ny Fanjakana (ONG) manana faniriana ny hankatoavana azy eo amin' ny lafiny fanabeazana ny olom-pirenena mikasika ny fitiavan-tanindrazana sy/na ny fanaraha-maso ny fampisafidianam-bahoaka, dia tsy maintsy mahafeno ireto fepetra manaraka ireto:

111. manao izay tsy hiandaniany na amin' iza na amin' iza sy miasa amim-pahaleovantena tanteraka eo anatrehan' izay rehetra antoko na fikambanana politika;

112. mampiseho ny maha-za-draharaha azy hisahana ireo asa ara-tsosialy sy ny adidy eo amin' ny fanabeazana ny valalabemandry na eo amin' ny fampandrosoana ka ifandraisany sy iarahany misalahy amin' ireo vohitra iombonana any an-toerana izany,

no saay manaporoto koa ra tantany tsara izay sombim-paritra iadi-diany ka tondroiny mazava amin' izany ireo anaran' ny Andrim-panjakana sy Andrim-panjakana niara-niasa tamin' ny mpangataka fankatoavana;

113. mampiseho fa manavanana azy tokoa ny hisahana asa aman-draharaha eo amin' ireo lafin' ny fanofanana ny olom-pirenena mikasika ny fitiavan-tanindrazana sy ny fanaraha-maso ny tampisafidianam-bahoaka ary ny tanafahany marina, hanatontoa ny andraikiny amin' ny fitetezam-paritany.

Mba hahatavorary izany, dia ilaina ny:

114. hanolorany ny lisitr' ireo mambra' ao aminy ny fitazam-pahaizana ananan' sy ny asa manavanana azy ireo ary ny asa sahanin' izy ireo ankehitriny;

115. hanolorany izay olona hifandimby sy hifanosolo aminy eo amin' ny raharaha sahanina sy ny adiresin' izy ireo any amin' ny faritra. Ao anatin' io faritra io, ny fikambanana tsy miankina amin' ny Fanjakana na ny fitambaran' izany fikambanana izany dia tokony ho afaka manolotra mpanara-maso iray raha vitsy indrindra ho an' ny birao fandatsaham-bato dimy.

116. hampiseho ny fomba maty paika arahiny hoenti-mandamina ny asa atao sy ny fandaharana ny asa iandraiketany ary ireo fiasana amam-pitaovana ilaina amin' ny fanabeazana efa voavoatra ahombiazana eo amin' ny fanabeazana sy ny fanaraha-maso.

Ny fitaovana enti-miasa sy/na ilaina amin' ny fampianarana dia atolotra hohamarinin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana (CNE) na ireo izay hifandimby sy hifanosolo aminy any an-toerana mba ahitany fa azo antoka marina izany ary mifanaraka amin' ireo fepetra voatondron' ny lalàna sy mirindra amin' izay eo am-pelatanan' ny fikambanana hafa tsy miankina amin' ny Fanjakana (ONG) ka efa nanaiky ny hiditra an-tsehatra ihany koa rahateo amin' ny fanabeazana ny olom-pirenena momba ny fitiavan-tanindrazana sy ny fanaraha-maso.

Ny antontan-taratasy efa naroso sy naseho toy izany dia ho anisan' ny tantsoratr' elan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

12. — Ireo asa sahanina sy raharaha atao eny an-toerana.

Ireo fikambanana ivelan' ny Fanjakana (ONG) na koa ny fitambaran' ireo fikambanam-pirenena ivelan' ny Fanjakana dia tsy maintsy manangana rantsa-mangaika iray miadidy ny fandrindrana ary samy mifanaiky mba hanatanteraka ny drafitra tokana fanentanana sy fanofanana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana; ary izany dia arak' izay fitaovana sy fombafomba samy azy manokana ihany, nefa tsy maintsy manaja ireto soridala lehibe manaraka ireto:

121. Manao izay ahavitan' izy samirery ny fitetezana ny toerana eto amin' ny Firenena ary ampahafantarin' izy ireo ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana izay toerana tsy ahitany fahombiazana loatra eo amin' ireo faritra alehan' izy ireo.

122. Miadidy, ka ataony lohalaharana amin' izany ny fanofanana ireo mambra anisan' ny birao fisoratana anarana amin' ny lisitry ny mpifidy sy fandatsaham-bato miisa 15 000 araka ny fanondroanandro iray mifanentana amin' izany. Rehefa vita fiofanana ireo mambra dia azo lazaina tsotra izao fa ho taratry ny fanitarana ary ny fanohizana ny fanofanana hatrany amin' ny ambaratongan' izay vohitra iandraiketan' izy ireo. Mety koa izy ireo ho tompon' andraikitra amin' ny atao hoe: «vondrona mpihaino vaovao».

123. Manao izay hahatontosa ny fanofanana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana ka tsy manana fiandiana atsy na aroa, fa anteriny amin' izany kosa ny fahamen-drehana ny olom-pirenena, sy ny lanjan' ny fanapahan-kevitra eo amin' ny latsabato izay toy ny fanehoana miharihary io fahamendrehana io ary ny fifandrohizana, misy eo amin' ny latsabato atao sy ny fitantanana ny Fanjakana.

Ireo sori-dàlana lehibe mikasika ny fiofanana dia azon' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana (CNE) omena amin' ny fotoana mahamety izany.

II. — IREO FEPETRA SY TOROLALANA MOMBA NY FANARAHAN-MASO

Manoloana ny fitomboan' ny isan' ireo sarintsarinà-fikambanana tsy miankina amin' ny Fanjakana izay milaza fotsiny ho mahavita azy eo amin' ny fanaraha-maso ny fifidianana, dia lazaina mazava etoana amin' ireo fikambanana tsy miankina na ivelan' ny Fanjakana (ONG) izay maneho ny faniriany handray anjara izao fepetra sy torolalana manaraka izao:

21. — Fomba fiheverana ankapobe

Hitana ny laka tokoa ny fanaovana fanaraha-maso eo amin' ireo fifidianana ireo. Araka ny famaritana azy mantsy, dia tena vovonana iadian' ny lohahy mihitsy ny fanaraha-maso raha mikasika izay mety ho fanontaniam-tsafidy manaraka ny fomba demokratika eto amin' ny firenena, ary izany dia noho ny mahasamihafa be ihany ireo olona voakasika izay liana te-hahafantatra ny vokatr' izany.

Mahasahana ireo ambaratonga rehetra eo amin' ny fizotry ny fifidianana izany fanaraha-maso izany ary indrindra indrindra eo amin' ireo dingana ilam-pitandremana: fatratra toy ny fanoratana anarana, ny fanomezana amin' ny tompony ny karapifidianana, ny fanaovana ny lisitry ny mpifidy, ny fandatsaham-bato rahateo indrindra indrindra, ny fisariham-bato, ny fikaontina ny vato eny an-kebakabany eny, ary ny tena fanisana farany ny vato.

Heverina ho toy ny lahasa tokana izy io, na dia tarika samy manana ny mampiavaka azy aza no entaniny (toy ny fikambanana isan-karazany tsy miankina affin' ny Fitondram-panjakana (ONG) ka na avy eto amin' ny firenena izy ireny na iraisam-pirenena), tarika mahatapa-tena ary miasa any amin' ireo ambaratonga samihafa (toy ny Faritany, ny Fivondronampokontany, ny Firaisampokontany) no eady miasa eo amin' ireo dingana samihafa momba ny fizotry ny raharaha fanatanterahana ny fampisafidianambahoaka (alohan' ny latsabato sy mandritra ny fanaovana azy ary aty aoriany).

22. — Karazan' ireo mpanara-maso

— ao ireo mpanara-maso avy amin' ny Fikambanan' olon-tsotra malagasy eto amin' ny firenena izay nahazo alàlana ara-dàlana araka ny fepetra voalaza etsy ambony, ka miasa samirery na miasa eo anivon' ny rafitra mpandrindra anankiray izay mitonontena fa tompon' antoka amin' izay asa rehetra sahanin' ireo mambra ao aminy.

— ao ireo mpanara-maso iraisam-pirenena, avy amin' ny fiaraha-miasan' ny firenena maromaro sy avy amin' ny fifandrimbonan' ny firenena roa tonta, na anisan' ny rafitra mijoro miasa ho an' ny tenany na koa tsangan' asa fanta-daza noho ny asa ilofosany izay mikatsaka mandrakariva ny fanajana ny zo aman-kasin' ny olombelona sy ny fampanjakana ny demokrasia.

Ireo sokajy roa tonta mpanara-maso ireo dia heverina ho toy ny mameno ny rafi-piasana amin' ny fifidianana ary hidododoana raha sendra misy fifanolanana atrangan' ireo komity mpanohana na ireo delege misolotena ny andaniny sy ny ankilany mpifaninana amin' ny fifidianana.

23. — Fandeminana ny fomba fanaraha-maso.

231. Tarika atao fakan-tahaka

— izay rehetra rafitra ajoro ka misahana ny fanaraha-maso dia tsy maintsy hankatò ny fananganana tarika iray fakan-tahaka izay ireo mambra ao aminy no hampifandanja ny hoenti-manana eo am-pelatanan' izy ireo avy (toy ny fitaovana, ny fahafahana mitety vohitra, ny fahaiza-manao, ny fahafantarana ny tontolo iasana, ny isan' ny olona ao aminy) mandritra ny fanaovana fanaraha-maso ireo toe-java-misy rehetra miseho eo amin' ilay dingana heverina iasana mifandrohy amin' ny fizotry ny raharaha arahi-maso.

* tarika mitoby amin' ireo toerana atao fototra iaingana amin' ny fanaovana fanaraha-maso,

* tarika iray na maromaro misahana ny fanaraha-maso ka mandehandaha mitety vohitra,

* tarika iray na maromaro mifandray amin' ireo andiany mpanangom-baovao,

* tarika iray na maromaro miandraikitra ny fitaterana.

Eo amin' izay rehetra fampijoroana tarika-modely dia ho filamatra indrindra ny fahitana, etsy andaniny, tarika iraisam-pirenensamihafa, ary etsy an-kilany, tarika teratany malagasy, izay miara-misalahy amin' ny asa atao.

232. Fampitoviana tantana ireo fitaovana ampiasaina amin' ny fanaraha-maso

Ireo rafitra lehibe izay zanak' omby tsy ampianarin-domano eo amin' ny fanaovana far araha-maso dia hamoaka boky fikirakira izay mirakitra torolalana mba ahafahana mandravona sy mampitovy tantana ny famakafakana ireo vaovao rehetra azo.

233. Fitsinjarana ireo tarika amin' ny faritra iadidiana.

Izany fitsinjarana izany dia hatao mifanaraka amin' ny drafitra volavolaina eo ambany fitarihan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana (CNE) mba ahafahana mitsinjara ny fahaiza-miasa ankapobe sy feno eo amin' ny fitambaran' ireo rafitra ireo.

234. Toetoetry ny fitantanana-bola

Na manao ahoana na manao ahoana, ny Fanjakana dia tsy afaka handray anjara na amin' inona izany na amin' inona mikasika ny fiantsorohana ny vola lany ateraky ny fanaovana fanaraha-maso; toy ny fampiantranoana vahiny na nafa.

EXPOSE DES MOTIFS

de l'ordonnance fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution de la III^e République

La Convention du 31 octobre 1991 assigne au Premier Ministre la responsabilité d'organiser le référendum pour l'adoption de la nouvelle Constitution en vue de l'avènement de la III^e République.

Une précision s'impose toutefois sur le plan épistémologique afin de lever toute ambiguïté en ce qui concerne notamment la signification exacte du terme « référendum » utilisé par les parties signataires dans l'article 6 de la Convention précitée. Considérée dans l'ensemble des dispositions dudit article, la consultation populaire directe dont il s'agit ne saurait être interprétée autrement que comme un « référendum de ratification ». Ainsi, un tel référendum doit porter sur le texte complet du projet de Constitution élaboré et adopté par le Forum national. Celui-ci n'acquerra cependant valeur juridique qu'après l'approbation populaire à la majorité des suffrages exprimés.

Dans cette optique, la présente ordonnance comporte essentiellement onze chapitres qui définissent les règles nécessaires à une organisation rationnelle de la consultation populaire directe par voie de référendum en vue d'assurer l'authenticité du scrutin et la sincérité du vote.

Ainsi les innovations principales résident dans :

— le mode de désignation du Président, du Vice-président et du secrétaire du bureau de vote par l'Assemblée générale du Fokontany spécialement réunie à cet effet dès la publication du décret convoquant les électeurs (cf. articles 18 et 19);

— le port de badge obligatoire pour les membres du bureau de vote, les représentants-délégués des comités de soutien et les observateurs agréés (les badges étant fournis par l'Etat et identiques sur toute l'étendue du Territoire national) (cf. article 20);

— l'apposition de la signature de chaque électeur sur la liste d'émargement après que celui-ci ait introduit l'enveloppe dans l'urne, ou de ses empreintes digitales qui seront contresignées par un membre du bureau de vote si l'électeur ne sait pas écrire (cf. article 22);

— la formalité obligatoire pour tout votant avant qu'il ne quitte le bureau de vote de se faire marquer le pouce gauche par les soins d'un membre du bureau à l'aide d'une encre indélébile afin de prévenir le multiple vote (cf. articles 21 et 22);

— l'institutionnalisation :

a. d'un Conseil National Electoral (CNE) qui constitue le garant moral de l'authenticité du scrutin et de la sincérité de vote et est chargé de superviser toutes les opérations relatives au bon déroulement du référendum (cf. article 23);

b. du rôle des Organisations Non Gouvernementales (ONG) nationales, étrangères et internationales, désireuses d'être agréées en matière d'éducation civique pour promouvoir le droit de vote des électeurs et/ou d'observation des opérations référendaires (cf. articles 32, 33, 34 et 35). L'objectif assigné aux observateurs vise à faire constater, entre autres, la transparence et la régularité de la consultation populaire directe, depuis les opérations d'inscription sur les listes électorales jusqu'à l'achèvement du procès-verbal des opérations de vote au Président de la commission du recensement général des votes et au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle.

Enfin, il convient de préciser que sur tous les points qui n'auront pas été réglés par la présente ordonnance, il est fait application du texte relatif à la Haute Cour Constitutionnelle ainsi que l'ordonnance modifiée n° 82-016 du 8 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote.

Tel est l'objet de la présente ordonnance.

ORDONNANCE N° 92-019

fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution de la III^e République

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution et la Convention du 31 octobre 1991,

Vu l'ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote, ensemble les textes qui l'ont modifiée ou complétée,

Vu l'ordonnance n° 90-001 du 9 mars 1990 portant régime général des partis ou organisations politiques;

Vu l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle,

Vu le décret n° 92-395 du 25 mars 1992 fixant la procédure de formalisation des travaux du Forum National,

En conseil de Gouvernement,

Ordonne :

CHAPITRE PREMIER

DISPOSITIONS GENERALES

Article premier. — Par application des dispositions de l'article 6, alinéa 5, de la Convention du 31 octobre 1991, la présente ordonnance fixe les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution de la III^e République.

Art. 2. — Le Premier Ministre, en conseil de Gouvernement, arrête le texte de la question à poser aux électeurs. Le projet de Constitution annexé à cette question est authentifié par le Comité institué par le décret n° 92-395 du 25 mars 1992 fixant la procédure de formalisation des travaux du Forum National.

Art. 3. — Les électeurs sont convoqués aux urnes par décret pris en conseil de Gouvernement au moins trente jours avant la date du scrutin.

Les électeurs décident à la majorité des suffrages exprimés.

Art. 4. — La question posée aux électeurs et le texte du projet de Constitution qui lui est annexé sont rédigés dans les deux langues officielles et publiés au *Journal officiel* de la République en même temps que le décret de convocation des électeurs. Ils sont, en outre, portés à la connaissance du public par tous autres moyens et en particulier par la voie de la radiodiffusion et de la télévision nationales.

CHAPITRE II

DE L'ETABLISSEMENT ET DE LA REVISION DES LISTES ELECTORALES

Art. 5. — Les dispositions de droit commun relatives à l'établissement et à la révision des listes électorales telles qu'elles sont édictées par l'ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982, non contraires à celles de la présente ordonnance, sont applicables pour les opérations du référendum.

Toutefois, les commissions administratives présidées par le Président de la délégation spéciale dans chaque Fivondronampokontany, procéderont à une révision spéciale des listes électorales qui commencera quarante-huit heures après la publication du décret de convocation des électeurs et sera close cinq jours avant le scrutin.

Un tableau de rectification contenant les additions et les retranchements à la liste électorale opérés depuis la révision annuelle édictée par l'article 17 de l'ordonnance n° 82-016 précitée, est publié par les soins du président de la délégation spéciale quatre jours francs avant la date du scrutin et communiqué partout où besoin sera, conformément aux dispositions des articles 5, 6 et 14 de la même ordonnance.

CHAPITRE III

DE LA CAMPAGNE D'EXPLICATIONS

Art. 6. — Une période de campagne d'explications et d'informations est ouverte avant la date du scrutin en vue d'éclairer l'opinion du citoyen-électeur et s'achève vingt-quatre heures avant la date d'ouverture dudit scrutin.

Une période de réflexion de vingt-quatre heures est observée après cette clôture légale. Toute propagande, sous quelque forme que ce soit, après le délai visé au paragraphe premier ci-dessus constitue un délit de fraude à la réglementation de la propagande, passible des peines prévues à l'article 80 de l'ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote.

Cette interdiction ne concerne pas la communication publique par l'Administration d'informations et explications exclusivement techniques relatives au bon déroulement des opérations du vote référendaire.

Art. 7. — La campagne électorale doit se dérouler dans un climat de respect réciproque et de « fihavanana », exempt de tout propos belliqueux et irrévérencieux. Tout contrevenant sera poursuivi conformément aux dispositions de l'article 49 ci-dessous.

Art. 8. — Toute forme de pression directe ou indirecte exercée sur les électeurs telle que le « tsitsika », le « fifantàna » et le « tangena » en vue de les contraindre à voter pour une option est formellement interdite et réprimée par la loi.

Les édifices culturels, les lieux de travail, les bâtiments administratifs et les casernes ne peuvent être utilisés pour la campagne référendaire.

Art. 9. — Peuvent être autorisés à faire campagne à l'occasion du référendum

1° Les associations régulièrement déclarées dont l'objet statutaire est de vocation économique, culturelle ou sociale;

2° Les syndicats ou groupements syndicaux légalement constitués et déclarés;

3° Les partis, organisations ou regroupements politiques légalement constitués et déclarés;

4° Tout groupement de personnes qui en fait régulièrement la demande.

L'existence légale des associations, syndicats et partis, organisations ou regroupements politiques est appréciée à la date du décret de convocation des électeurs.

Art. 10. — Les autorisations de faire campagne sont délivrées dans les conditions, formes et délais qui sont déterminés par décret.

Art. 11. — Pendant la durée de la campagne, les titulaires d'une autorisation peuvent apposer sur les emplacements prévus à cet effet des affiches qui ne sont pas soumises au droit de timbre. Elles doivent être d'une couleur autre que le blanc.

Art. 12. — Toute inauguration officielle est interdite pendant la durée de la campagne référendaire.

Art. 13. — La répartition des temps d'antenne à la radio et à la télévision malagasy doit être faite de manière équitable entre les partisans de la réponse « OUI » et les partisans de la réponse « NON ».

Il en est de même pour l'usage des lieux et bâtiments publics.

Art. 14. — Les panneaux d'affichages publics comportent trois emplacements de dimensions égales et répartis entre :

- 1° Les affiches officielles ;
- 2° Les affiches de l'ensemble des partisans de la réponse « OUI » ;
- 3° Les affiches de l'ensemble des partisans de la réponse « NON » ;

L'implantation des panneaux d'affichage est effectuée par l'Administration.

Un panneau est obligatoirement installé bien en vue du public, à l'extérieur de l'entrée de chaque bureau de vote.

Tout affichage, même de documents officiels ou administratifs, tout slogan écrit, sont interdits à l'intérieur de tout bureau de vote.

Il est également interdit d'y faire campagne.

CHAPITRE IV

DE L'IMPRESSION ET DE LA DISTRIBUTION DES BULLETINS DE VOTE

Art. 15. — Il est mis à la disposition des électeurs, une enveloppe estampillée et deux bulletins de vote dont l'un porte la réponse « OUI » et l'autre la réponse « NON », à l'exclusion de tous autres.

Les bulletins imprimés et fournis par l'Etat sont acheminés par l'Administration avec les enveloppes et les accessoires du scrutin jusqu'à chaque bureau de vote.

Le modèle et le libellé de ces enveloppes et bulletins de vote sont fixés par décret.

CHAPITRE V

DES BUREAUX DE VOTE

Art. 16. — Les édifices cultuels, les bâtiments des particuliers et les casernes ne peuvent être utilisés comme bureaux de vote.

Dans le cas où il ne se trouve pas dans le Fokontany un bâtiment public pouvant abriter le bureau de vote, les responsables du comité local de sécurité du Fokontany doivent en aviser le président de la délégation spéciale du Fivondronampokontany dès la parution du décret convoquant les électeurs afin que ce dernier puisse prendre les mesures qui s'imposent.

Art. 17. — Le bureau de vote est composé d'un président, d'un vice-président, de quatre assesseurs et d'un secrétaire. Ce dernier n'a qu'une voix consultative dans les délibérations du bureau.

Art. 18. — Les membres du bureau de vote sont des électeurs sachant lire et écrire, inscrits sur la liste électorale du Fokontany.

Le président, le vice-président et le secrétaire sont désignés par l'assemblée générale du Fokontany spécialement réunie à cet effet dès la publication du décret convoquant les électeurs. La désignation est constatée par décision du président de la délégation spéciale du Fivondronampokontany.

Les assesseurs sont répartis en nombre égal entre ceux qui ont fait campagne pour la réponse « OUI » et ceux qui ont prôné la réponse « NON ». Ils sont désignés par leur comité de soutien respectif constitué conformément aux dispositions des articles 26, 28 et 29 ci-dessous.

En cas de carence manifeste du comité de soutien, la désignation des assesseurs est faite par le président du bureau de vote parmi les électeurs sachant lire et écrire, présents à l'ouverture du scrutin.

Art. 19. — Lorsque la procédure de désignation du président, du vice-président et du secrétaire du bureau de vote telle que stipulée à l'alinéa 2 de l'article 18 ci-dessus se trouve bloquée, soit pour défaut d'électeurs sachant lire et écrire, soit par défaut du quorum nécessaire pour la validité des délibérations de l'assemblée générale du Fokontany selon les conditions prévues à l'article 29 (nouveau), alinéa premier, de l'ordonnance n° 76-044 du 27 décembre 1976 fixant les règles relatives à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions des Collectivités décentralisées, le président de la délégation spéciale du Fivondronampokontany ou du Firaïampokontany procède huit jours au moins avant la date du scrutin à la désignation d'autres personnes remplissant les conditions requises et résidant dans le ressort territorial du Fivondronampokontany.

Art. 20. — Le port de badge dont les caractéristiques et le modèle sont fixés par décret, est obligatoire tant pour les membres du bureau de vote que pour les représentants-délégués et les observateurs agréés pendant la durée du scrutin. Les badges fournis par l'Etat sont identiques sur toute l'étendue du territoire national.

Art. 21. — Avant que l'électeur n'entre dans le bureau de vote, un membre du bureau vérifie au préalable si celui-ci n'est pas déjà porteur d'une marque indélébile sur le pouce gauche selon le procédé défini à l'alinéa *in fine* de l'article 22 ci-dessous.

Art. 22. — Après avoir introduit l'enveloppe dans l'urne, l'électeur appose sa signature sur la liste d'émargement. S'il ne sait pas écrire, il appose ses empreintes digitales qui seront contresignées par un membre du bureau de vote sur la liste d'émargement.

Un membre du bureau de vote doit s'assurer de la conformité de la signature avec celle apposée sur la carte électorale. En même temps, un assesseur marque la date du scrutin et appose sa signature dans la case réservée à cet effet sur la carte électorale.

Avant que l'électeur ne quitte le bureau de vote, un membre du bureau marque le pouce gauche de celui-ci à l'aide d'une encre indélébile. En cas de mutilation éventuelle, les membres du bureau de vote décident du choix du doigt à marquer et en fait mention à la liste d'émargement. Tout refus de se conformer à cette formalité destinée à prévenir le multiple vote est passible des peines prévues à l'article 473 du Code pénal. Le président du bureau de vote constate le refus dans un procès-verbal qu'il adresse au magistrat du ministère public ; il est dispensé des formalités fixées par l'article 128 du Code de procédure pénale.

CHAPITRE VI

DE LA GARANTIE MORALE DES OPERATIONS REFERENDAIRES

Art. 23. — Un Conseil National Electoral (CNE) garant moral de l'authenticité du scrutin et de la sécurité du vote, est chargé de superviser toutes les opérations relatives au bon déroulement du référendum.

A ce titre, il dirige et coordonne les actions nécessaires au bon déroulement des opérations référendaires.

Le CNE est responsable devant le Premier Ministre, Chef du Gouvernement.

A cet effet, il s'assure du concours des services de l'Administration et bénéficie d'une dotation spéciale de crédits sur le Budget général de l'Etat. Il peut saisir, en tant que de besoin, les autorités administratives pour toutes mesures nécessitant l'intervention des forces de l'ordre.

Art. 24. — Par dérogation aux dispositions législatives et réglementaires régissant les finances publiques, les règles de la comptabilité publique ne sont pas applicables à la gestion des fonds alloués au CNE. Toutefois, les comptes du CNE sont soumis à un contrôle d'audit externe.

Art. 25. — La composition, le mode de désignation des membres et les modalités de fonctionnement du Conseil national électoral sont fixés par décret pris en conseil de Gouvernement.

CHAPITRE VII

DES REPRESENTANTS-DELEGUES ET DES OBSERVATEURS

Art. 26. — Les associations, syndicats, partis politiques ou groupements de personnes dûment autorisés et titulaires d'un titre régulier en vertu de l'article 9 ci-dessus, doivent se constituer en comité de soutien dont un comité de soutien pour l'ensemble des partisans de la réponse « OUI » et un comité de soutien pour l'ensemble des partisans de la réponse « NON ».

Chaque comité de soutien doit désigner un représentant-délégué titulaire et un représentant-délégué suppléant habilités à contrôler toutes les opérations de vote, de dépouillement des bulletins et de décompte des voix dans chaque bureau de vote indiqué par son mandat, ainsi qu'à faire inscrire au procès-verbal sous sa signature, toutes observations, protestations ou contestations sur lesdites opérations, soit avant, soit après l'établissement des résultats du scrutin audit bureau de vote.

Le représentant-délégué titulaire et le représentant-délégué suppléant ne peuvent siéger simultanément.

Art. 27. — Le représentant-délégué doit être électeur inscrit sur la liste électorale du Fivondronampokontany ou du Firaisampokontany en ce qui concerne le Fivondronampokontany d'Antananarivo-Renivohitra. Il peut voter au bureau de vote auprès duquel il accomplit sa mission de représentant-délégué.

Le cas échéant, les renseignements le concernant selon les indications stipulées à l'article 28 ci-dessous sont ajoutés sur la liste d'émargement de ce bureau de vote avec le numéro de sa carte d'électeur et l'indication exacte de son bureau de vote. Mention en est faite au procès-verbal des opérations de vote.

Art. 28. — Le nom du représentant-délégué doit être notifié directement au président du bureau de vote avant l'ouverture du scrutin. La notification doit comporter obligatoirement pour le titulaire comme pour le suppléant, outre l'objet du mandat :

- les nom et prénoms ;
- la date et le lieu de naissance ;
- le domicile ;
- le numéro, la date et le lieu de délivrance de la carte nationale d'identité, du permis de conduire ou du passeport ;
- le numéro de la carte d'électeur et l'indication exacte de son bureau de vote ;
- la désignation exacte du bureau de vote pour lequel il est mandaté.

La notification, établie sur papier libre non timbré en double exemplaire, doit être signée par la personne habilitée à donner mandat au représentant-délégué et à son suppléant.

La signature du mandant et celle de chaque mandataire doivent être légalisées par le président ou un vice-président de la délégation spéciale d'un Firaisampokontany.

La légalisation de signature est gratuite.

Art. 29. — Le second exemplaire de la déclaration de notification est remis directement au représentant-délégué par le mandant et vaut titre régulier sans autre formalité en vue d'exercer son mandat.

Ce titre doit être présenté au président du bureau de vote et mention en est faite au procès-verbal des opérations de vote.

Art. 30. — En toutes circonstances, les droits des représentants-délégués sont garantis et la représentation de chaque comité de soutien dans le bureau de vote est assurée dès lors qu'ils sont munis de la déclaration de notification en bonne et due forme émanant du comité de soutien qu'ils représentent.

En cas d'expulsion ou d'empêchement du représentant-délégué titulaire, il est fait immédiatement appel au représentant-délégué suppléant pour le remplacer.

En tout état de cause, le mandant du comité de soutien, titulaire d'un titre régulier délivré en vertu de l'article 9 ci-dessus, peut procéder à la désignation d'un nouveau représentant-délégué à tout moment du scrutin pour assurer sa représentation en cas d'expulsion ou d'empêchement des représentants-délégués désignés initialement. Cette désignation faite verbalement au président du bureau de vote sera mentionnée au procès-verbal des opérations de vote et doit comporter les renseignements prévus à l'article 28 ci-dessus.

Art. 31. — En aucun cas, l'absence d'un représentant-délégué, quelle qu'en soit la cause, ne peut interrompre le déroulement des opérations de vote, ni constituer pour autant une cause d'annulation desdites opérations.

Art. 32. — Les organisations non gouvernementales (nationales, étrangères ou internationales) dont les activités visent à promouvoir le droit de vote des électeurs, peuvent être autorisées par décision du Conseil national électoral, à surveiller le déroulement des opérations de vote jusqu'à l'achèvement du procès-verbal au président de la commission du recensement général des votes et au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle. Elles désignent à cet effet des observateurs dont le nombre maximum dans un bureau de vote est limité, dans l'ensemble, à trois pour les représenter. Dans tous les cas, les observateurs agréés sont tenus au respect des dispositions de la « Charte de l'éducation civique et de l'observation du référendum » annexée à la présente ordonnance.

Art. 33. — Chaque observateur est tenu de présenter au président du bureau de vote l'attestation émanant de son organisation, dûment revêtue de la signature légalisée du mandant et de celle du mandataire. L'attestation doit comporter obligatoirement, outre l'objet du mandat, les indications suivantes :

- les nom et prénoms ;
- la date et le lieu de naissance ;
- le domicile ;
- l'indication de l'organisation et l'adresse du siège ;
- le numéro, la date et le lieu de délivrance de la carte nationale d'identité pour l'observateur national ou du passeport pour l'observateur étranger ;
- la désignation exacte du ou des bureaux de vote pour lesquels il est mandaté ;
- le numéro de la carte d'électeur et l'indication exacte de son bureau de vote pour l'observateur national.

Mention en est faite au procès-verbal des opérations de vote avec toutes les observations faites par chaque observateur.

En outre, chaque observateur présent au moment du dépouillement a droit à la remise d'un exemplaire du procès-verbal.

Art. 34. — L'observateur national peut voter au bureau de vote pour lequel il est mandaté. Dans ce cas, les renseignements le concernant selon les indications stipulées à l'article 33 ci-dessus sont ajoutés sur la liste d'émargement de ce bureau de vote avec le numéro de sa carte électorale et l'indication exacte de son bureau de vote. Mention en est faite au procès-verbal des opérations de vote.

Art. 35. — Les observateurs étrangers dûment autorisés et titulaires d'un titre en vertu de l'article 33 ci-dessus bénéficient de la gratuité de la délivrance de visas d'entrée et de séjour pendant la durée de leur mission à Madagascar.

Ils doivent, dans l'accomplissement de leur mission, respecter l'ordre public et se conformer aux lois et règlements en vigueur sur le territoire national.

CHAPITRE VIII

DU RECENSEMENT GENERAL DES VOTES ET DE LA CENTRALISATION DES RECLAMATIONS, CONTESTATIONS ET REQUETES CONTENTIEUSES

Art. 36. — Dès l'établissement des résultats de chaque bureau de vote, son président et celui du comité local de sécurité du Fokontany doivent faire diligence pour acheminer immédiatement sous pli fermé et par la voie la plus rapide au président de la commission de recensement matériel des votes siégeant au chef-lieu du Fivondronampokontany, tous les documents sans exception ayant servi aux opérations référendaires.

Art. 37. — La commission de recensement matériel des votes est composée :

— d'un magistrat nommé par arrêté du Garde des Sceaux, Ministre de la Justice, *président* ;

— de trois membres de la délégation spéciale du Fivondronampokontany et de trois fonctionnaires, tous désignés par arrêté du Ministre de l'Intérieur.

La commission de recensement matériel des votes dresse un inventaire des documents transmis par chaque bureau de vote et vérifie l'exactitude matérielle des décomptes qui y ont été faits.

Elle consigne dans son procès-verbal tout fait, élément, anomalies qu'elle a pu relever sur documents, bureau de vote par bureau de vote.

A la diligence du président de la commission de recensement matériel des votes et de toutes les autorités administratives du Fivondronampokontany, tous les documents ayant servi aux opérations référendaires accompagnés du procès-verbal de la commission ainsi que le bordereau récapitulatif sont transmis sous plis fermés, dans un délai de vingt-quatre heures à compter de la réception du dernier pli fermé visé à l'article 36 ci-dessus, au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle.

Cette transmission doit être effectuée, par la voie la plus rapide, sous la responsabilité respective des présidents des délégations spéciales du Fivondronampokontany et du Faritany.

Art. 38. — Tout électeur régulièrement inscrit sur les listes électorales utilisées pour le référendum a le droit de faire des réclamations et de contester la régularité des opérations de campagne ou de vote qui se sont déroulées dans le ressort du bureau de vote où il est inscrit.

Il peut de même contester les résultats du scrutin de son bureau de vote ou dénoncer l'inobservation des conditions, formes ou prescriptions légales.

CHAPITRE IX DU CONTENTIEUX

Art. 39. — La Haute Cour Constitutionnelle est juge en premier et dernier ressort de toute requête contentieuse relative au référendum.

Ses arrêts en la matière s'imposent à toutes les Institutions, aux pouvoirs publics, à toutes les autorités administratives ainsi qu'à toutes les juridictions sauf pour les questions d'état.

Les recours contentieux n'ont point d'effet suspensif.

Art. 40. — Dans un délai de dix jours francs après la clôture du scrutin, tout électeur remplissant les conditions prévues à l'article 38 ci-dessus peut saisir la Haute Cour Constitutionnelle par requête contentieuse formulée dans les conditions et formes édictées par la loi.

Cette requête peut être introduite :

1° Soit directement par dépôt au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle qui en délivre récépissé sur-le-champ ;

2° Soit par envoi recommandé au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle ; dans ce cas, le reçu de recommandation tient lieu de récépissé. Le requérant peut annoncer au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle, par la voie la plus rapide, la date de son envoi recommandé.

3° Soit par dépôt au greffe du tribunal de première instance ou de la section de tribunal dont relève le lieu de vote ou le domicile du requérant ; dans ce cas, le greffe concerné en délivre récépissé sur-le-champ et transmet la requête par la voie la plus rapide au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle.

Art. 41. — La Haute Cour Constitutionnelle statue selon les dispositions combinées des prescriptions législatives et réglementaires relatives à sa compétence et au contentieux électoral de droit commun, sauf dispositions particulières ou contraires édictées par la présente ordonnance.

CHAPITRE X

DE LA PROCLAMATION DES RESULTATS

Art. 42. — La proclamation officielle des résultats du référendum est effectuée en audience solennelle publique, nonobstant les recours contentieux non vidés, par la Haute Cour Constitutionnelle dans un délai maximum de vingt jours à compter de la réception du dernier pli fermé provenant des commissions de recensement matériel des votes.

Les résultats définitifs sont publiés au *Journal officiel* de la République.

CHAPITRE XI

DISPOSITIONS DIVERSES

Art. 43. — Les dépenses afférentes au fonctionnement des commissions de recensement matériel des votes sont imputées sur le chapitre des dépenses communes interministérielles du Budget général de l'Etat, sur engagement du président de chaque commission.

Art. 44. — Sur tous les points qui n'auront pas été réglés par la présente ordonnance, il est fait application des textes législatifs relatifs à la Haute Cour Constitutionnelle, ainsi que l'ordonnance n° 82-016, modifiée, du 6 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote.

Art. 45. — Des textes réglementaires fixent, en tant que de besoin, les modalités d'application de la présente ordonnance.

Art. 46. — Les peines pécuniaires prévues à l'article 79 et à l'article 85 de l'ordonnance relative à l'exercice du droit de vote sont portées à 72 000 FMG pour le minimum et à 720 000 FMG pour le maximum.

Celles prévues à l'article 81 de la même ordonnance sont portées à 144 000 FMG pour le minimum et à 1 440 000 FMG pour le maximum.

Seront punis des peines prévues au paragraphe 2 ci-dessus, ceux qui auraient usé de contrainte ou abusé de leur pouvoir dans le but d'influencer ou de modifier le choix d'un ou de plusieurs citoyens ou d'entraver le bon déroulement des opérations du référendum.

Outre la peine d'amende prévue ci-dessus, si la contrainte ou l'abus de pouvoir est assorti de violence, une peine de travaux forcés à temps est prononcée contre le coupable et ce, sans circonstances atténuantes.

Art. 47. — Une peine d'amende de 144 000 FMG à 1 440 000 FMG, assortie ou non d'une peine d'emprisonnement de un à six mois est appliquée aux personnes coupables de lacérations d'affiches de quelque nature que ce soient dès lors que ces affiches ont trait régulièrement au référendum.

Les mêmes peines sont également appliquées à ceux qui auront détruit ou renversé, par quelque moyen que ce soit, en tout ou en partie, des panneaux d'affichage électoral.

Art. 48. — Ceux qui, pendant la campagne référendaire, auront troublé la paix publique par des rixes, bagarres ou autres voies de fait seront punis d'un emprisonnement de six mois à trois ans et d'une amende de 200 000 à 2 000 000 FMG ou de l'une de ces deux peines seulement.

Art. 49. — La diffamation commise, soit par discours, cris proférés lors d'une propagande, soit par écrits, dessins ou images distribués pendant la campagne référendaire, sera passible des peines prévues à l'article 83 de la loi n° 90-031 du 21 décembre 1990 sur la communication.

Art. 50. — L'offense aux Institutions de l'Etat Malagasy ou l'outrage aux autorités lors d'une propagande référendaire sera puni de six mois à trois ans d'emprisonnement et d'une amende de 200 000 à 2 000 000 FMG.

Art. 51. — La présente ordonnance abroge toutes les dispositions législatives qui lui sont contraires, notamment la loi n° 91-024 du 5 août 1991 portant réglementation des consultations populaires directes.

Art. 52. — En raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 4 de l'ordonnance n° 62-041, du 19 septembre 1962 relatives aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, la présente ordonnance entre immédiatement en vigueur dès qu'elle aura reçu une publication par émission radiodiffusée ou affichage, indépendamment de son insertion au *Journal officiel* de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Promulguée après ratification de la Haute Autorité.

Antananarivo, le 8 juillet 1992.
Gdy Willy RAZANAMASY.

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement,
Le Ministre de l'Intérieur,
Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

Le Garde des Sceaux, Ministre de la Justice,
Armand RAJAONARIVelo.

Le Ministre des Affaires étrangères,
Césaire RABENORO.

Le Ministre des Forces armées,
Général Philippe Désiré RAMAKAVELO.

Le Ministre des Finances,
Evariste MARSON.

Le Ministre du Budget et du Plan,
Gérard RABVOHITRA.

Le Ministre de l'Instruction publique,
Fulgence FANONY.

Le Ministre des Postes et Télécommunications,
Aimé MARCEL.

Le Ministre de la Police nationale,
Augustin AMADY.

QUESTIONNAIRE

Acceptez-vous le projet de Constitution ci-joint, raffermissant l'Unité nationale, prônant la Démocratie par la protection des droits de l'homme et du citoyen, garantissant l'autonomie des régions, pour l'avènement de la III^e République ?

* * *

ANNEXE

CHARTRE DE L'EDUCATION CIVIQUE ET DE L'OBSERVATION DU REFERENDUM

Le conseil du Gouvernement du 8 mai 1992 a défini les objectifs qu'il visait en accueillant les observateurs internationaux :

— faire constater la transparence et la régularité des opérations référendaires, depuis l'inscription sur les listes électorales jusqu'à la phase de dépouillement et de clôture ;

— faire vérifier la pleine et totale liberté d'expression de l'ensemble des citoyens, l'absence de fraude et de manquements à la sincérité du vote à tous les stades du processus ;

— enfin, obtenir un témoignage de bonne conduite pour le caractère démocratique du référendum.

Ce souci de transparence ne doit pas être interprété comme une démission des pouvoirs publics : l'éducation civique des citoyens demeure une responsabilité d'Etat, même s'il se fait relayer par les ONG qui en auront fait la demande et satisfait aux conditions prescrites.

Par ailleurs, l'Etat reconnaît que l'observation des élections est un droit de la société civile. L'observation doit se dérouler dans le cadre général fixé par l'Etat et ne pas constituer une entrave aux opérations référendaires.

La présente Charte de l'observation trace les directives et conditions pour l'éducation civique et l'observation.

— CONDITIONS ET DIRECTIVES POUR L'EDUCATION CIVIQUE

11. — Conditions d'éligibilité :

L'ONG nationale, désireuse d'être agréée en matière d'éducation civique et/ou d'observation du référendum, devra remplir les conditions suivantes :

111. faire preuve de neutralité et d'indépendance à l'égard de tout parti ou organisation politique ;

112. faire état de son expérience dans les activités d'action sociale, d'éducation de masse ou de développement en relation avec les communautés locales, de son aire géographique, en précisant les noms des institutions avec lesquelles la postulante a travaillé.

113. faire état de son aptitude à fonctionner dans les domaines de la formation civique et de l'observation du référendum, de la réalité de sa capacité de couverture géographique.

Pour ce faire, elle devra :

114. présenter la liste de ses membres, leurs qualifications et leur activité actuelle ;

115. présenter ses relais et leurs adresses dans la zone de la circonscription qu'elle prétend couvrir. Dans cette zone, l'ONG ou l'ensemble d'ONG devra pouvoir présenter au moins un observateur pour 5 bureaux de vote ;

116. présenter sa méthodologie de travail, son programme ainsi que les instruments et le matériel (didactique) mis au point pour l'éducation et l'observation.

Le matériel méthodologique et/ou pédagogique sera soumis au Conseil national électoral (ou à ses relais locaux) pour s'assurer de sa conformité aux dispositions légales et de sa cohérence avec celui des autres ONG également engagées dans l'éducation civique et l'observation.

Le dossier ainsi présenté fera partie des archives du Conseil national électoral.

12. — Opérations sur le terrain

Les ONG ou ensemble d'ONG nationales doivent obligatoirement constituer un organe de coordination et s'accorder pour exécuter un plan de sensibilisation et de formation civique *unique*, en fonction de leurs moyens et modalités propres certes, mais en respectant les grandes lignes suivantes :

121. Assurer à elles seules une couverture nationale en informant le Conseil national électoral des points faibles géographiques.

122. Assurer en priorité la formation des membres des 15 000 bureaux d'inscription et de vote suivant un calendrier approprié. Une fois formés, ces membres sont les plus indiqués pour prolonger la formation au niveau de leurs villages. Ils peuvent aussi être responsables de groupes d'écoute.

123. Assurer une formation civique non partisane de l'ensemble des citoyens en mettant l'accent sur la *dignité du citoyen*, sur la *valeur décisive du vote* comme manifestation de cette dignité et du lien entre *le vote et la gestion de l'Etat*.

Les grandes lignes de la formation peuvent être fournies en temps utiles par le Conseil national électoral.

II. — CONDITIONS ET DIRECTIVES POUR L'OBSERVATION

Face à la prolifération des organisations non gouvernementales affichant des prétentions en matière d'observation des élections, les conditions et directives suivantes sont énoncées à l'intention des ONG désireuses de participer à ce processus.

21. — Considérations générales

L'observation va occuper une place centrale dans ces élections. Par définition, elle est une composante nécessaire de toute consultation démocratique dans le pays, à cause de la diversité même des parties intéressées aux résultats.

Elle concerne toutes les étapes du processus et spécialement les phases critiques : inscriptions, remise de la carte électorale, établissement des listes électorales, le vote lui-même, le dépouillement, les comptages intermédiaires et le décompte final des voix.

Elle sera conçue comme une opération unique, même si elle mobilise des équipes distinctes (différentes ONG, nationales et internationales), autonomes, opérant à différents niveaux (FAR — FIV — FIR) et à différentes étapes du processus référendaire (avant, pendant, après le scrutin).

22. — Types d'observateurs

— les observateurs de la Société civile nationale malgache, dûment autorisés suivant les conditions ci-dessous, agissant seuls au sein d'une structure de coordination se portant garante des actions de ses membres ;

— les observateurs internationaux, multilatéraux et bilatéraux ou faisant partie d'institutions privées ou de fondations reconnues pour leur action en faveur du respect des droits d'homme et de la démocratie.

Les deux catégories d'observateurs sont supposées compléter la machine électorale et serviront de référence en cas de litiges soulevés par les comités de soutien ou les délégués des parties engagées dans la compétition électorale.

23. — Organisation de l'observation

231. Equipe-type

— toute institution d'observation devra accepter la constitution d'une équipe-type dont les membres équilibreront leurs moyens respectifs (équipement, mobilité, savoir-faire, connaissance du milieu, nombre) au cours d'une observation des séquences complètes d'une étape donnée du processus :

- * éléments stationnaires à des points d'observation de base,
- * un ou des éléments de contrôle mobile,

* un ou des éléments de liaison avec des unités de collecte de données,

* un ou des éléments de transport.

Toute équipe-type comprendrait idéalement une partie internationale et une partie malgache.

232. Normalisation des instruments d'observation

Les principales institutions expérimentées dans l'observation produiront un manuel dont les instructions permettront un traitement uniforme des informations.

233. Répartition géographique des équipes

Elle sera effectuée suivant le plan établi sous la direction du Conseil national électoral afin de bien répartir la capacité globale et totale de l'ensemble des institutions.

234. Aspects financiers

En aucun cas l'Etat ne peut participer à une quelconque prise en charge des frais d'observation : hébergement ou autre.

MINISTERAN' NY ATITANY

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-92-683

anaovana fitsipika mifehy ny fepetra fampiharana ireo andinidininy ao amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny fampisafidianam-bahoaka atao ny alarobia 19 aogositra 1992.

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana sy ny Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991, Araka ny hitsivolana laharana faha-82-018 tamin' ny 6 mey 1982 mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato, miaraka amin' ireo rijan-teny taty aoriana izay nanovana nameno azy,

Araka ny hitsivolana laharana faha-90-001 tamin' ny 9 mersa 1990 anaovana ny satam-pitondrana ankapobe ireo antoko na fikambanana politika,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 amerana ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fampisafidianam-bahoaka mba handaniana ny volavolan-dalàmpanorenan' ny Repoblika faha-III,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-432 tamin' ny 8 aogositra 1991 anendrena ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-549 tamin' ny 13 novambra 1991 anendrena ireo mambra ao amin' ny Governemanta, novan' ny didim-panjakana laharana faha-91-614 tamin' ny 19 desambra 1991 sy ny didim-panjakana laharana faha-92-369 tamin' ny 18 mersa 1992,

Et am-pivoriana ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didy izao :

Andininy voalohany. — Alamina araka ny fepetra entin' izao didim-panjakana izao ny fomba fampiharana ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 manoritra ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fampisafidianam-bahoaka mba handaniana ny volavolan-dalàmpanorenan' ny Repoblika faha-III.

TOKO VOALOHANY

FEPETRA ANKAPOBE

And. 2. — Afa-tsy raha misy fepetra manokana na mifanohitra amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 tondroina etsy ambony na koa amin' izao didim-panjakana izao dia azo ampiharina amin' izay rehetra raharaha momba ny fampisafidianam-bahoaka atao ny alarobia 19 aogositra 1992 ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982 nasiam-panovana, mbamin' ny rijan-teny taty aoriana.

TOKO II

FANDAMINANA NY FANDATSAHAM-BATO

And. 3. — Ny vondrona tsirairay, na ara-toekarena izany, na ara-koltoraly, na ara-tsosialy, na ara-tsendikaly, na ara-politika miforona ara-dalàna ho komity mpanohana ka nahazo alàlana, araka ny fepetra izay hosoritana mazava amin' ny alàlan' ny didim-panjakana manokana mba hanao fampielezan-kevitra amin' ny fotoanan' ny fampisafidianam-bahoaka atao ny Alarobia 19 aogositra 1992, dia tsy maintsy manendry solontena-delege iray tompon-toerana na mpisolô toerana ka nomem-pahefana marina hanao izany, mba hanara-maso ireo raharaha rehetra momba ny latsabato sy ny fisarihana ny vato ary ny fanisana ny vato any amin' ny biraom-pifidianana tsirairay ka voatondron' ny iraka nampianovina azy no sady koa mampanoratra ad amin' ny fitanana an-tsoratra izay soniaviny ireo fanamarihana sy fanoherana na fitipahana rehetra mikasika izany raharaha voalaza izany, na talohan' ny fanangonana ny vokatra ny fifidianana tao amin' io biraom fandatsaham-bato voalaza io, na taty aoriany.

Tsy mahazo miara-manatrika eo ny solontena-delege tompon-toerana sy ny solontena-delege mpisolô toerana.

Ireo solontena-delege dia tsy maintsy mpifidy voasoratra ao amin' ny lisitry ny mpifidin' ny Fivondronampokontany tandrify izany, na ny an' ny Firaisampokontany raha mikasika ny Fivondronampokontany Antananarivo-Renivohitra.

Ny anaran' ireo solontena-delege tompon-toerana dia tsy maintsy ampahafantarana mivantana ny filohan' ny biraom fandatsaham-bato mialoha ny fanombohan' ny fifidianana.

Ny fampahafantarana dia tsy maintsy misy anarana sy fanampin' anaran' izy ireo, ny vaninandro sy ny toerana nahaterahana, ny fonenana, ny laharana entin' ny karapanondrom-pirenena, ny fahazoana mamily fiarakodia na ny pasipaoro sy ny vaninandro ary ny toerana nanomezana izany, ny laharana entin' ny karapifidianana sy ny fanondroana marina izay biraom fandatsahan' izy ireo vato ary koa ny filazana mazava tsara izay biraom-pifidianana ka ananan' izy ireo fahefana hanatontosana iraka.

Ny fampahafantarana izay vita sosony roa mitovy amin' ny taratasy tsotra tsy misy hajian-ketra, dia tsy maintsy voasonian' ilay olona manana fahefana haniraka, amin' ny anaran' ny komity mpanohana ary ilay solontena-delege tompon-toerana sy ny mpisolô toerana azy io. Tsy maintsy voamarina teo anatrehan' ny lalàna na ny sonian' ny mpanome fahefana na ny sonian' ilay notoloram-pahefana ka ny fanaovana izany dia maimaimpoana sy iandraiketan' ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Firaisampokontany na ny filoha-lefity iray.

And. 4. — Na manao ahoana na manao ahoana dia tsy maintsy ferana amin' ny alalan' ny didim-pitondrana ataon' ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Faritany ny lisitr' ireo biraom fandatsaham-bato ary izany dia enina ambin' ny folo (16) andro any mialoha ny vaninandro hanaovana ny latsabato, no sady koa ampahafantarana ny mpifidy amin' izay fomba rehetra mifanentana amin' izany eo ambany fikarakaran' ny Fitondrampanjakana.

Izay rehetra fanovana atao amin' io lisitra io na izay rehetra biraom vaovao na koa toerana vaovao asiana ny biraom, dia tsy maintsy misy didim-pitondrana fanitsiana raisina efatra amby roa-polo (24) ora ahay mialoha ny andro fandatsaham-bato ary ampahafantarana ny besinimaro amin' ny alalan' ireo fomba rehetra.

And. 5. — Misy filoha iray, filoha-lefity iray, mpitsara mpanampy efatra ary mpitan-tsoratra iray ny biraom fandatsaham-bato. Ho fakan-kevitra fotsiny ihany ity farany eo amin' ny fifampierana ataon' ny biraom.

Ireo mambra ao amin' ny biraom dia mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra, voasoratra ao amin' ny lisitry ny mpifidin' ny Fokontany.

Ny filoha sy ny filoha-lefity ary ny mpitan-tsoratra dia tendren' ny fivoriamben' ny Fokontany izay nantsoina hivory manokana ho amin' izany raha vantany, vao mivoaka ho fantary ny besinimaro ny didim-panjakana iantsoana ny mpifidy. Izany fanendrena

izany dia hita fototra amin' ny alàlan' ny fanapahana ataon' ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany. Na izany aza anefa, raha toa ka mihitsoka io fomba arahina momba ny fanendrena tondroina etsy ambony io, na noho ny tsy fisian' ny mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra, na noho ny tsy fahatrarana ny isa ilaina mba hampanan-kery ny fanapahan-kevitra ny fivoriamben-pokontany araka ny fepetra voatondron' ny andininy faha-29 (vaovao) andalana voalohany, amin' ny hitsivolana laharana faha-76-044 tamin' ny 27 desambra 1976 mametra ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ny fomba fiasany ary ny anjara raharahany, dia ataon' ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany na ny Firaisampokontany ny fanendrena valo andro ahay mialoha ny vaninandro' ny latsabato ireo olon-kafa ka mahafeno ny fepetra ilaina no sady monina ao anatin' ny faritry ny tany iadidian' ny Fivondronampokontany.

Ny asan' ireo mpitsara mpanampy dia iandraiketan' ireo solontenan' ny komity mpanohana miforona ara-dalàna sy mahazo alàlana hanao fampielezan-kevitra amin' ny fotoana fampisafidianam-bahoaka. Ireo mpitsara mpanampy dia tsinjara ka atao mitovy ny isany eo amin' izay manao fampielezan-kevitra momba ny valin-teny «ENY» sy izay nanandratra ny valin-teny «TSIA». Mitovy tsy misy valaka amin' ny fombafomba noaisina tamin' ny fanendrena ireo solontena-delege tondroin' ny andininy faha-3 etsy ambony ihany koa ny fanendrena azy ireo sy ny fanambarana, ny fampahafantarana izany azy ireo.

Raha hita miharihary fa misy lesoka amin' ny komity mpanohana, dia ny filohan' ny biraom fandatsaham-bato no manendry ireo mpitsara mpanampy amin' izay mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra miatrika eo amin' ny fanombohan' ny fifidianana. Homarihina ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha natao mikasika ny latsabato izany.

Raha toa latsaka ny efatra (4) ny isan' ireo mpitsara mpanampy tonga manatrika eo, dia manendry araka izay ilàna azy, iray na maromaro amin' ireo mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra no sady voasoratra ao amin' ny lisi-pifidianana ao amin' ilay biraom fandatsaham-bato ny filohan' io biraom fandatsaham-bato io, mba hisahana ny raharahan' ny mpitsara mpanampy.

And. 6. — Ny mpifidy hadino tsy voasoratra ao amin' ny lisi-pifidianana na nesorina tao ny anarany noho ny fahadisoana tsy nahy teo am-panaovana azy, dia mahazo mangataka ny hanomezana azy, aorian' ny famaranana io lisitra voalaza io, didim-pitsarana iray mahasolo izany any amin' ny fitsarana mahefa eo amin' ny faritry ny tany misy azy hatramin' ny ankatoky ny andro fifidianana.

And. 7. — Ny andro anaovana ny fifidianana, izay mpifidy voasoratra ara-dalàna tao amin' ny lisi-pifidianana foibe nefa hadino ny anarany ka tsy voasoratra ao anatin' ireo kopia nalaina tamin' ny lisitra mikasika ny biraom fandatsahany vato, dia manan-jo ny anomezana azy avy hatrany taratasy iray vavolombelona manaporofa ny fisoratany anarana tao amin' ny lisi-pifidianana foibe izay ny manam-pahefana ara-pitondrana tompon' andraikitra ao amin' ny Fivondronampokontany no manome izany na ny any amin' ny Firaisampokontany ho an' ny Fivondronampokontany Antananarivo-Renivohitra.

Io taratasy vavolombelona nomen' ny Fanjakana io izay tsy maintsy ahitana ao anatin' ny laharan' ny kara-pifidianan' ilay tompony sy ireo anarany, fanampin' anarany ary fonenany dia hotanan' ny filohan' ny biraom-pifidianana, rehefa hita fototra fa nandatsa-bato tokoa ilay olona voakasika mba hatovana ny fitanana an-tsoratra ireo vokatra ny fifidianana.

And. 8. — Aorian' ny fifaranan' ny latsabato, dia aroso miaraka amin' izay ny fisarihana ny vato isaky ny biraom-pifidianana.

Atao ampahibemaso ny fisarihana ny vato.

Ireo solontena-delege tondroin' ny andininy faha-3 etsy ambony dia samy manendry avy mpanisa vato izay tsy maintsy tsinjara mitovy, araka izay azo atao, isan-databatra anaovana ny fisariham-bato. Ora iray mialoha ny fifaranan' ny latsabato dia atolotra ny filohan' ny biraom-pifidianana ny anaran' izy ireo, mba ahazoana mandamina, alohan' ny fanombohana ny fisariham-bato, ny lisitr' ireo mpanisa vato isan-databatra.

Ireo latabatra izay eo ambonin' izay no iasana amin' ny fisariham-bato dia apetraka arak' izay fomba ahazoan' ny mpifidy mivezivezy manodidina azy ireo ka tsy hanelingelina mihitsy ny asa ataon' ireo mpanisa vato.

And. 9. — Amarinina ny isan' ny valopy. Raha latsaka na mihoa-tra ny isan' ny sonia eny an-tsisiny ny isan' izy ireo, dia anaovana filazana ao anatin' ny fitanana an-tsoratra izany.

Zarazarain' ny filoha eny amin' ny latabatra rehetra eny ny valopy tsy maintsy hohamarinina.

Isan-databatra, dia misy mpanisa vato iray manaisotra ny taratasin-datsabato amin' ny valopiny avy ka manolotra izany mivelatra an' ilay mpanisa vato iray hafa.

Izy io no miantsoantso mafy amin' ny famakiana izay voalaza ao ary mpanisa vato roa ahay fara-fahakeliny no mandray an-tsoratra ireo valin' ny fanontaniana apetraka amin' ny ravin-taratasy efa voamana ho an' ny fisariham-bato.

And. 10. — Raha misy taratasin-datsabato maromaro ao anatin' ny valopy anankiray dia maty ny latsabato natao raha toa ka mifanipaka ireo valin-teny roa entin' ny taratasin-datsabato.

Manan-kery ny latsabato raha mitovy ny valin-teny entin' ireo taratasin-datsabato ireo, na samy manaiky izy ireo na samy mandà, fa dia kaontiana ho vato tokana ihany.

And. 11. — Izay taratasin-datsabato hafa karazana noho izay nomen' ny Fanjakana, izay taratasin-datsabato hita tao anatin' ny vata fandatsaham-bato kanefa tsy misy valopy na natao tanaty valopy tsy misy fitomboka na koa valopy tsy avy amin' ny Fanjakana, izay taratasin-datsabato na valopy misy marika ahafantarana azy na ao anatin' ny ety ivelany dia tsy manan-kery ka tsy hatomboka amin' ny vokatry ny fisariham-bato.

Ireo taratasin-datsabato nambara fa tsy manan-kery sy izay taratasin-datsabato notoharina ary ny valopy tsy ara-dalàna dia atovana ny fitanana an-tsoratra rehefa nosonjavin' ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato.

And. 12. — Atao taratasy efa-tsozona mitovy eo no ho eo ihany ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha momba ny fampisafidianam-bahoaka isaky ny birao fandatsaham-bato ka ny *sosony iray* dia atao peta-drindrina avy hatrany eo ivelan' ny birao fandatsaham-bato.

Ny filohan' ny birao fandatsaham-bato tsirairay avy sy an' ny komitim-paritra miadidy ny fandiampahalemana any amin' ny Fokontany no mandefa ilàlana tsy misy hatak' andro amin' ny fomba malaky dia malaky indrindra ny *sosony faharoa* amin' ilay fitanana an-tsoratra mbamin' ireo taratasin-draharaha rehetra tsy misy avakavaka nampiasaina tamin' ny asa natao momba ny fampisafidianam-bahoaka ka ao anaty valopy mihidy no ikarakarany izany mankany amin' ny filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato izay mivory any amin' ny renivohitry ny Fivondronampokontany.

Ny *sosony fahatelo* amin' io fitanana an-tsoratra io dia alefa avy hatrany any amin' ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany mba ho anisan' ireo tantsoratr' elany. Ny *sosony fahafatra* kosa dia mijanona ho tahirim-bokin' ny firaketan-tsoratra ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahafana voakasika.

Ankoatr' izany, dia manan-jo ny hanomezana azy *sosony iray* amin' ny fitanana an-tsoratra ny raharaha natao momba ny fampisafidianam-bahoaka, ny solontena-delege tsirairay sy ny mpanara-maso tsirairay nahazo fankatoavana hisahana ny andrainkiny ka tonga nanatrika teo tamin' ny fotoana nandovana ny fisariham-bato.

TOKO III

FANANGONANA AN-TOERAN-TOKANA IREO VOKATRY NY FIFIDIANANA

And. 13. — Raha vao mifarana ny raharaha nosahanin' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato dia alefa any amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ao anaty valopy mihidy, ireo antontan-taratasy rehetra nampiasaina tamin' ny asa fanatanterahana ny fampisafidianambahoaka miaraka amin' ny fitanana an-tsoratra nataon' ny vaomiera mbamin' ny safim-pamintinana izany eo ambany fikarakaran' ny filohan' ny vaomiera sy ireo manampahefana arapitondrana rehetra ao amin' ny Fivondronampokontany.

Io fandefasana io dia atao amin' izay fomba malaky dia malaky indrindra ka samy tompon' andraikitra amin' izany avy ireo filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany sy ny Faritany.

TOKO IV

NY AMIN' NY FIFANOLANANA

And. 14. — Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no mpitsara am-boalohany sady farany ny amin' izay rehetra fangataham-pitsarana ny fifanolanana momba ny fampisafidianambahoaka. Manapa-kevitra izy arak' ireo fepetra mikambana voadidy arahina ka raiketin' ny didy aman-dalàna mikasika ny tandrifim-pahafany sy momba ny fifanolanana eo amin' ny fifidianana ka feheziny ny lalàna iombonana afa-tsy raha misy fepetra manokana na mifanohitra amin' izany ka voadidin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 amerana ny fitsipika mikasika ny fampisafidianambahoaka ny fampiharana azy.

And. 15. — Amin' ny fivoriana manetriketrika ampahibemaso no anaovan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fanambarana ofisialy ireo vokatry ny latsabato tamin' ny fampisafidianambahoaka, na dia mbola tsy vita aza ny fitsarana ireo fampakaran-draharaha noho ny fifanolanana, ary izany dia ao anatin' ny fe-potoana roapolo (20) andro raha efa indrindra miantomboka amin' ny naharaisana ny valopy farany mihidy avy any amin' ireo vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato.

Ireo vokatra raikitra tanteraka dia avoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Ny famoahana hanan-kery ny Lalàmpanorenana ny Repoblika faha-III nolaniana tamin' ny alalan' ny fampisafidianambahoaka dia azo atao avy hatrany raha vantany vao nambara ampahibemaso ireo vokatra ny fifidianana.

TOKO V

FEPETRA SAMIHAFANA

And. 16. — Ireo mambra ao amin' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato dia mahazo tamby raikitra izay roa hetsy Iraimbilanja (200 000 la) no habetsahany.

Ireo mpitsara sy mpiasam-panjakana voatendry ho mambra ao amin' ny vaomiera araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-37 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 tondroina etsy ambony, izay voatery hivezivezy mba hahatongavana any amin' ny foibe ivorian' io vaomiera voalaza io, dia mahazo ny tamby tandrify izany araka ny fepetra soritan' ny didim-panjakana laharana faha-60-334 tamin' ny 7 septambra 1960 anaovana fitsipika mifehy ny fifindran-toeran' ireo mpiasam-panjakana sy mpitsaran' ny Fanjakana, novan' ny didim-panjakana laharana faha-91-458 tamin' ny 17 septambra 1991.

And. 17. — Misy ireo tamby hafa noho ny asa atao ankoatry ny ora fiasana ara-dalàna omena ny mpanandraharaha mpanatanteraka ny asa izay nomen' ireo manampahefana ara-pitondrana sy ara-pitsarana iadidian' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisambato sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana eo amin' ny fanatontosana ny andraikitra nankinina amin' izy ireo araka ny voafaritry ny andininy faha-36 ka hatramin' ny faha-41 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992: tondroina etsy ambony, ary koa izay natolotra iadidian' ny minisiteran' ny Atitany mba hamory an-toeran-tokana ireo vokatra azo vonjimaika tamin' ny fiidianana mba enti-manome vaovao ny vahoaka.

And. 18. — Zakain' ny toko mikasika ny fandaniana iombonana ka iraisan' ny minisitera ao amin' ny Tetibolam-panjakana ankapobe ireo vola lary amin' ny fanefana izany tamby isankarazany voalazan' ireo andininy faha-16 sy faha-17 tondroina etsy ambony izany.

And. 19. — Ny ankatoky ny andro fandatsaham-bato, manomboka amin' ny roa ambin' ny folo (12) ora antoandro sy ny andro anaovana ny latsabato, dia voarara manerana ny tanim-pirenena ny fivarotana sy ny fizarana ary ny fisotroana izay rehetra zava-pisotro misy alikaota eny amin' ireo toerana falehan' ny besinimaro.

And. 20. — Ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Tetibola sy ny Teti-pivoarana ary ny Minisitry ny Polisim-pirenena no miadidy, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao, izay noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 entin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna eto amin' ny firenena sy ny lalàna iraisam-pirenena-tsamihafa amin' ny fifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, dia manan-kery avy hatrany raha vantany vao hampafantarina ny besinimaro amin' ny alàlan' ny fampielezam-peo na amin' ny fanaovana azy peta-drindrina ankoatry ny famoahana azy amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 13 jolay 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Avy amin' ny Praisinisitra,
sady Lehiben' ny Governemanta:

Ny Minisitry ny Atitany,

Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

Ny Minisitry ny Fitantanam-bola,
Evariste MARSON.

Ny Minisitry ny Tetibola sy ny Teti-pivoarana,
Gérard RABEVOHITRA.

Ny Minisitry ny Polisim-pirenena,
Augustin AMADY.

MINISTÈRE DE L'INTERIEUR

DECRET N° 92-683

régissant les conditions d'application des dispositions de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 relatives au référendum du mercredi 19 août 1992.

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution et la Convention du 31 octobre 1991,

Vu l'ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote, ensemble les textes subséquents qui l'ont modifiée ou complétée,

Vu l'ordonnance n° 90-001 du 9 mars 1990 portant régime général des partis ou organisations politiques,

Vu l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle.

Vu l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution de la III^e République,

Vu le décret n° 91-432 du 8 août 1991 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 91-549 du 13 novembre 1991 portant nomination des membres du Gouvernement, modifié par le décret n° 91-614 du 19 décembre 1991 et le décret n° 92-369 du 18 mars 1992.

En conseil de Gouvernement.

Décète:

Article premier. — Les conditions d'application de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution de la III^e République sont réglées par les dispositions du présent décret.

CHAPITRE PREMIER

DISPOSITIONS GÉNÉRALES

Art. 2. — Sauf dispositions particulières ou contraires de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 susvisée ou du présent décret, l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle et l'ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982 modifiée, relative à l'exercice du droit de vote ainsi que les textes subséquents, sont applicables à toutes les opérations relatives au référendum du mercredi 19 août 1992.

CHAPITRE II

ORGANISATION DU SCRUTIN

Art. 3. — Chaque groupement économique, culturel, social, syndical ou politique régulièrement constitué en comité de soutien et autorisé, dans les conditions qui seront précisées par un décret particulier, à faire de la propagande à l'occasion du référendum du mercredi 19 août 1992, doit désigner un représentant-délégué titulaire ou suppléant dûment mandaté, pour contrôler toutes les opérations de vote, de dépouillement des bulletins et de décompte des voix dans chaque bureau de vote indiqué par son mandat, ainsi que pour faire inscrire au procès-verbal sous sa signature, toutes observations, protestations ou contestations sur lesdites opérations, soit avant, soit après l'établissement des résultats du scrutin audit bureau de vote.

Le représentant-délégué titulaire et le représentant-délégué suppléant ne peuvent siéger simultanément.

Les représentants-délégués doivent être électeurs inscrits sur la liste électorale du Fivondronampokontany considéré ou du Firaisampokontany en ce qui concerne le Fivondronampokontany d'Antananarivo-Renivohitra.

Les noms des représentants-délégués titulaires doivent être notifiés directement au président du bureau de vote avant l'ouverture du scrutin.

La notification doit obligatoirement comporter leurs noms et prénoms, date et lieu de naissance, domicile, numéro, date et lieu de la délivrance de la carte nationale d'identité, du permis de conduire ou du passeport, numéro de la carte d'électeur et indication exacte de leur bureau de vote ainsi que la désignation exacte du bureau de vote ainsi que la désignation exacte du bureau de vote pour lequel ils sont mandatés.

La notification, établie sur papier libre non timbré en double exemplaire, doit être signée par la personne habilitée au nom du comité de soutien à donner mandat au représentant-délégué titulaire et à son suppléant. La signature du mandant et celle de chaque mandataire doivent être légalisées, à titre gratuit, par le président ou un vice-président de la délégation spéciale du Firaisampokontany.

Art. 4. — La liste des bureaux de vote doit être fixée, dans tous les cas, par arrêté du président de la délégation spéciale du Faritany, seize jours au moins avant la date du scrutin, et portés à la connaissance des électeurs par tous les moyens appropriés, à la diligence de l'Administration.

Toute modification apportée à cette liste, tout nouveau bureau ou tout nouvel emplacement de bureau doit faire l'objet d'un arrêté rectificatif qui doit être pris vingt-quatre heures au moins avant le jour du scrutin et porté à la connaissance du public par tous les moyens.

Art. 5. — Le bureau de vote est composé d'un président, d'un vice-président, de quatre assesseurs et d'un secrétaire. Ce dernier n'a qu'une voix consultative dans les délibérations du bureau.

Les membres du bureau de vote sont des électeurs sachant lire et écrire, inscrits sur la liste électorale du Fokontany.

Le président, le vice-président et le secrétaire sont désignés par l'assemblée générale du Fokontany spécialement réunie à cet effet dès la publication du décret convoquant les électeurs. La désignation est constatée par décision du président de la délégation spéciale du Fivondronampokontany. Toutefois, lorsque la procédure de désignation précitée se trouve bloquée, soit par défaut d'électeurs sachant lire et écrire, soit par défaut du quorum nécessaire pour la validité des délibérations de l'assemblée générale du Fokontany selon les conditions prévues à l'article 29 (nouveau), alinéa premier, de l'ordonnance n° 76-044 du 27 décembre 1976 fixant les règles relatives à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions des Collectivités décentralisées, le président de la délégation spéciale du Fivondronampokontany ou du Firaism-pokontany procède huit jours au moins avant la date du scrutin à la désignation d'autres personnes remplissant les conditions requises et résidant dans le ressort territorial du Fivondronampokontany.

Les fonctions d'assesseurs sont remplies par des représentants des comités de soutien régulièrement constitués et autorisés à faire campagne à l'occasion du référendum. Les assesseurs sont répartis en nombre égal entre ceux qui ont fait campagne pour la réponse « OUI » et ceux qui ont prôné pour la réponse « NON ». Leur désignation et leur déclaration de notification sont effectuées dans les mêmes conditions que celles des représentants-délégués prévues à l'article 3 ci-dessus.

En cas de carence manifeste du comité de soutien, la désignation des assesseurs est faite par le président du bureau de vote parmi les électeurs sachant lire et écrire, présents à l'ouverture du scrutin. Mention en sera faite au procès-verbal des opérations de vote.

Si le nombre d'assesseurs présents est inférieur à quatre, le président du bureau de vote désigne, en tant que de besoin, pour remplir les fonctions d'assesseurs, un ou plusieurs électeurs sachant lire et écrire, inscrits sur la liste électorale du bureau de vote.

Art. 6. — L'électeur omis ou radié de la liste électorale par suite d'une erreur matérielle peut se faire délivrer, après la clôture de la dite liste, une ordonnance du tribunal territorialement compétent jusqu'à la veille du scrutin.

Art. 7. — Le jour du scrutin, l'électeur régulièrement inscrit sur la liste électorale mère, mais dont le nom est omis dans les extraits de liste concernant son bureau de vote, a le droit de se faire délivrer immédiatement une attestation d'inscription sur la liste mère par l'autorité administrative responsable du Fivondronampokontany ou du Firaism-pokontany en ce qui concerne le Fivondronampokontany d'Antananarivo-Renivohitra.

Ladite attestation administrative sur laquelle doivent figurer le numéro de la carte d'électeur du titulaire, ses nom, prénoms, domicile, sera gardée après constatation du vote de l'intéressé, par le président du bureau de vote pour être annexé au procès-verbal des résultats du scrutin.

Art. 8. — Après la clôture du scrutin, il est immédiatement procédé au dépouillement dans chaque bureau de vote.

Le dépouillement est public.

Les représentants-délégués visés à l'article 3 ci-dessus désignent respectivement les scrutateurs qui doivent être répartis également autant que possible par chaque table de dépouillement. Leurs noms sont remis au président du bureau de vote, une heure avant la clôture du scrutin, pour que la liste des scrutateurs par table puisse être établie avant le début du dépouillement.

Les tables sur lesquelles s'opère le dépouillement sont disposées de telle sorte que les électeurs puissent circuler autour sans gêner en aucune manière le travail des scrutateurs.

Art. 9. — Le nombre des enveloppes est vérifié. S'il est inférieur ou supérieur à celui des émargements, il en est fait mention au procès-verbal.

Le président répartit entre les différentes tables les enveloppes à vérifier.

A chaque table, l'un des scrutateurs extrait le bulletin de chaque enveloppe et le passe déplié à un autre scrutateur. Celui-ci le lit à haute voix, les réponses à la question posée étant relevées par deux scrutateurs au moins sur les feuilles de dépouillement.

Art. 10. — Si une enveloppe contient plusieurs bulletins, le vote est nul quand les bulletins portent deux réponses contradictoires.

Le vote est valable si ces bulletins portent la même réponse, positive ou négative, et compte pour un seul suffrage.

Art. 11. — Les bulletins d'un modèle différent de celui fourni par l'Administration, les bulletins trouvés dans l'urne sans enveloppe ou dans une enveloppe non estampillée ou non fournie par l'Administration, les bulletins ou enveloppes portant des signes intérieurs ou extérieurs de reconnaissance sont nuls, et n'entrent pas en compte dans le résultat du dépouillement.

Les bulletins déclarés nuls, les bulletins contestés et les enveloppes non réglementaires, contresignés par les membres du bureau de vote, sont annexés au procès-verbal.

Art. 12. — Le procès-verbal des opérations référendaires dans chaque bureau de vote est rédigé séance tenante en quatre exemplaires dont un sera affiché immédiatement à l'extérieur du bureau de vote.

Chaque président de bureau de vote et celui du comité local de sécurité du Fokontany doivent faire diligence pour acheminer sans délai le second exemplaire du procès-verbal ainsi que tous les documents sans exception ayant servi aux opérations référendaires, sous pli fermé et par la voie la plus rapide, au président de la commission de recensement matériel de vote siégeant au chef-lieu du Fivondronampokontany.

Le troisième exemplaire du procès-verbal est immédiatement adressé au président de la délégation spéciale du Fivondronampokontany pour ses archives. Le quatrième reste déposé au secrétariat de la Collectivité décentralisée concernée.

En outre, chaque représentant-délégué et chaque observateur agréé présents au moment du dépouillement ont droit à la remise d'un exemplaire du procès-verbal des opérations référendaires.

CHAPITRE III

CENTRALISATION DES RESULTATS

Art. 13. — Dès la clôture des opérations de la commission de recensement matériel des votes, tous les documents ayant servi aux opérations référendaires accompagnés du procès-verbal de la commission ainsi que le bordereau récapitulatif sont transmis sous plis fermés, à la diligence du président de la commission et de toutes les autorités administratives du Fivondronampokontany, au greffe de la Haute Cour Constitutionnelle.

Cette transmission est effectuée, par la voie la plus rapide, sous la responsabilité respective des présidents des délégations spéciales du Fivondronampokontany et du Faritany.

CHAPITRE IV

CONTENTIEUX

Art. 14. — La Haute Cour Constitutionnelle est juge en premier et dernier ressort de toute requête contentieuse relative au référendum. Elle statue conformément aux dispositions combinées des prescriptions législatives et réglementaires relatives à sa compétence et à celle du contentieux électoral de droit commun, sauf dispositions particulières ou contraires édictées par l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum.

Art. 15. — La proclamation officielle des résultats du référendum est effectuée en audience solennelle publique, nonobstant les recours contentieux non vidés, par la Haute Cour Constitutionnelle dans un délai maximum de vingt jours à compter de la réception du dernier pli fermé provenant des commissions de recensement matériel des votes.

Les résultats définitifs sont publiés au *Journal officiel* de la République.

La promulgation de la Constitution de la III^e République adoptée par référendum peut intervenir immédiatement dès la proclamation officielle des résultats.

CHAPITRE V DISPOSITIONS DIVERSES

Art. 16. — Les membres de la commission de recensement matériel des votes bénéficient d'une indemnité forfaitaire dont le montant est fixé à 200 000 FMG.

Les magistrats et fonctionnaires désignés membres de la commission conformément aux dispositions de l'article 37 de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 susvisée et qui sont appelés à faire des déplacements pour rejoindre le siège de ladite commission, bénéficient de l'indemnité y afférente dans les conditions fixées par le décret n° 60-334 du 7 septembre 1960 portant règlement du régime des déplacements des fonctionnaires et magistrats de l'Etat, modifié par le décret n° 91-458 du 17 septembre 1991.

Art. 17. — Des indemnités pour travaux effectués en dehors des heures légales de travail peuvent être allouées au personnel d'exécution que les autorités administratives et judiciaires ont mis à la disposition de la commission de recensement matériel des votes, de la Haute Cour Constitutionnelle dans l'accomplissement de leur mission définie par les articles 36 à 41 de l'ordonnance n° 92-019 susvisée ainsi que du ministère de l'Intérieur pour la centralisation des résultats provisoires en vue de l'information du public.

Art. 18. — Les dépenses relatives au paiement des diverses indemnités visées aux articles 16 et 17 ci-dessus sont imputées sur le chapitre des dépenses communes interministérielles du Budget général de l'Etat.

Art. 19. — La veille du scrutin à partir de douze heures et le jour du scrutin, la vente, la distribution et la consommation de toute boisson alcoolisée dans les lieux publics sont interdites sur toute l'étendue du territoire national.

Art. 20. — Le Ministre de l'Intérieur, le Ministre des Finances, le Ministre du Budget et du Plan et le Ministre de la Police nationale sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui, en raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 6 de l'ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, entre immédiatement en vigueur dès qu'il aura reçu une publication par émission radiodiffusée ou affichage, indépendamment de son insertion au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 13 juillet 1992.
Guy Willy RAZANAMASY.

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement:

Le Ministre de l'Intérieur,

Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

Le Ministre des Finances,
Evariste MARSON.

Le Ministre du Budget et du Plan,
Gérard RABEVOHITRA.

Le Ministre de la Police nationale,
Augustin AMADY.

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-92-685

nametra ny fandaminana ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana sy ny fombafomba fampandehanan-draharaha ao aminy.

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana sy ny Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991,
Araka ny lahana laharana faha-63-015 tamin' ny 15 jolay 1963 anaovana ny fepetra ankapobe ao amin' ny fitantanana ny volam-panjakana, miaraka amin' ireo rijan-teny taty aoriana izay nanova sy nameno azy,

Araka ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982 mikasika ny ampiasana ny zo handatsabato; miaraka amin' ireo rijan-teny izay nanova sy nameno azy,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-012 tamin' ny 29 aprily 1992 ananganana mpanelanelana iray, mpiaro ny Firenena,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 mametra ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fampisafidianam-bahoaka mba handaniana ny volavolan-dalàmpanorenana, indrindra fa ao amin' ny andininy faha-23,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny Fitarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-60-334 tamin' ny 7 septambra 1960 anaovana fitsipika mifehy ny fivezivezen' ny mpiasam-panjakana sy ny mpitsara, miaraka amin' ireo rijan-teny izay manova azy, indrindra fa ny didim-panjakana laharana faha-91-458 tamin' ny 17 septambra 1991.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-68-080 tamin' ny 13 febroery 1968 anaovana ny fitsipika ankapobe momba ny fitanan-kaontim-panjakana,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-432 tamin' ny 8 aogositra 1991 anendrena ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-549 tamin' ny 13 novambra 1991 anendrena ireo mambra ao amin' ny Governemanta, novan' ny didim-panjakana laharana faha-91-614 tamin' ny 19 desambra 1991 sy ny didim-panjakana laharana faha-92-369 tamin' ny 18 marsa 1992,

Eo am-pivorian' ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didy izao:

TOKO VOALOHANY FEPETRA ANKAPOBE

Andininy voalohany. — Ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no miandraikitra ny fanaovana andri-maso ireo raharaha rehetra mikasika ny fampizorana tsara an-tsakany sy andavany ny fampisafidianam-bahoaka mba enti-mandany ny Lalàmpanorenana ny Repoblika faha-III, ary izany dia araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-23 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 tondroina etsy ambony, no sady mitsinjara ny fandaharana hitenenana ao amin' ny onjampion' ny fampielezam-peo sy ny fahitalavitra voalazan' ny andininy faha-13 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 anaovana ny fitsipika mikasika ny fampisafidianam-bahoaka.

Izy io no zary tompon' antoka amin' ny hisian' ny fahamarinana tanteraka eo amin' ny latsabato sy amin' ny fizaran' ny fandatsaham-bato araka ny hitsiny tokoa, ary, noho izany, dia tompon' andraikitra eo anatrehan' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta izy amin' ny asa sahaniny.

TOKO II

IZAY HO ANISAN' NY FILANKEVI-PIRENENA MOMBA NY FIFIDIANANA SY NY FITSIPI-PITONDRANA NY MAMBRA AO AMINY

And. 2. — Ankoatry ny mpanelanelana dia misy mambra fito (7) ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ka araka ny maha-fototr' olona mamy hoditra azy eo amin' ny tany amamonina sy ny maha-olom-banon-toetra azy no ifantenana azy ireo.

And. 3. — Manana zo hanendry solontena iray ho anisan' ny mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ireto. Lehiben' ny Andrim-panjakana sy fikambanana manaraka ireto:

- ny Filohan' ny Repoblika;
- ny Filohan' ny Fahafana Avo eto amin' ny Firenena;
- ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta;
- ny Filoha roalahy ao amin' ny Komity miandraikitra ny Fanarenana ara-toe-karena sy ara-tsosialy;
- ny Filohan' ny FFKM;
- Ny Filohan' ny Mpisolavava ao amin' ny Holafitry ny mpisolavava;
- ny Filohan' ny Holafitry ny mpanao gazety.

Na izany aza anefa, ny asa aman-draharahan' ny mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana dia tsy azo ampirafesina amin' ny raharahan' ny Filohan' ny Repoblika sy ny an' ny Solontena Avon' ny Fanjakana, ny an' ny mambra an' amin' ny Governemanta, ny an' ny mambra ao amin' ny Komity miandraikitra ny Fanarenana ara-toe-karena sy ara-tsosialy ary ny an' ny mambra ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

And. 4. — Didim-panjakana ataon' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta no ahitana fototra ny fanendrena ireo mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana. Valo andro katroka aorian' ny famoahana ho fantatry ny besinimaro ity didim-panjakana ity raha ela indrindra no tsy maintsy anaovana ny fanendrena azy ireo.

And. 5. — Raha toa ny anankiray amin' ireo Lehiben' ny Andrim-panjakana na ny fikambanana tondroina etsy amin' ny andininy faha-3 etsy ambony ka tsy nanao ny fanendrena izay ho solontenany, dia ny Governemanta no mameno ny toerana banga.

And. 6. — « Mpanolotsaim-pirenena » no anaram-boninahitra isaloran' ireo mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana. Eo am-panatontosana ny raharahany dia miasa amim-pahaleovantena tanteraka sy amim-pandinihana voalanjalanja tanteraka araka izay tanjona tratarina ka tsy misy fijere-mitanila ireo Mpanolotsaim-pirenena ireo.

And. 7. — Alohan' ny handraisany ny raharahany, izay rehetra mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana dia tsy maintsy manao fianianana eo am-pivoriambe manetriketrika any amin' ny Fitsarana Tampony ka atrehin' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta sy ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana sady Minisitry ny Fitsarana, araka izao teny manaraka izao:

« Mianiana aho fa tsy hivaona ary handeha amin-kitsim-po amin' ny fanatontosana ny raharaha nampandraiketina ahy ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ary hiasa amim-pahaleovantena tanteraka ka tsy misy mihitsy fijere-mitanila izay hany ho fitandroana ny fampizorana an-tsakany sy an-davany ireo raharaha atao mikasika ny fampisafidianam-bahoaka ».

Ny lehiben' ny firaketan-draharaha ao amin' ny Fitsarana Tampony no miandraikitra an-tsoratra izany fianianana izany.

Raha fa novakiana ny fitanana an-tsoratra ny fianianana, dia ambaran' ny Filoha voalohany ao amin' ny Fitsarana Tampony fa voapetraka eo amin' ny asany ireo olona noraisina.

Avoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika ny fitanana an-tsoratra momba izany.

And. 8. — Mizaka ny zo voalazan' ireo fepetra ao amin' ny andininy faha-512 ao amin' ny Fehezan-dalàna momba ny paika ady heloka ireo mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana raha tahiny ka mety ho voampanga noho ny heloka bevava na heloka tsotra vitany teo am-panefana ny andraikiny izy ireo.

TOKO III

FANDAMINANA SY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHANA AO AMIN' NY FILANKEVI-PIRENENA MOMBA NY FIFIDIANANA

And. 9. — Didim-pitondrana ataon' ny Praiminisitra no iantsoana ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana hivory voalohany mba hifidy ny Biraony amin' izy samy mambra ao ihany amin' ny alalan' ny latsabato miaina ka izay mahazo ny antsasamanilan' ny vato no lany, ary izany dia eo ambany fitarihan' ny Mpanolotsaina be taona indrindra.

And. 10. — Ny fitambaran' ny mambra eo am-perin' asa ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no manao ny fifidianana ny birao.

Izao avy no anisan' ny biraon' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana:

- filoha iray;
- filoha-lefitra iray;
- sekretera jeneraly iray;
- mpitahiry vola iray.

And. 11. — Latsabato mandeha amin' ny anarana olon-tokana indroa mihodina no fifidianana ireo mambra ao amin' ny birao. Raha tahiny teo amin' ny fihodinana voalohany ka tsy nisy kandida na dia iray aza nahazo ny antsasamanilan' ny vato, dia tao ny

fihodinana faharoa ka izay be vato manan-kery indrindra no lany. Raha mitovy ny isam-bato azo eo amin' ny fihodinana faharoa, dia izay kandida be taona indrindra no ambara fa lany.

Tsy atao miaraka fa sarahina no fomba fanaovana ny latsabato ho an' ny tsirairay amin' ireo asa voatondro etsy amin' ny andininy faha-10 etsy ambony.

And. 12. — Ampahafantarin' ny Filohan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ny Praiminisitra, aorian' ny fifidianana ny birao, izay anisan' izany birao izany.

And. 13. — Raha misy fahasamponana tena hitan' ny birao fototra fa mahazo ny Mpanolotsaim-pirenena iray, dia hatao ny fanoloana azy arak' ireo fepetra mitovy amin' izay voalazan' ireo andininy faha-3, faha-4, faha-5 ary faha-7 etsy ambony.

And. 14. — Ny Filohan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no mitarika sy mandrindra ireo asa ataon' io Filankevitra io.

Izy no misolo tena ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana. Izy no mandamina ny fomba fiasan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

Izy no mpanalalana antoanina ireo sorabola omen' ny Tetibola ankapobe na avy amin' ireo loharanom-bola hafa.

And. 15. — Ny Filoha-lefitra no misolo araka ny ilàna izany, ny Filohan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

And. 16. — Ny Filohan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no mandray izay fanapahana rehera ilàna mba hiantohana ny fampandehanana tsara ny asa fanatanterahana ny fampisafidianam-bahoaka, ary izany dia amin' ny alalan' ny vato maro an' isan' ireo mambra tonga manatrika eo. Ampiharina avy hatrany ireny fanapahana ireny ka tsy azo ovàna mihitsy raha tsy ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana, dia izy tenany ihany, no manao izany.

And. 17. — Ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no manome ny fankatoavana ireo fikambanana tsy miankina na ivelan' ny Fanjakana maniry handray anjara amin' ny fanaraha-maso ireo asa atao ho fanatanterahana ny fampisafidianam-bahoaka.

Ireo sampan-draharaha mahefa momba izany ao amin' ny minisiteran' ny Atitany no mandinika ireo antontan-taratasy fanomezam-pankatoavana ireo.

Na izany aza anefa, ireo fanapahana raisin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana dia mety azo akarina ho tsarain' ny rantsana mitsara ny ady ifanolanana amin' ny Fanjakana any amin' ny Fitsarana Tampony. Ity farany no manapaka, amin' ny fomba faran' izay haingana indrindra, ny amin' ireo fitarainana alefa hodinihiny.

And. 18. — Ny sekretera jeneralin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no manampy ny Filohan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana eo amin' ny fandrindrana ny asan' ny Filankevitra.

Ankoatra izany, dia izy no manentana sy mandrindra ny asa arapitondrana sahanin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no sady manao izay hisian' ny fifandraisana amin' ireo departemantan' ny minisitera izay manampy sy miara-miasa mba hanatontosana ireo andraikitra sahanina ka ilàna ho fampizorana tsara ny fampisafidianam-bahoaka.

Izy no tompon' andraikitra eo amin' ny fitondrana ny mpandraharaha ary ny fitantana ny fitaovana izay omen' ny Fanjakana ampiasain' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

And. 19. — Ny Sekretera jeneraly no manao andri-maso ny fampiharana tsy misy tomika ny fepetra voalazan' ireo andininy faha-32, faha-33, faha-34 ary faha-35 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 tondroina, etsy ambony sy ireo izay voarakitra ao amin' ny « Dinan' ny Fanabeazana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana ary ny fanajana ny fanaraha-maso ny fampisafidianam-bahoaka » atovana izany, indrindra indrindra mikasika ny fametrahana amin' ny toerany ny rantsa-mangaika miadidy ny fandrindrana ireo fikambanana tsy miankina na ivelan' ny Fanjakana izay nankatoavina hanao ny asany.

Izy no manadihady ireo tatitra mikasika ny fanaraha-maso nataon' ny fikambanana tsy miankina na ivelan' ny Fanjakana mahazo fankatoavana hanao izany eo amin' ny fizotran' ireo asa fanatanterahana ny fampisafidianam-bahoaka.

And. 20. — Eo amin' ny fivorian' ny vaomiera no anomanana ireo asa ataon' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana. Mpanolotsaim-pirenena iray no mitarika ny vaomiera tsirairay.

Mba hahatontosana tsara ny asa nampandraiketina azy sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-23, paragrafy faha-4 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 tondroina etsy ambony, dia azon' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana atao ny maka hevitra any amin' ireo teknisiana manana ny fahaizana izay manavanana azy ireo ary izany dia any amin' ireo departemantan' ny minisitera tandrify izany, ka ho mpila hevitra fotsiny izy arakaraka ny asa tsy maintsy hotontosain' ny vaomiera tsirairay miorina ao aminy.

And. 21. — Indray mandeha isan-kerinandro ary isak' izay ilàna izany no aroson' ny Biraon' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana any amin' ny Praiminisitra ny tatitra amin' ny antsipiriany momba ny fizotran' ireo asa nataony.

And. 22. — Eo amin' ny ambaratongan' ny lafin-tany iadidiany, dia ireo delegasiona manokana any amin' ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana no zary ho loharanom-baovao eo amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana. Araka izany, dia tsy maintsy manao fifandamiana ao amin' izy samy izy ireo delegasiona manokana mba hampandre ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana, ho fampahafantarana azy ity, ny amin' ireo zava-manontsarotra rehetra sy izay fepetra rehetra noraisina mba hiantohana ny fizoran' ny asa fanatanterahana ny fampisafidianam-bahoaka araka ny tokony ho izy.

And. 23. — Ny Filohan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no manao andri-maso ny filaminana ao anatin' io Filankevitra io sy ety ivelany. Azony atao amin' izany, raha ilaina ny mangataka amin' ireo manampahefana ara-pitondrana ny fampiharana izay fepetra rehetra, ilàna ny firotsahan' ny hery mpitandro filaminana an-tsehatra.

TOKO IV FEPETRA SAMIHAFANA

And. 24. — Omena fahazoan-dàlana ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana mba hanokatra kaonty iray any amin' ny banky, enti-mandray sy handrotsahana ireo vola avy amin' ny fanomezana manokana ao amin' ireo sorabolan' ny Tetibolampanjakana ankapobe.

Ankoatra izany, dia mety ahazo koa izy fanampiana na vola fanampiana avy amin' ireo loharanom-bola hafa ho famatsiana azy ara-bola.

And. 25. — Tsy maintsy mitana kaontim-pitantanam-bola iray ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ary izany dia amin' ny fomba faran' izay tsotra indrindra.

Ireo kaontim-bolan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana dia tsy maintsy ho eo ambany fanaraha-maso ombam-panamari-nana ataon' izay tompon' andraiktira avy ety ivelany momba izany no sady mahafa rahateo eo amin' ny lafiny rehetra. Ireo vola tsy nampiasaina amin' ny fifaranan' ny iraka nampanaovina azy, dia arotsaka eo amin' ny kaonty fiandry iray any amin' ny Fitehirizam-bolampanjakana.

And. 26. — Eo am-panatontosana tanteraka ny asa aman-draharahany, dia mahazo tambin-karama manokana noho ny asa sahaniny izay ferana ho 15 000 (dimy arivo sy iray alina) Iraimbilanja isan' andro ireo mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

And. 27. — Ireo mpiasam-panjakana ary mpandraharaha an' ny Fanjakana voatendry ho mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana, araka ny voalazan' ireo andininy faha-3 sy faha-4 ary faha-5 etsy ambony dia heverina ho toy ny mamita iraka vonjimaika ihany eo amin' ny asa sahanin' izy ireo ao anivon' ny Filankevi-pirenena voalaza io, ary izany dia mandritra ny fotoana aharetan' ny andraikitra nampanaovina azy io.

And. 28. — Ireo mpanoro hevitra ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana dia mahazo tambin-karama manokana atao omena ireo manam-pahaizana havanana sy zà-draharaha na manam-pahaizana manokana, izay ferana ho 15 000 (dimy arivo sy iray alina) Iraimbilanja isan' andro.

And. 29. — Amin' ny fotoana hivesivezena ka ilaina amin' ny fanatontosana ny iraka ampanaovina azy ireo, dia mahazo saram-pandehanana ireo mambra ary ireo mpanoro hevitra manam-pahaizana manokana ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ka ny sandan' izany dia mitovy min' izay omena ireo mpiasam-panjakana ao amin' ny antoko I.

and. 30. — Afahana amin' ny fandoavana ny sarany alain' ny paositra ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

And. 31. — Mifarana ny asa aman-draharaha ataon' ireo mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana, raha vantany vao navoakan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampnanorenana ho fantatry ny besinimaro ireo tena vokatra raikitra azo tamin' ny fampisafidianam-bahoaka.

Ireo fananana ara-pitaovana izay azony na koa novavian' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana mandritra ny fanatanterahana ny iraka nampanaovina azy, dia aterina, ka hotehirizina ihany izany any amin' ny departemantan' ny minisitera miadidy ny fandaminana ny fifidianana.

And. 32. — Ny Minisitry ny Atitany, ny Mpitahiry ny Kasempanjakana sady Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, ny Minisitry ny Foloalindahy, ny Minisitry ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Tetibola sy ny Teti-pivoarana, ny Minisitry ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Minisitry ny Polisim-pirenena no miadidy, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao.

And. 33. — Noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 entin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 septambra 1962 mikasika ireo fepetra ankapobe momba ny lalàna eto an-toerana sy ny lalàna iraisam-pirenena-tsamihafa amin' ny fifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, dia manan-kery avy hatrany izao didim-panjakana izao raha vantany vao fampahafantarana ny besinimaro amin' ny alàlan' ny fampielezam-peo na koa ny fanaovana peta-drindrina azy, ankoatra ny famoahana azy ao amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Antananarivo, ny 13 jolay 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Avy amin' ny Praiminisitra
sady Lehiben' ny Governemanta:

Ny Minisitry ny Atitany,
Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

*Ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana
sady Minisitry ny Fitsarana,*
Armand RAJAONARIVELO.

Ny Minisitry ny Raharaham-bahiny,
Césaire RABENORO.

Ny Minisitry ny Foloalindahy,
Général Philippe Désiré RAMAKAVELO.

Ny Minisitry ny Fitantanam-bola,
Evariste MARSON.

Ny Minisitry ny Tetibola sy ny Teti-pivoarana,
Gérard RABVOHITRA.

Ny Minisitry ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra,
Aimé MARCEL.

Ny Minisitry ny Polisim-pirenena,
Augustin AMADY.

DECRET N° 92-685**fixant l'organisation et les modalités de fonctionnement du Conseil National Electoral (CNE)**

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution et la Convention du 31 octobre 1991,

Vu la loi n° 63-015 du 15 juillet 1963 portant dispositions générales sur les finances publiques, ensemble les textes subséquents qui l'ont modifiée ou complétée,

Vu l'ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote, ensemble les textes qui l'ont modifiée ou complétée,

Vu l'ordonnance n° 92-012 du 29 avril 1992 instituant un médiateur, défenseur du peuple,

Vu l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution, notamment en son article 23,

Vu l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle,

Vu le décret n° 60-334 du 7 septembre 1960 portant règlement du régime de déplacement des fonctionnaires et magistrats, ensemble les textes qui l'ont modifié, notamment le décret n° 91-458 du 17 septembre 1991,

Vu le décret n° 68-080 du 13 février 1968 portant règlement général sur la comptabilité publique,

Vu le décret n° 91-432 du 8 août 1991 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 91-549 du 13 novembre 1991 portant nomination des membres du Gouvernement, modifié par le décret n° 91-614 du 19 décembre 1991 et le décret n° 92-369 du 18 mars 1992,

En conseil de Gouvernement;

Décrète :

CHAPITRE PREMIER DISPOSITIONS GENERALES

Article premier. — Conformément aux dispositions de l'article 23 de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 susvisée, le Conseil national électoral et chargé de superviser toutes les opérations relatives au bon déroulement du référendum pour l'adoption de la Constitution de la III^e République et la répartition du service d'antenne à la radio et à la télévision prévue à l'article 13 de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum.

Il constitue le garant de l'authenticité du scrutin et de la sincérité du vote et est responsable, à ce titre, devant le Premier Ministre, Chef du Gouvernement.

CHAPITRE II COMPOSITION DU CONSEIL NATIONAL ELECTORAL ET STATUT DE SES MEMBRES

Art. 2. — Le Conseil national électoral comprend outre le Médiateur, sept (7) membres choisis en raison de leur respectabilité notoire et de leur bonne moralité.

Art. 3. — Les chefs des institutions et organisations ci-après ont droit à la désignation d'un représentant pour faire partie du Conseil national électoral :

- le Président de la République;
- le Président de la Haute Autorité de l'Etat;
- le Premier Ministre, Chef du Gouvernement;
- les co-Présidents du Comité pour le redressement économique et social;
- le Président du FFKM;
- le Batonnier de l'Ordre des avocats;
- le Président de l'Ordre des journalistes.

Toutefois, les fonctions de membres du Conseil national électoral sont incompatibles avec celles de Président de la République, de Hauts Représentants de l'Etat, de membres de Gouvernement, de membres du Comité pour le redressement économique et social et de membres de la Haute Cour Constitutionnelle.

Art. 4. — La désignation de membres du Conseil national électoral est constatée par décret du Premier Ministre, Chef du Gouvernement. Leur nomination doit intervenir au plus tard huit (8) jours francs après la publication du présent décret.

Art. 5. — A défaut de désignation de son représentant par l'un des chefs d'Institutions ou organisations visés à l'article 3 ci-dessus, le Gouvernement pourvoit au siège vacant.

Art. 6. — Les membres du Conseil national électoral portent le titre de « Conseillers nationaux ». Dans l'exercice de leur fonction, les Conseillers nationaux agissent en toute indépendance et en toute objectivité.

Art. 7. — Avant d'entrer en fonction, tout membre du Conseil national électoral doit prêter serment en audience solennelle de la Cour Suprême, en présence du Premier Ministre, Chef du Gouvernement et du Garde des Sceaux, Ministre de la Justice, dans les termes suivants :

« Je jure de remplir fidèlement et loyalement les fonctions dont je suis investi au sein du Conseil national électoral et d'agir en toute impartialité dans le seul souci de préserver le bon déroulement des opérations référendaires ».

Acte est dressé de la prestation de serment par le greffier en chef de la Cour Suprême.

Après lecture du procès-verbal de prestation de serment, le premier Président de la Cour Suprême déclare les récipiendaires installés dans leurs fonctions.

Le procès-verbal y afférent est publié au *Journal officiel* de la République.

Art. 8. — Les membres du Conseil national électoral bénéficient des dispositions de l'article 512 du Code de procédure pénale lorsqu'ils sont susceptibles d'être inculpés d'un crime ou d'un délit commis dans l'exercice de leur mandat.

CHAPITRE III ORGANISATION ET FONCTIONNEMENT DU CONSEIL NATIONAL ELECTORAL

Art. 9. — Le Conseil national électoral est convoqué en première réunion par arrêté du Premier Ministre à l'effet d'élire, sous la présidence du Conseiller le plus âgé, son Bureau parmi ses membres au scrutin secret à la majorité absolue.

Art. 10. — L'élection du bureau est effectuée par l'ensemble des membres en exercice du Conseil national électoral.

Le bureau du Conseil national électoral comprend :

- un président;
- un vice-président;
- un secrétaire général;
- un trésorier.

Art. 11. — Les membres du bureau sont élus au scrutin uninominal à deux tours. Si, après le premier tour du scrutin, aucun candidat n'a obtenu la majorité absolue, il est procédé au deuxième tour de scrutin et l'élection a lieu à la majorité relative. En cas d'égalité de voix au second tour, le plus âgé est déclaré élu.

Le scrutin a lieu séparément pour chacune des fonctions visées à l'article 10 ci-dessus.

Art. 12. — Après l'élection du bureau, le Président du Conseil national électoral en notifie la composition au Premier Ministre.

Art. 13. — En cas d'empêchement dûment constaté par le bureau, le remplacement d'un Conseiller national sera effectué dans les mêmes conditions que celles fixées par les articles 3, 4, 5 et 7 ci-dessus.

Art. 14. — Le Président du CNE dirige et coordonne les travaux de ce Conseil.

Il représente le CNE. Il organise le fonctionnement du CNE.

Il est ordonnateur délégué des crédits alloués par le Budget général ou provenant d'autres ressources.

Art. 15. — Le Vice-Président supplée le Président du CNE en tant que de besoin.

Art. 16. — Le CNE prend, à la majorité des membres présents, toutes les décisions nécessaires pour assurer le bon déroulement des opérations référendaires. Elles sont immédiatement exécutoires et ne peuvent être révisées que par le CNE lui-même.

Art. 17. — Le CNE accorde l'agrément aux organisations non gouvernementales désireuses de participer à l'observation des opérations du référendum.

Les dossiers d'agrément sont instruits par les services compétents du Ministre de l'Intérieur.

Toutefois, les décisions du CNE sont susceptibles de recours devant la Chambre administrative de la Cour Suprême. Cette dernière statue d'urgence sur les réclamations qui lui sont adressées.

Art. 18. — Le Secrétaire général du CNE assiste le Président dans la coordination des travaux du Conseil.

En outre, il anime et coordonne l'action administrative du CNE et assure la liaison avec les départements ministériels concourant à la réalisation des opérations nécessaires au bon déroulement du référendum.

Il est responsable de la gestion du personnel et du matériel que l'Administration met à la disposition du CNE.

Art. 19. — Le Secrétaire général veille à l'application stricte des dispositions des articles 32, 33, 34 et 35 de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 susvisée et de celles de la « Charte de l'éducation civique et de l'observation du référendum » y annexée, notamment en ce qui concerne la mise en place de l'organe de coordination des organisations non gouvernementales agréées.

Il exploite les rapports relatifs aux observations faites par les organisations non gouvernementales agréées sur le déroulement des opérations référendaires.

Art. 20. — Les travaux du CNE sont préparés en commissions. Chaque commission est présidée par un Conseiller national.

Le CNE peut, pour la bonne exécution de sa mission et en vertu de l'article 23, paragraphe 4, de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 susvisée, faire appel aux compétences des techniciens des départements ministériels concernés, à titre de consultant, en fonction des tâches à accomplir par chaque commission créée en son sein.

Art. 21. — Le Bureau du CNE soumet au Premier Ministre, une fois par semaine et chaque fois que de besoin un rapport détaillé sur le déroulement de ses travaux.

Art. 22. — Les délégations spéciales auprès des Collectivités décentralisées constituent, au niveau territorial, l'antenne du CNE. A ce titre, elles doivent s'organiser pour tenir le CNE informé de toutes les difficultés rencontrées et mesures prises en vue d'assurer le bon déroulement des opérations référendaires.

Art. 23. — Le Président du CNE veille à la sécurité intérieure et extérieure du Conseil. A cet effet, il peut saisir en tant que de besoin les Autorités administratives pour toutes mesures nécessitant l'intervention des forces de l'ordre.

CHAPITRE IV DISPOSITIONS DIVERSES

Art. 24. — Le CNE est autorisé à ouvrir un compte bancaire pour recevoir les fonds provenant de la dotation spéciale de crédits du Budget général de l'Etat.

Il peut en outre bénéficier d'aides et de subventions provenant d'autres sources de financement.

Art. 25. — Le CNE doit tenir une comptabilité sous la forme la plus simplifiée.

Les comptes du CNE sont soumis à un contrôle d'audit externe. Les fonds non utilisés en fin de mandat sont versés dans un compte d'attente du Trésor.

Art. 26. — Dans l'exercice effectif de leurs fonctions, les membres du CNE bénéficient d'une vacation spéciale fixée forfaitairement à 15 000 FMG par jour.

Art. 27. — Les fonctionnaires de l'Etat désignés membres du CNE en vertu des articles 3, 4 et 5 ci-dessus sont considérés comme étant en mission temporaire de service auprès dudit Conseil pendant la durée du mandat de celui-ci.

Art. 28. — Les consultants du CNE bénéficient d'une vacation de spécialistes et experts fixée à 15 000 FMG par jour.

Art. 29. — Les membres et les consultants experts du CNE bénéficient à l'occasion des déplacements nécessités par l'accomplissement de leur mission d'une indemnité dont le taux est égal à celui alloué aux fonctionnaires du groupe I.

Art. 30. — Le CNE bénéficie de la franchise postale.

Art. 31. — Les fonctions des membres du CNE prennent fin dès la publication des résultats définitifs du référendum par la Haute Cour Constitutionnelle.

Les biens matériels acquis par le CNE au cours de son mandat sont remis à titre conservatoire au département ministériel chargé de l'organisation des élections.

Art. 32. — Le Ministre de l'Intérieur, le Garde des Sceaux, Ministre de la Justice, le Ministre des Affaires étrangères, le Ministre des Forces armées, le Ministre des Finances, le Ministre du Budget et du Plan, le Ministre des Postes et Télécommunications et le Ministre de la Police nationale sont chargés, chacun en ce qui le concerne de l'exécution du présent décret.

Art. 33. — En raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 6 de l'ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès qu'il aura reçu une publication par émission radiodiffusée ou affichage, indépendamment de son insertion au *Journal officiel* de la République.

Antananarivo, le 13 juillet 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement:

Le Ministre de l'Intérieur,

Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

Le Garde des Sceaux, Ministre de la Justice,
Armand RAJAONARIVelo.

Le Ministre des Affaires étrangères,
Césaire RABENORO.

Le Ministre des Forces armées,
Général Philippe Désiré RAMAKAVELO.

Le Ministre des Finances,
Evariste MARSON.

Le Ministre du Budget et du Plan,
Gérard RABVOHITRA.

Le Ministre des Postes et Télécommunications,
Aimé MARCEL.

Le Ministre de la Police nationale,
Augustin AMADY.

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-92-703

iantsoana ny mpifidy handatsabato ho amin' ny fampisafidianam-bahoaka ny alarobia 19 aogositra 1992 sy mandidy ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy.

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalampnanenana sy ny Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991, Araka ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 may 1982 mikasika ny fampiasana ny zo handatsabato, miaraka amin' ireu rijan-teny izay nanova na nameno azy,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny fitsarana Avo momba ny Lalampnanenana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 amerana ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fampisafidianam-bahoaka mba handaniana ny volavolan-dalampnanenana,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-432 tamin' ny 8 aogositra 1991 anendrena ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-549 tamin' ny 13 novambra 1991 anendrena ireo mambra ao amin' ny Governemanta novan' ny didim-panjakana laharana faha-91-614 tamin' ny 19 desambra 1991 sy ny didim-panjakana laharana faha-92-369 tamin' ny 18 martsa 1992,

Eo am-pivorian' ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didy izao:

Andininy voalohany. — Antsoina ny mpifidy handatsabato ny alarobia 19 aogositra 1992 manomboka amin' nyfito (7) ora

maraina mba haneho ny heviny amin' ny alàlan' ny fampisafidianam-bahoaka mikasika izao fanontaniana manaraka izao:

« Ekenao ve ity volavolan-dalampnanorenana aseho anao ity, izay anamafisana ny Firaism-pirenena sy anandratana ny Demokrasia amin' ny alàlan' ny fiarovana ny zo aman-kasin' ny Olombelona sy ny Olom-pirenena, ary iantohana ny fahavitan-tena isam-paritra, mba hijoroan' ny Repoblika faha-III? »

And. 2. — Manerana ny tanim-pirenena dia hifarana amin' io andro io ihany ny fifidianana ka amin' ny enina (6) ora hariva raha tratra aoriana indrindra.

And. 3. — Raha hita fa ilaina ny hanombohana ny latsabato alohan' ny ora voatondron' ny andininy voalohany etsy ambony, dia azon' ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Faritany atao ny handroso izany manomboka amin' ny enina (6) ora maraina.

And. 4. — Misy fanavaozana ny lisitry ny mpifidy hatao araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-5 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 amerana ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fampisafidianam-bahoaka mba handaniana ny volavolan-dalampnanorenana.

Ireo raharaha atao momba ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy dia hifarana ny 14 aogositra 1992 amin' ny fito ora maraina.

And. 5. — Ny Minisitry ny Atitany no miadidy ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao izay havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

And. 6. — Noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 entin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna eto an-toerana ary ny lalàna iraisam-pirenena-tsamihafa amin' ny fifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, dia manan-kery avy hatrany izao didim-panjakana izao raha vao mahafantatra izany ny besinimaro amin' ny alàlan' ny famoahana azy ao amin' ny fampielezam-peo sy amin' ny alàlan' ny fanaovana azy peta-drindrina ary izany dia ankoatra ny famoahana azy amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 15 jolay 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Avy amin' ny Praiminisitra
sady Lehiben' ny Governemanta:

Ny Minisitry ny Atitany,

Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

DECRET N° 92-703

portant convocation des électeurs pour le référendum du mercredi 19 août 1992 et prescrivant la révision des listes électorales

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution et la Convention du 31 octobre 1991,

Vu l'ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote, ensemble les textes qui l'ont modifiée ou complétée,

Vu l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle,

Vu l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution,

Vu le décret n° 91-432 du 8 août 1991 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 91-549 du 13 novembre 1991 portant nomination des membres du Gouvernement, modifié par le décret n° 91-614 du 19 décembre 1991 et le décret n° 92-369 du 18 mars 1992,

En conseil de Gouvernement,

Décète :

Article premier. — Les électeurs sont convoqués aux urnes, le mercredi 9 août 1992 à partir de sept heures, à l'effet de se prononcer par voie de référendum sur la question suivante :

« Acceptez-vous le projet de Constitution ci-joint, reaffirmant l'unité nationale, prônant la démocratie par la protection, des droits de l'homme et du citoyen et garantissant l'autonomie des régions, pour l'avènement de la III^e République? »

Art. 2. — Le scrutin sera clos sur l'ensemble du territoire national le même jour à 18 heures au plus tard.

Art. 3. — Lorsqu'il paraîtra utile d'ouvrir le scrutin avant l'heure fixée par l'article premier ci-dessus, le président de la délégation spéciale du Faritany pourra l'avancer à partir de 6 heures.

Art. 4. — Il sera procédé à une révision des listes électorales conformément aux dispositions de l'article 5 de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution.

Les opérations de révision des listes électorales seront clôturées le 14 août 1992 à sept heures.

Art. 5. — Le Ministre de l'Intérieur est chargé de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

Art. 6. — En raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 6 de l'ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relatives aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès qu'il aura reçu une publication par émission radiodiffusée ou affichage, indépendamment de son insertion au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 15 juillet 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement :

Le Ministre de l'Intérieur,

Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

DIDIM-PANJAKANA-LAHARANA FAHA-92-704

manondro ny modelin' ny valopy sy ireo taratasin-datsabato hampiasaina amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka izay hatao ny alarobia 19 aogositra 1992.

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalampnanorenana sy ny Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991,

Araka ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982 mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato, miaraka amin' ireo rijan-teny izay nanova sy nameno' azy,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalampnanorenana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 mametra ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fitsapan-kevi-bahoaka (mba handaminana ny volavolan-dalampnanorenana),

Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-703 tamin' ny 15 jolay 1992 iantsoana ny mpifidy handatsa-bato ho amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka ny alarobia 19 aogositra 1992,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-432 tamin' ny 8 aogositra 1991 manendry ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-549 tamin' ny 13 novambra 1991 manendry ireo mambra ao amin' ny Governemanta novan' ny didim-panjakana laharana faha-91-614 tamin' ny 19 desambra 1991 sy ny didim-panjakana laharana faha-92-369 tamin' ny 18 marsa 1992,

Eo am-pivoriana ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didy izao :

Andininy voalohany. — Ny valopy hampiasain' ny mpifidy amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka ny alarobia 19 aogositra 1992 mba hoenti-mandany ny volavolan-dalampnanorenana ny Repoblika faha-III, dia miloko manga misy ny tombokasem-panjakana miloko mainty ka ny habeny dia 110 X 155 milimetatra.

And. 2. — Ireo taratasin-datsabato hampiasain' ny mpifidy dia hitovy amin' ireto modely manaraka ireto :

1. Taratasin-datsabato misy ny valin-teny « ENY » :

Repoblika Demokratika Malagasy

Fanontaniana mivantana ny safidim-bahoaka

ALAROBIA 19 AOGOSITRA 1992

ENY

2. Taratasin-datsabato misy ny valin-teny «TSIA»:

Repoblika Demokratika Malagasy

Fanontaniana mivantana ny safidim-bahoaka

ALAROBIA 19 AOGOSITRA 1992

TSIA

And. 3. — Manga volon-danitra (*bleu ciel*) ny lokon' ny taratasin-datsabato misy ny valin-teny «ENY».

And. 4. — Volomparasy (*violette*) ny lokon' ny taratasin-datsabato misy ny valin-teny «TSIA».

And. 5. — Ireo taratasin-datsabato izay mitovy habe 105 × 90 milimetatra ho an' ny valin-teny anankiroa, mbamin' ny valopy tondroin' ny andininy voalohany etsy ambony dia homen' ny Fanjakana hampiasain' ny mpifidy, ary tsy misy afa-tsy ireo ihany

And. 6. — Ny Minisitry ny Atitany no miadidy ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao izay, noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 entin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna eto amin' ny firenena sy ny lalàna iraisam-pirenen-tsamihafa momba ny fifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, dia manan-kery avy hatrany raha vantany vao nampahafantarina ny besinimaro tamin' ny alalan' ny fampielezam-peo na ny fanaoyana azy peta-drindrana, ankoatra ny famoahana azy amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 15 jolay 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Avy amin' ny Praminisitra
sady Lehiben' ny Governemanta,

Ny Minisitry ny Atitany,

Colonel Charles Sylvain RABOTÓARISON.

DECRET N° 92-704

fixant le modèle de l'enveloppe et des bulletins de vote à utiliser pour le référendum du mercredi 19 août 1992

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution et la Convention du 31 octobre 1991,

Vu l'ordonnance n° 82-018 du 6 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote, ensemble les textes qui l'ont modifiée ou complétée,

Vu l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle,

Vu l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution,

Vu le décret n° 92-703 du 15 juillet 1992 portant convocation des électeurs pour le référendum du mercredi 19 août 1992,

Vu le décret n° 91-432 du 8 août 1991 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 91-549 du 13 novembre 1991 portant nomination des membres du Gouvernement, modifié par le décret n° 91-614 du 19 décembre 1991 et le décret n° 92-369 du 18 mars 1992,

En conseil de Gouvernement,

Décrète:

Article premier. — L'enveloppe à employer par les électeurs pour le référendum du mercredi 19 août 1992 pour l'adoption du projet de Constitution de la III^e République sera de couleur bleu, portant le sceau de l'Etat en estampe de couleur noire, et de format 110 × 155 mm.

Art. 2. — Les bulletins de vote à employer par les électeurs seront conformes aux modèles suivants:

1° Bulletins portant la réponse «OUI»:

Repoblika Demokratika Malagasy

Fanontaniana mivantana ny safidim-bahoaka

ALAROBIA 19 AOGOSITRA 1992

ENY

2° Bulletin portant la réponse «NON»:

Repoblika Demokratika Malagasy

Fanontaniana mivantana ny safidim-bahoaka

ALAROBIA 19 AOGOSITRA 1992

TSIA

Art. 3. — Le bulletin de réponse «OUI», sera de couleur bleu ciel (*manga volon-danitra*).

Art. 4. — Le bulletin de réponse «NON» sera de couleur violette (*volomparasy*).

Art. 5. — Les bulletins de vote qui auront un format identique de 105 × 90 mm pour les deux réponses ainsi que l'enveloppe visée à l'article premier ci-dessus seront mis à la disposition des électeurs, à l'exclusion de tous autres, par l'Administration.

Art. 6. — Le Ministre de l'Intérieur est chargé de l'exécution du présent décret qui, en raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 6 de l'ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, entre immédiatement en vigueur, dès qu'il aura reçu une publication par émission radio-diffusée ou affichage, indépendamment de son insertion au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 15 juillet 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement:

Le Ministre de l'Intérieur,

Colonel Charles Sylvain RABOTÓARISON.

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-92-705

mikasika ny fanomezan-dalana hanao fampielezan-kevitra amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka izay hatao ny alarobia 19 aogositra 1992 mba handaniana ny volavolan-dalampanorenan' ny Repoblika faha-III.

Ny Praminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalampianenana sy ny Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991,

Araka ny hitsivolana laharana faha-82-018 tamin' ny 6 mey 1982 mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato, miaraka amin' ireo rijan-teny izay nanova na namano azy;

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalampianenana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 mametra ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fitsapan-kevi-bahoaka mba handaniana ny volavolan-dalampanorenanana,

Araka ny lalàna laharana faha-90-031 tamin' ny 21 desambra 1990 momba ny fifandraisana,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-432 tamin' ny 8 aogositra 1991 anendrena ny Praminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-549 tamin' ny 13 novambra 1991 anendrena ireo mambra ao amin' ny Governemanta novan' ny didim-panjakana laharana faha-91-614 tamin' ny 19 desambra 1991 sy ny didim-panjakana laharana faha-92-369 tamin' ny 18 martsa 1992,

Et am-pivorian' ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didy izao:

Andininy voalohany. — Omen-dàlana, araka ny fangatahana ataony, hanao fampielezan-kevitra amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka ny 19 aogositra 1992:

1^o Ireo fikambanana nanaovana fanambarana ara-dalàna ka ny zava-kendren' ny fitsipi-pitondrany dia miompana amin' ny lafiny ara-toe-karena, koltoraly ary sosialy;

2^o Ireo sendikà na fivondronan' ny sendikà mijoro ara-dalàna;

3^o Ireo antoko na fikambanana politika miorina ara-dalàna no sady efa nanaovana fanambarana;

Amin' ny vaninandro entin' ny didim-panjakana manaika ny mpifidy no anamarinam-pototra ny fisian' ireo fikambanana, sendikà ary antoko sy fikambanana politika eo anatrehan' ny lalàna.

And. 2. — Azo omen-dàlana hanao fampielezan-kevitra ihany koa, araka ny voalazan' ny fepetra tondroina etsy amin' ny andininy faha-3 etsy ambany izay rehetra fivondronan' olona na fitambaran' olona manao fangatahana ara-dalàna momba izany.

And. 3. — Ireo fangatahana fahazoan-dàlana hanao fampielezan-kevitra ho amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka hatao ny 19 aogositra 1992 dia atolotra ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany izay ao anatin' ny faritra iadian' izy io no mijoro ireo komity mpanohana. Tsy maintsy manome tapakila naharaisana izany ny filohan' ny delegasiona manokana.

Raha tsy nandà ny hanome ny fahazoan-dàlana ao anatin' ny fepetoana roa amby fitopolo ora (72 ora) ilay manam-pahefana tondroina etsy ambony, dia manan-kery avy hatrany ho toy ny fahazoan-dàlana hanao fampielezan-kevitra ny tapakila.

Na manao ahoana na manao ahoana, dia tsy hisy na dia iray aza fahazoan-dàlana azo raisina intsony aorian' ny 14 aogositra 1992 amin' ny misasakalina.

And. 4. — Ireo fikambanana, sendikà, antoko politika na fivondronan' olona na fitambaran' olona omen-dàlana hanao fampielezan-kevitra, dia tsy maintsy mijoro ho komity mpanohana ao anatin' ny Fivondronampokontany tsirairay avy, ka komity mpanohana iray ho an' ny fitambaran' ireo mpomba ny valin-teny «ENY» ary komity mpanohana iray ho an' ny fitambaran' ireo mpankasitraka ny valin-teny «TSIA».

And. 5. — Mandritra ny fotoana rehetra aharetan' ny fanaovana fampielezan-kevitra izay ferana ny 19 jolay 1992 manomboka amin' ny fito ora (7 ora) ny fisokafany, ireo komity mpanohana nahazo alàlana hanao fampielezan-kevitra, ho fampiharana ireo fepetra voalazan' ireo andininy voalohany sy faha-2 ary faha-3 etsy ambony, dia mahazo mametaka eo amin' ny toerana voatondro ho amin' izany:

1^o taratasy peta-drindrana iray mirefy 56 X 90 santimetatra raha lehibe indrindra;

2^o taratasy peta-drindrana kely velarana atokana hanambarana ny fanaovana fivoriana.

Mahazo mizara trakta ihany koa ireo komity mpanohana ireo. Tsy andoavana hajian-ketra ireny taratasy peta-drindrana ireny, nefa tsy maintsy kosa misy sosony atolotra mialoha araka ny voadidin' ny lalàna amin' ireo manam-pahefana tandrify izany na amin' ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany.

Tsy maintsy loko hafa ankoatra ny fotsy no anaovana azy ireny.

And. 6. — Ny fivoriana izay karakarain' ireo komity mpanohana dia tsy maintsy mifanaraka amin' ny fepetran-dalàna mikasika ny fivoriana ampahibemaso momba ny fividianana.

And. 7. — Hifarana ny 18 aogositra 1992 amin' ny fito ora ny fampielezan-kevitra amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka hatao ny 19 aogositra 1992.

And. 8. — Ny amin' ireo anton-javatra rehetra tsy voafehin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 tondroina etsy ambony, dia ampiharana ny hitsivolana jaharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny fizarana Avo momba ny Lalampnanorehana, ary koa ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982 nasiam-panovana, mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato.

And. 9. — Ny Minisitry ny Atitany no miadidy ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao izay, noho ny amehana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 entin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra zkapobe momba ny lalàna eto amin' ny firenena sy ny lalàna iraisam-pirenena-tsamihafa amin' ny fifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, dia manan-kery avy hatrany raha vantany vao ampahafatarina ny besinimaro amin' ny alàlan' ny fampielezam-peo na amin' ny alàlan' ny fanaovana azy peta-drindrana ankoatra ny famoahana azy ao amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 15 jolay 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Avy amin' ny Praiminisitra,
sady Lehiben' ny Governemanta:

Ny Minisitry ny Atitany,

Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

DECRET N° 92-705

relatif aux autorisations à faire campagne pour le référendum du mercredi 19 août 1992 en vue de l'adoption du projet de Constitution de la III^e République.

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution et la Convention du 31 octobre 1991.

Vu l'ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote, ensemble les textes qui l'ont modifiée ou complétée.

Vu l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle.

Vu l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution.

Vu la loi n° 90-031 du 21 décembre 1990 sur la communication;

Vu le décret n° 91-432 du 8 août 1991 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement.

Vu le décret n° 91-549 du 13 novembre 1991 portant nomination des membres du Gouvernement, modifié par le décret n° 91-614 du 19 décembre 1991 et le décret n° 92-369 du 18 mars 1992.

En conseil de Gouvernement.

Décrète:

Article premier. — Sont autorisés sur leur demande à faire campagne pour le référendum du 19 août 1992:

1^o Les associations régulièrement déclarées dont l'objet statutaire est de vocation économique, culturelle ou sociale;

2^o Les syndicats ou groupements syndicaux légalement constitués;

3^o Les partis ou organisations politiques légalement constitués et déclarés.

L'existence légale des associations, syndicats et partis ou organisations politiques est constatée à la date du décret de convocation des électeurs.

Art. 2. — Peut également être autorisé à faire campagne dans les conditions fixées à l'article 3 ci-dessous, tout groupement de personnes qui en fait régulièrement la demande.

Art. 3. — Les demandes d'autorisation à faire campagne pour le référendum du 19 août 1992 sont déposées auprès du président de la délégation spéciale du Fivondronampokontany dans le ressort territorial duquel les comités de soutien sont constitués. Le président de la délégation spéciale en délivre obligatoirement récépissé.

Si dans un délai de 72 heures, l'autorité ci-dessus n'a pas refusé d'accorder son autorisation, le récépissé vaut d'office autorisation à faire campagne.

Dans tous les cas, aucune demande d'autorisation ne sera plus recevable après le 14 août 1992 à minuit.

Art. 4. — Les associations, syndicats, partis politiques ou groupements de personnes autorisés à faire campagne, doivent se constituer dans chaque Fivondronampokontany en comités de soutien dont un comité de soutien pour l'ensemble des partisans de la réponse « OUI » et un comité de soutien pour l'ensemble des partisans de la réponse « NON ».

Art. 5. — Pendant toute la durée de la campagne dont l'ouverture est fixée le 19 juillet 1992 à partir de sept heures, les

comités de soutien autorisés à faire campagne, en application des dispositions des articles 1, 2 et 3 ci-dessus, peuvent apposer sur les emplacements prévus à cet effet :

- 1° une affiche dont le format maximum est 56 × 90 cm.
 - 2° une affichette destinée à annoncer la tenue de réunion.
- Ces comités de soutien peuvent également distribuer des tracts.

Les affiches ne sont pas soumises au droit de timbre, mais doivent faire l'objet d'un dépôt légal préalable auprès des autorités compétentes ou auprès du Président de la délégation spéciale du Fivondronampokontany.

Elles doivent être d'une couleur autre que le blanc.

Art. 6. — Les réunions organisées par les comités de soutien doivent se conformer aux dispositions légales relatives aux réunions électorales publiques.

Art. 7. — La campagne pour le référendum du 19 août 1992 sera clôturée le 18 août 1992 à sept heures.

Art. 8. — Sur tous les points qui n'auront pas été réglés par l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 susvisée, il est fait application de l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle, ainsi que l'ordonnance n° 82-016, modifiée, du 6 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote.

Art. 9. — Le Ministre de l'Intérieur est chargé de l'exécution du présent décret qui, en raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 6 de l'ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, entre immédiatement en vigueur, dès qu'il aura reçu une publication par émission radio-diffusée ou affichage indépendamment de son insertion au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 15 juillet 1992.

Guy Willy RAZANAMASY

Par le Premier Ministre
Chef du Gouvernement :

Le Ministre de l'Intérieur,

Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-92-706

mitohaina ny fitondrana karatra famantarana mandritra ny fotoana aharetan' ny fifidianana ho amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka izay hatoo ny alarobia 19 aogositra 1992 mba enti-mandany ny volavolan-dalampnanon' ny Repoblika faha-III.

Ny Praminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalampnanonana sy ny Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991, Araka ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982 mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato, miaraka amin' ireo rijan-teny izay nanova na nameno azy,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny Fitarana Avo momba ny Lalampnanonana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 mametra ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fitsapan-kevi-bahoaka mba enti-mandany ny volavolan-dalampnanonana,

Araka ny lalana laharana faha-90-031 tamin' ny 21 desambra 1990 momba ny fifandraisana,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-432 tamin' ny 8 aogositra 1991 manendry ny Praminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-549 tamin' ny 13 novambra 1991 manendry ireo mambra ao amin' ny Governemanta, novan' ny didim-panjakana laharana faha-91-614 tamin' ny 19 desambra 1991 sy ny didim-panjakana laharana faha-92-369 tamin' ny 18 marsa 1992,

Eo am-pivoriana ny Governemanta,

Dia mampoka izao didy izao :

Andininy voalohany. — Izao didim-panjakana izao no manoritra ny fomba fampiharana ireo fepetra ao amin' ny andininy faha-20 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 tondrina etsy ambony.

And. 2. — Mandritra ny fotoana aharetan' ny fandatsaham-bato, dia tsy maintsy mitondra karatra famantarana ireo mambra ao amin' ny biraom-pifidianana sy ireo solontena-delege ary ireo mpanara-maso nahazo fankatoavana.

Izany karatra famantarana izany dia ny Fanjakana no manome azy ireo ary mitovy endrika daholo izy ireo manerana ny Tanim-pirenena.

And. 3. — Ny karatra famantarana izay mirefy 120 milimetatra ny lavany ary 90 milimetatra ny sakany, no sady misy tsipika mitsivalana mitondra ny lokon' ny sainam-pirenena, dia atonta pirinty amin' ireto loko manaraka ireto, arakaraka ny anjara raharaha sahanina mandritra ny fifidianana :

- Mambra ao amin' ny biraom-fandatsaham-bato : loko maitso ;
- Solontena-delege : loko mavokely ;
- Mpanara-maso nankatoavina : loko mavo.

Ny manam-pahefana mahadidy mahatapaka hanome sy hanao sonia ny karatra famantarana, izay tsy maintsy mifanaraka amin' ireo modely atovana izao didim-panjakana ny filaharan-teny soratana ao anatin' ny fotoana izao avy :

— Ny filohan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana, ho an' ireo mpanara-maso vahiny hafa firenena sy iraisam-pirenena nankatoavina ;

— Ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Faritany ho an' ireo mpanara-maso teratany izay miasa ao amin' ireo Fivondronampokontany maromaro ao anatin' ny faritra iadidiany ;

— Ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany ho an' ireo mambra any amin' ny biraom-fandatsaham-bato sy ireo solontena-delege ary ireo mpanara-maso teratany nankatoavina ka miasa ao anatin' ny Fivondronampokontany iray.

And. 4. — Ny tsy fitondrana karatra famantarana dia mitarika, ho an' ireo tompon' andraikitra voalaza mazava eo amin' ny andininy faha-2, ny fandrarana azy ireo tsy hiditra ao amin' ny biraom-fandatsaham-bato izay lazainy fa hananany zo hisahanana ny asa aman-draharahan' izy ireo.

And. 5. — Ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fitantanambola ary ny Minisitry ny Tetibola sy ny Tetipivoarana no miadidy, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao, izay noho ny hamohana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 entin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalana eto amin' ny Firenena sy lalana iraisam-pirenena-tsamihafa amin' ny fifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, dia manan-kery avy hatrany raha vantany vao nampahatantarana ny besinimaro tamin' ny alalan' ny fampielezam-peo na tamin' ny fanaovana azy peta-drindrina ankoatra ny famoahana azy amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 15 jolay 1992.

Guy Willy RAZANAMASY

Avy amin' ny Praminisitra
sady Lehiben' ny Governemanta :

Ny Minisitry ny Atitany,

Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

Ny Minisitry ny Fitantanambola,

Evariste MARSON.

Ny Minisitry ny Tetibola sy ny Tetipivoarana,

Gérard RABEVOHITRA.

DECRET N° 92-706

relatif au port de badge pendant la durée du scrutin pour le référendum du mercredi 19 août 1992 en vue de l'adoption du projet de Constitution de la III^e République.

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution et la Convention du 31 octobre 1991,

Vu l'ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote, ensemble les textes qui l'ont modifiée ou complétée,

Vu l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle,

Vu l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution,

Vu la loi n° 90-031 du 21 décembre 1990 sur la communication,

Vu le décret n° 91-432 du 8 août 1991 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 91-549 du 13 novembre 1991 portant nomination des membres du Gouvernement, modifié par le décret n° 91-614 du 19 décembre 1991 et le décret n° 92-369 du 18 mars 1992,

en conseil de Gouvernement.

Décrète :

Article premier. — Le présent décret détermine les conditions d'application des dispositions de l'article 20 de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 susvisée.

Art. 2. — Les membres du bureau de vote, les représentants-délégués et les observateurs agréés doivent obligatoirement porter un badge pendant la durée du scrutin.

Ces badges sont fournis par l'Etat et sont identiques sur toute l'étendue du territoire.

Art. 3. — Le badge de format 120 mm X 90 mm, barré aux couleurs nationales, sera imprimé aux couleurs ci-après, en fonction des attributions exercées pendant le scrutin :

- Membres du bureau de vote : couleur verte ;
- Représentants-délégués : couleur rose ;
- Observateurs agréés : couleur jaune.

L'autorité habilitée à délivrer et à signer le badge dont la contenance doit être conforme aux modèles annexés au présent décret est :

— Le président du conseil national électoral, pour les observateurs étrangers et internationaux agréés ;

— Le président de la délégation spéciale du Faritany pour les observateurs nationaux opérant dans plusieurs Fivondronampokontany du ressort ;

— Le président de la délégation spéciale du Fivondronampokontany pour les membres du bureau de vote, les représentants-délégués et les observateurs nationaux agréés opérant à l'intérieur d'un Fivondronampokontany.

Art. 4. — Le défaut de port de badge pour les responsables stipulés à l'article 2 entraîne l'interdiction d'accès au bureau de vote dans lequel ils prétendent devoir exercer leurs fonctions.

Art. 5. — Le Ministre de l'Intérieur, le Ministre des Finances et le Ministre du Budget et du Plan sont chargés, chacun en ce qui le concerne de l'exécution du présent décret qui, en raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 6 de l'ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, entre immédiatement en vigueur, dès qu'il aura reçu une publication par émission radiodiffusée ou affichage, indépendamment de son insertion au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 15 juillet 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement :

Le Ministre de l'Intérieur,

Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

Le Ministre des Finances,

Evariste MARSON.

Le Ministre du Budget et du Plan,

Gérard RABEVOHITRA.

ANNEXE I

Badge pour les membres des bureaux de vote et les représentants-délégués

Carte n° /FIV/

(décret 92-706 du 15 juillet 1992)

REFERENDUM du 19 août 1992

M.
né(e) le à
inscrit sur la liste électorale sous le n° à
est autorisé(e) à exercer la fonction de (1)

délivrée le /92.

à
Le président de la délégation auprès du bureau de vote n°
spéciale du Fivondronampokontany-Fokontany
tany Firisampokontany

(1) Pour les représentants délégués et les assesseurs, préciser le comité de soutien d'appartenance.

Dimensions : 120 mm sur 90 mm.

ANNEXE II

Badge pour les observateurs agréés

CARTE N°

(décret 92-706 du 15 juillet 1992)

Photo
d'identité

REFERENDUM du 19 août 1992

M.
né(e) le à
N° pièce d'identité
est autorisé(e) à exercer la fonction d'OBSERVATEUR
délivrée le /92.
à
(cachet et signature de pour le compte de ONG
l'autorité de délivrance)

Dimensions : 120 mm sur 90 mm.

TENIMITA

Fisokajiany : Fifidianana.

Vaninandrony : 16 jolay 1992.

Laharana : 5518-MI/SGI/DAT/AP/ELECT.

Fiaviany : Minisiteran' ny Atitany.

Mpampiasa azy : Ireo filohan' ny delegasiona manokan' ny Faritany.

Filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany sy Firisampokontany.

Antonantony : Fitsapan-kevi-bahoaka momba ny handaniana ny volavolan-dalampnanorenana fampijoroana ny Repoblika faha-III.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-703 tamin' ny 15 jolay 1992, dia nantsoina mba handatsa-bato ny mpifidy amin' ny alarobia 19 aogositra 1992 manomboka amin' ny fito ora maraina, ka hilaza amin' ny alàlan' ny fitsapan-kevi-bahoaka izay heviny momba izao fanontaniana izao :

« Ekenao ve ity volavolan-dalampnanorenana aseho anao ity, izay anamafisana ny Firisampokontany sy anandratana ny Demokrasia amin' ny alàlan' ny fiarovana ny zo aman-kasin' ny olombelona sy ny olom-pirenena ary iantohana ny fahavitan-tena isam-paritra, mba hijoroan' ny Repoblika faha-III ? ».

Izao tenimita izao dia miantefa indrindra amin' ireo filohan' ny delegasiona manokan' ny Faritany, Fivondronampokontany sy Firisampokontany ary koa amin' ireo rehetra izay noho ny antony samihafa handray anjara amin' ny (fanomanana) fikarakaran-draharaha momba ny fitsapan-kevi-bahoaka amin' ny fandanianana ny volavolan-dalampnanorenana mba hijoroan' ny Repoblika faha-III

Tsiahiviny, ary dia soritany mazava, ny fepetra tokony hampijoroana ny fikarakaran-draharaha momba ny fitsapan-kevi-bahoaka hatao amin' ny alarobia 19 aogositra 1992.

Araka ny lohahevitra manaraka etoana no nandraiketana azy io :

- I. — Rijan-teny fampihatra amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka ;
- II. — Fanondroan' andron' ny fikarakaran-draharaha momba ny fitsapan-kevi-bahoaka ;
- III. — Fiantsoana ny mpifidy ;
- IV. — Lisitry ny mpifidy ;
- V. — Karatra sy valopy hampiasaina amin' ny fifidianana ;
- VI. — Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ;
- VII. — Fampielezan-kevitra ;
- VIII. — Fandaminana ny birao fandatsaham-bato sy fomba fiasany ;
- IX. — Andraikitra ny vaomieram-panjakana miandraikitra ny fanisam-bato sy fanambarana ny vokatra ny latsabato ;
- X. — Fifanolanana momba ny fifidianana ;

- XI. — Fanambarana ny vokatry ny latsabato;
 XII. — Fanangonana sy fampitana ny vokatry ny latsabato;
 XIII. — Fepetra samihafa.

I. — RIJAN-TENY FAMPIHATRA AMIN' NY
 FITSAPAN-KEVI-BAHOAKA.

— Lalampnanenana tamin' ny 31 desambra 1975 (tambaty ny didy aman-dalana ary fitsipika fampihatra amin' ny fifidianana);

— Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991;

— Hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982 mikasika ny zo handatsabato, miaraka amin' ireo rijan-teny taty aoriana nanovana na namenoana azy;

— Hitsivolana laharana faha-90-001 tamin' ny 9 marsa 1990 anaovana ny satam-pitondrana ankapobe ny antoko na fikambanana politika;

— Hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 amerana ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fitsapan-kevi-bahoaka mba handaniana ny volavolan-dalampnanenan' ny Repoblika faha-III;

— Didim-panjakana laharana faha-92-683 tamin' ny 13 jolay 1992 anaovana fitsipika mifehy ny fampiharana ny fepetra voalazan' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny fitsapan-kevi-bahoaka atao ny alarobia 19 aogositra 1992;

— Hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalampnanenana;

— Didim-panjakana laharana faha-92-685 tamin' ny 13 jolay 1992 mametra ny fandaminana ny filankevi-pirenena momba ny fifidianana sy ny fombafomba fampandehanan-draharaha ao aminy;

— Didim-panjakana laharana faha-92-703 tamin' ny 15 jolay 1992 iantsoana ny mpifidy handatsa-bato ho amin' ny fampisafidianam-bahoaka ny alarobia 19 aogositra 1992 sy mandidy ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy;

— Didim-panjakana laharana faha-92-704 tamin' ny 15 jolay 1992 manondro ny modelin' ny valopy sy ireo taratasin-datsa-bato hampiasaina amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka izay hatao ny alarobia 19 aogositra 1992;

— Didim-panjakana laharana faha-92-705 tamin' ny 15 jolay 1992 mikasika ny fanomezan-dalana hanao fampielezan-kevitra amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka izay hatao ny alarobia 19 aogositra 1992 mba handaniana ny volavolan-dalampnanenan' ny Repoblika faha-III;

— Didim-panjakana laharana faha-92-706 tamin' ny 15 jolay 1992 mikasika ny fitondrana karatra famantarana.

I. — FANONDROAN' ANDRON' NY FIKARAKARAN-DRAHARAHA
 MOMBA NY FITSAPAN-KEVI-BAHOAKA

Ny fe-potbana hanatanterahan-draharaha sasantsasany momba ny fitsapan-kevi-bahoaka atao ny alarobia 19 aogositra 1992 dia voasoritry ny fanondroan' andro mitovana amin' ity.

Tsy maintsy hajaina antsakany sy andavany ireny fe-potoana ireny.

III. — FIANTSOANA NY MPIFIDY

Ny didim-panjakana laharana faha-92-703 tamin' ny 15 jolay 1992 iantsoana ny mpifidy handatsa-bato ho amin' ny fampisafidianam-bahoaka ny alarobia 19 aogositra 1992 dia avoaka an' amin' ity *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika ity, laharana faha-2128 tamin' ny 16 jolay 1992

Isy maintsy atao peta-drindrins ao amin' ny biraon' ny Faritany sy Fivondronampokontany ary na aiza na aiza ilana izany izy io.

Ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Faritany sy Fivondronampokontany no tompon' andraikitra amin' izany fanaovana peta-drindrina izany farany izay haingana indrindra ary na manao ahoana na toa inona alohan' ny fisokafan' ny fampielezan-kevitra.

IV. — LISITRY NY MPIFIDY

Ampiasaina amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka hatao ny alarobia 19 aogositra 1992 ireo lisitry ny mpifidy noraiketina araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-3 hatramin' ny faha-24 amin' ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982.

Ny lisitry ny mpifidy amin' ny Fivondronampokontany dia nohavaozina araka ny fepetra voalazan' ny andininy 17 hatramin' ny 22 amin' ny hitsivolana laharana faha-82-016' eto ambony ary tokony ho faranan' ny vaomieram-panjakana alohan' ny fanavaozana manokana soritan' ny andininy faha-4 amin' ny didim-panjakana

laharana faha-92-703 tamin' ny 15 jolay 1992 iantsoana ny mpifidy handatsa-bato.

Araka ny fepetra ao amin' ny andininy faha-5 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 amerana ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny fitsapan-kevi-bahoaka mba handaniana ny volavolan-dalampnanenan' ny Repoblika faha-III, dia hisy ny fanavaozana manokana ny lisitry ny mpifidy ao anatin' ny valo amby efapolo ora aorian' ny famoahana amin' ny fomba ofisialy ny didim-panjakana fiantsoana ny mpifidy handatsa-bato.

Amin' izany dia ampahatsiahivina ta:

1. Anisan' ny mpitidy ny olom-pirenena malagasy lahy sy vavy tsy misy avakavaka, feno 18 taona katroka amin' ny vaninandro ny latsabato izany hoe teraka talohan' ny 19 aogositra 1974 raha toa izy ireo tsy iharan' ny fepetra voalazan' ny andininy faha-2 amin' ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982. Mpifidy ihany koa ireo izay teraka tokony na tamin' ny taona 1974 nefa tsy voatondro mazava ny vaninandro nahaterahany;

2. Ny fanoratana mpifidy iray ao anaty lisi-pifidianan' ny Fivondronampokontany iray dia miankina amin' ny fisoratan' anaran' io mpifidy io ao amin' ny rejisitra fanisam-bahoakan' ny Fokontany iray ao anatiny;

3. Ny fepetra momba ny fiorenem-ponenana maharitra enimbolana takian' ny lalana fehizoro laharana faha-3 dia nofoanana tamin' ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1992;

4. Ny miaramila dia mpifidy toa ireo olom-pirenena hafa

5. Ny tsy nahavoasoratra anarana tamin' ny fanompoam-pirenena dia tsy misakana ny fisoratana ao amin' ny lisi-pifidianan' ny toeram-ponenana nahazatra indrindra (*zahao* and. faha-4 amin' ny hitsivolana laharana faha-82-016);

6. Tokony ho voasoratra anarana ao amin' ny lisi-pifidianan' ny toeram-ponenany ireo mpianatra mahafeno ny fepetra momba ny fe-taona izay mandranto fianarana ivelan' ny misy ny fonenany hatramin' ny vaninandron' ny 19 aogositra 1992.

Andefasana fampilazana tsy misy hatak' andro ny momba ny fonenany any amin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany;

7. Ny vahiny nampizakaina ny zom-pirenena dia tsy afa-mifidy raha tsy dimy taona aty aorian' ny didim-panjakana nampizakaina azy ny zom-pirenena, afa-tsy raha misy fanapahana manohitra izany tapaky ny didim-panjakana natao teo am-pivorian' ny Governemanta. Ireo fepetra ahazoany mifidy dia feran' ny andininy faha-37 hatramin' ny faha-39 ao amin' ny Fehezan-dalana momba ny zom-pirenena malagasy;

8. Ny antonantony mahatonga fahaverezan-jo hifidy ka noho izany mitarika ny fikosehan' anarana ao amin' ny lisi-pifidianana na ny tsy fahafaha-misoratra anarana ao dia voasoritry ny andininy faha-2 amin' ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey tondroina etsy ambony;

9. Ny fitarainana mikasika ny fisoratana anarana amin' ny lisi-pifidianana dia azo atao am-bava na an-tsoratra ao amin' ny biraon' ny Fivondronampokontany na Firaisampokontany ho an' ny Fivondronampokontanan' Antananarivo Renivohitra ka anomezana tapakila haharaisana azy ary tsarain' ny vaomiera manokana najoro ho amin' izany ao anatin' ny fe-potoana telo andro.

Raha misy fanoherana ny fanapahana nataon' io vaomiera io dia akarina avy hatrany eo amin' ny Fitsarana ambaratonga voalohany na Sampam-pitsarana ny fitarainana ka raha eto indrindra dia ny ankatoky ny andron' ny latsabato no amoahany didim-pitsarana;

10. Dimy andro alohan' ny vaninandron' ny latsabato, izany hoe ny 14 aogositra 1992 no hamaranana ny fanavaozana manokana ny lisi-pifidianana;

11. Didim-pitsarana ahazo-mifidy: Azo atao ny manome didim-pitsarana ahazo-mifidy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-683 tamin' ny 13 jolay 1992, raha eto indrindra ny andro ankatoky ny latsabato;

12. Hisy tabilao fanitsiana ahitana izay niampy na miala tao amin' ny lisi-pifidianana hatramin' ny fanavaozana azy isan-taona voasoritry ny andininy faha-17 amin' ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982, ary avoakan' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany efatra andro katroka mialohan' ny vaninandron' ny latsabato izay ampahafantarina na aiza na aiza ilana izany, araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-5, faha-6 ary faha-14 amin' io hitsivolana io ihany.

V. — KARATRA SY VALOPY AMPIASAINA AMIN' NY FIFIDIANANA

A. — Kara-pifidianana:

Ny mpifidy tsirairay dia samy manana kara-pifidianana omen ny Fanjakana mba ho fanamarinana ny zony handatsa-bato sy fisoratany anarana ao amin' ny lisi-pifidianana.

Tsy dia ilaina noho izany amin' ny fandatsaham-bato ny tampi-
-miraka miaraka aminy ny karapanondrom-pirenena. Na izany aza, raha misy fisalasalana ny amin' ilay mpifidy dia azon' ity farany atao, raha ilaina, ny manamarina ny momba azy, na amin' ny alàlan' ny vavolombelona na amin' ny fampisehoana izay rehetra kara-pamantarana any aminy (karapanondrom-pirenena, pasipaoro, fahazoan-dalana hamily fiarakodia, karatra mahampianatra, sns.).

Ny modelin' ny kara-pifidianana manan-kery dia ilay noferan' ny didim-panjakana laharana faha-82-251 tamin' ny 27 mey 1982.

Raha very ny karatra dia tsy maintsy manao fanambarana ny fahaverezany amin' ny filohan' ny komitim-paritra miadidy ny fandiampahalemana ao an-toerana amin' ny Fokontany misy azy ilay mpifidy ary mangataka amin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany hanome solony iray ho azy alohan' ny andro manovana ny latsabato.

Ho an' ireo mpifidy vaovao, ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany na ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Firaisampokontany ho an' Antananarivo-Renivohitra dia tsy maintsy mampanao ara-potoana ny kara-pifidianana sy mampanome ireny, azy ireo amin' ny alàlan' ny filoha sy ny mpikambana ao amin' ny komiti' ny fandiampahalemana ao an-toerana amin' ny Fokontany misy azy ka anaovany sonia izany.

Tsy maintsy misy ny fiandrasan-draharaha ao amin' ny biraon' ny Fokontany hatramin' ny enina ora hariva ankatoky ny latsabato, ahazoana mizara ny kara-pifidianana.

Marihina fa na amin' inona na amin' inona (fandravonana na fanavaozana ny lisi-pifidianana) dia tsy maintsy atao ny fanamboarana kara-pifidianana vaovao izay homena ny mpifidy araka ny fepetra soritan' ny lalàna.

Ny karatra tsy voatolotra ny tompony dia tana ho azon' ny mpifidy voakasika alaina ao amin' ny biraon' ny Fokontany ny androtrany ny fifidianana.

Ny mpifidy rehetra voasoratra ao amin' ny lisi-pifidianana dia manana zo handray anjara amin' ny fandatsaham-bato. Raha tsy manana ny kara-pifidianany na ny solony izy, raha tsy fantatry ny mpikambana ao amin' ny biraon' ny fandatsaham-bato, dia ampy ny fanamarinana ny momba azy amin' ny alàlan' ny fampisehoana kara-panondro (karapanondrom-pirenena, fahazoan-dalana hamily fiarakodia, sns.).

Ny androtrany ny latsabato, ny mpifidy voasoratra anarana ara-dalàna ao amin' ny lisi-pifidianana kanefa tsy hita ao amin' ny kopian' izany lisitra izany ny anarany dia manan-jo ho toloran' ny manampahefana ara-pitondrana tompon' andraikitra eo no ho eo avy hatrany, taratasy fanamarinana zary manaporofa ny zony.

Izany fanamarinana ara-panjakana izany izay tsy maintsy ahitana ny 'laharan' ny karatry ny mpifidy tompony, ny anarana, fanampin' anarana, fonenana dia hotanan' ny filohan' ny biraom-pifidianana, rehefa voazaha fototra fa nandatsa-bato ilay voakasiny, mba hatovana ny fitanan-tsoratra momba ny vokatry ny latabato.

Ny mpiasam-panjakana, mpitandro filaminana, miaramila ao amin' ny tafika na zandarimariam-pirenena am-panatontosana iraka dia afa-mandray anjara amin' ny latsabato rehefa mampi-seho amin' ny biraom-pifidianana amin' ilay toerana anatontosany iraka ny baiko hanatontosana iraka sy ny karatra maha-mpifidy azy.

B. — Valopy ampiasaina amin' ny fifidianana

Ilay valopy taloha mirefy 145 × 115 milimetatra dia tsy ho azo ampiasaina intsony amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka atao amin' ny alarobia 19 aogositra 1992. Tsy maintsy angonina izy ireny ary tehirizina amin-toerana azo antoka.

Ny modelin' ny valopy hampiasaina dia feran' ny didim-panjakana laharana faha-92-704 tamin' ny 15 jolay 1992. Ny refiny dia 110 mm × 155.

Farafaraina amin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany ny hampianaovany ny fanangonana ny fanisana ary ny fitehirizana ireny valopy ireny mba hampiasaina indray.

Nefa, raha noho ny antony tsy azo anoharana ka tsy ampy na izany aza ny isan' ny valopy ara-dalàna, dia azo soloina izy ireny aminà valopy hafa mitovy tantana izay hāsiana ny fitombokase boriborin' ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana voakasika. Atao ny fanamarihana izany fanoloana izany ao amin' ny fitanan-tsoratra momba ny raharaha-pifidianana ary atao mitovana aminy ny dimy (5) amin' ireo valopy nampiasaina.

VI. — FILANKEVI-PIRENENA MOMBA NY FIFIDIANANA

Ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no miandraikitra ny fanaraha-maso ny raharaha rehetra atao hampizotra tsara ny fitsapan-kevi-bahoaka amin' ny alarobia 19 aogositra 1992 mba handaniana ny Lalampianorenan' ny Repoblika faha-III sy ny fitsinjaram araka ny rariny sy hitsiny ny anjaram-pitenenana ao amin' ny radio sy ny televiziona ho an' ireo mpiandany amin' ny valin-teny «ENY» sy ho an' ireo mpiandany amin' ny valin-teny «TSIA».

Izy no miantoka ny fahamarinan' ny latsabato tsy azo lavina sy ny fizotran' ny latsabato araka ny hitsiny ka amin' izany dia tompon' andraikitra izy eo anatrehan' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta.

Ny didim-panjakana laharana faha-92-685 tamin' ny 13 jolay 1992 no mametra ny fandaminana sy ny fombafomba fampandehanan-draharahan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

Araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-22 amin' ny didim-panjakana voatsiahy eto ambony, eo amin' ny ambaratongan' ny lafin-tany iadidiany dia ireo delegasiona manokana any amin' ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana no zary ho loharanom-baovao ho an' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana. Araka izany dia tsy maintsy manao fifandaminana amin' izy samy izy ireo delegasiona manokana mba hampandre ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana, ho fampahafantarana azy ity, ny amin' ireo zava-manoin-tsoratra rehetra sy izay fepetra rehetra noraisina mba hiantohana ny fizotran' ny asa fanatanterahana ny fampisafidianam-bahoaka.

Araka ny voalazan' ny andininy faha-17 amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-685 voalaza etsy aloha, dia ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no manome ny fankatoavana ireo fikambanana tsy miankina amin' ny Fanjakana (ONG) maniry handray anjara amin' ny fanabeazana ho olom-pirenena tia tanindrazana ny mpifidy amin' ny fanaraha-maso ireo asa atao ho fanatanterahana ny fampisafidianam-bahoaka.

Ireo sampan-draharaha mahefa momba izany ao amin' ny minisiteran' ny Atitany no mandinika ireo antontan-taratasy fanomezam-pankatoavana.

Na izany aza anefa, ireo fanapahana raisin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana dia mety azo akarina ho tsarain' ny rantsana mitsara ny ady ifanolanana amin' ny Fanjakana any amin' ny-Fitsarana tampony. Ity farany no manapaka, amin' ny fomba faran' izay haingana indrindra, ny amin' ireo fitarainana alefa hodinihany.

VII. — FAMPIELEZAN-KEVITRA

Ny didim-panjakana laharana faha-92-705 tamin' ny 15 jolay 1992 no manoritra ny fepetra sy ny fombafomba arahina ary ny fe-potoana fanomezan-dalana hanao fampielezan-kevitra amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka izay hatao ny alarobia 19 aogositra 1992 mba handaniana ny volavolan-dalampianorenan' ny Repoblika faha-III.

Ny fampielezan-kevitra dia misokatra amin' ny 19 jolay 1992 manomboka amin' ny 7 ora maraina ary mifarana ny 18 aogositra amin' ny 7 ora maraina. Ny fampielezan-kevitra, na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona, aty aloha sy aorian' io fe-potoana voatondro eto ambony io, dia fanaovana hosoka amin' ny didy amam-pitsipika momba ny fampielezan-kevitra, mety iharan' ny sazy voatondron' ny andininy faha-80 amin' ny hitsivolana nasiam-panovana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982.

Izany fandravana izany dia tsy mahakasika ny fampitan' ny Fitondram-panjakana amin' ny Vahoaka ny vaovao sy fanazava-zavana teknika fotsiny ihany mikasika ny fampizorana araka ny tokony ho izy ny fandatsaham-bato amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka

Omen-dalana, araka ny fangatahana ataony, hanao fampielezan-kevitra amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka ny 19 aogositra 1992:

1. ireo fikambanana nanaovana fanambarana ara-dalàna ka ny zava-kendren' ny fitsipi-pitondrany dia miompana amin' ny lafiny fiharian-karena, momba ny kolontsaina sy ny sosialy;

2. ireo sendikà na fivondronan' ny sendikà mijoro ara-dalàna;
3. ireo antoko na fikambanana politika miorina ara-dalàna no sady efa nanaovana fanambarana.

Amin' ny vaninandro entin' ny didim-panjakana manaika ny mpifidy no anamarinam-pototra ny fisian' ireo fikambanana sendikà ary antoko sy fikambanana politika eo anatrehan' ny lalàna.

Azo omen-dàlana hanao fampielezan-kevitra ihany koa, araka ny voalazan' ny fepetra tondroin' ny andininy faha-3 amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-705 tamin' ny 15 jolay 1992 izay rehetra fivondronan' olona na fitambaran' olona manao fangatahana ara-dalàna momba izany. Io andininy io no mametra ny paika arahina amin' ny fametrahana sy fanadihadiana momba ny fangatahana fanomezan-dàlana hanao fampielezan-kevitra.

Ny andininy faha-4 amin' io didim-panjakana laharana faha-92-705 io dia manoritra fa ireo fikambanana, sendikà, antoko politika na fivondronan' olona na fitambaran' olona omen-dàlana hanao fampielezan-kevitra dia tsy maintsy mijoro ho komity mpanohana ao anatin' ny Fivondronampokontany tsirairay avy, ka komity mpanohana ao anatin' ny Fivondronampokontany tsirairay avy, ka komity mpanohana iray ho an' ny fitambaran' ireo mpomba ny valin-teny «ENY» ary komity mpanohana iray ho an' ny fitambaran' ireo mpankasitrika ny valin-teny «TSIA».

Ny fijoroan' ny komity mpanohana maintsy dia ahafahan' ity farany manendry ny solontenany-delege ao amin' ny biraom-pifidianana.

Mandritra ny fotoana aharetan' ny fampielezan-kevitra dia voarara ny fanaovana fitokonana ofisialy.

Peta-drindrina - tenimita ary trakitra: Mandritra ny fotoam-paharetan' ny fampielezan-kevitra, ny komity mpanohana nomen-dàlana hanao fampielezan-kevitra dia afa-mampametaka eny an' ireo toerana voatokana ho amin' izany:

1. peta-drindrina mirefy 56 sm × 90 raha be indrindra;
2. peta-drindrina kelikely ampahafantarana fivoriana.

Amin' izany, ety ivelan' ny fidirana mankao amin' ny biraom-fandatsaham-bato dia tsy maintsy asiana ho talaky mason' ny besinimaro takela-by na hazo fanaovana peta-drindrina.

Ireo tompon' andraikitra ao amin' ny Fivondronampokontany dia tokony handray ny fepetra ilaina amin' ny fanamboarana ireny toerana ireny, vantany vao voatondro amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Faritany ny hisy ny biraom-fandatsaham-bato. Ny toerana manara-drindrina sy ny takela-by na hazo dia tsy maintsy atao mitovy tantana ny haavony ka amin' izay ireo peta-drindrina andraikitra eny dia ho mora vakiana. Na manao ahoana na toy inona izy ireny dia hiloko hafa noho ny fotsy ho an' ireo manana fanomezan-dàlana hanao fampielezan-kevitra.

Ny takelaka fanaovana peta-drindrina ho an' ny besinimaro dia hisy fizarana telo mira refy ary voatokana:

1. ho an' ny peta-drindrina ofisialy;
2. ho an' ny fitambaramben' ny mpomba ny «ENY»;
3. ho an' ny fitambaramben' ny mpomba ny «TSIA».

Ny velarana voatokana ho an' ny fizarana isanisany dia tsy maintsy mirefy farafahakeliny 1,20 m × 1,20 m. Ny mampisaraka azy ireo dia soritra vita amin' ny loko fotsy na zavatra hafa rehetra taza-maso.

Ny komity mpanohana isanisany mijoro ara-dalàna dia afaka mizara trakitra ihany koa. Ny peta-drindrina dia tsy voatery asiana hafia kanefa kosa tsy maintsy atao ny fametrahana ara-dalàna azy mialoha ny amin' ireo manampahefana mahafa na any amin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany. Tsy maintsy hanana loko hafa noho ny fotsy izy ireny. Ny fivoriana karakarain' ny komity mpanohana dia tsy ampifanarahana amin' ny voalazan' ny lalàna mikasika ny fivoriana ampahibemaso momba ny fifidianana. Tsy azo atao ny manao fivoriana eny amin' ny lalam-bahoaka, na eny amin' ny tsena, na any amin' ny trano fiangonana, na any amin' ny toeram-piasana na any amin' ny tranom-panjakana na koa any amin' ny toeram-ponenan' ny miaramila.

Na izany aza dia azon' ny filohan' ny delegasiona manokana voakasika atao ny mandrava na mampiato azy ireny raha voatohintohina ny filaminam-bahoaka. Raha ilaina dia miara-mikaroka

amin' ny solontenan' ny komity mpanohana ity farany izay hampielanelana ny fotoana ivoriana arakaraka ny toerana mba hialana amin' ny mety ho fifandonana amin' ireo mpomba ny alin-teny tsirairay avy.

Na ahoana na ahoana dia andraikity ny komity mpanohana:

- ny mitandro ny filaminam-bahoaka;
- ny misakana ny fandikana ny didy aman-dalàna;
- ny mandrara ny fanaovana kabary manohintohina ny filaminam-bahoaka, ny fomba amam-panao mendrika, ny firaisampirenena sy-ny haja amam-boninahiny.

Ankoatra izany dia ny Fanjakana no miantoka ny lany amin' ny fanontana ny taratasin-datsabato sy ny fandefasana ireny hatrany amin' ny biraom-fandatsaham-bato miaraka amin' ny valopy sy izay ilaina amin' ny latsabato raha ela indrindra ny 16 aogositra 1992. Na ahoana na ahoana, ny tompon' andraikitra amin' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany, Firaisampokontany ary ny komitim-paritra miadidy ny Fandriampahalemana dia tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra ilaina ahazoa-manolotra ireo taratasin-draharaha sy kojakojan' ny fandatsaham-bato amin' ny mpikambana ao amin' ny biraom-pifidianana sy alohan' ny ora isokafan' ny latsabato. Ny modely sy ny zava-boarakity ny taratasin-datsabato dia feran' ny didim-panjakana laharana faha-92-704 tamin' ny 15 jolay 1992.

Noho izany dia tokony ho soritana mazava fa araka ny voalazan' ny andininy faha-46 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992, ireo izay ho nampiasa fanerena na ho nanararaotra ny fahefana ananan' izy ireo hanakatsakanana ny fizotry ny fitsapan-kevi-bahoaka araka ny tokony ho izy dia mety iharan' ny sazy voatondron' ny andininy faha-81 amin' ny hitsivolana nasiam-panovana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982.

Mba ahazoany manao famelabelarana ny heviny, ny komity mpanohana isanisany dia omena raha tiany, fandaharana manokana amin' ny radio-televiziona mandritra ny adiny iray raha be indrindra.

Amin' izany izy dia manatona mivantana ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana miandraikitra ny fitsinjarana ny fotoana ahazoana miteny ao amin' ny radio sy ny televiziona voalazan' ny andininy faha-13 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992. Toy ny amin' ny fomba ny fitaovana hafa ampiasaina amin' ny fampielezan-kevitra, ny mpiteny dia tsy maintsy manaja ny firaisampirenena, ny filaminam-bahoaka, ny fomba amam-panao mendrika, ny haja amam-boninahitra ary ny fifanajana. Na manao ahoana na toy inona ny fampielezan-kevitra amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka dia tokony anjakan' ny fifanajana sy ny fihavanana, tsy amoahana fitenenana lian' ady sy mamoa-fady.

VIII. — FANDAMINANA SY FOMBA FIASAN' NY BIRAO FANDATSAHAM-BATO

A. — Famaritana ny biraom-fandatsaham-bato.

Ny lisitry ny biraom-fandatsaham-bato sy ny toerany misy azy ireo dia hofaritan' ny didim-pitondrana ataon' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Faritany, enina amin' ny folo andro ahay mialoha ny vaninandro anaovana ny fandatsaham-bato. Io didim-pitondrana io dia tsy maintsy avoaka sy ampahafantarina ny mpifidy amin' ny fomba rehetra mety anaovana izany.

Izay fanovana rehetra atao amin' io lisitra io sy io toerana io, izay biraom-vaovao rehetra na izay toerana vaovao misy biraom-fandatsaham-bato dia tsy maintsy anaovana didim-pitondrana fanitsiana izay raisina efitra amby roapolo ora ahay mialoha ny andro anaovana ny latsabato ary ampahafantarina ny besinimaro amin' ny fomba rehetra.

Ny ora fisokafan' ny fandatsaham-bato sy amaranana azy dia faritan' ny didim-panjakana laharana faha-92-703 tamin' ny 15 jolay 1992 (andininy voalohany sy faha-2).

Tsiahivina fa ny trano fivavahana, ny tranon' olon-tsotra ary ny toeram-ponenan' ny miaramila dia tsy azo ampiasaina ho biraom-fandatsaham-bato.

Raha toa ka tsy misy tranom-panjakana azo atao biraom-pifidianana ao amin' ny Fokontany na raha vao niharam-pahasimbana ny hany tranom-panjakana ao ka tsy azo ampiasaina na dia natokana ho amin' izany aza dia manondro tranon' olon-tsotra iray

hatao biraom-pifidianana ny filohan' ny delegasiona manokana ao amin' ny Fivondronampokontany rehefa nampandrenesin' ny komitimid-paritra miadidy ny Fandriampahalemana ary manao tatitra momba izany amin' ny Faritany izy.

Noho ny antony manokana sy noho ny fahasahiranana-dehibe atrehina amin' ny fifaterana ny vokatry ny fifidianana, ny biraom-pifidianan' ny Fokontany iray dia azo atao ao amin' ny faritra na ao amin' ny renivohitry ny Fokontany iray hafa kanefa ny Fokontany roa na maromaro isanisany voakasika dia samy manana avy ny biraom-pifidianany.

B. — Ny olona anisan' ny biraom-pifidianana

Ny biraom-pifidianana dia misy filoha iray, filoha-lefitra iray, mpitsara mpanampy efatra ary mpitan-tsoratra iray. Io farany io dia fakan-kevitra fotsiny ihany amin' ny fifampidinihan' ny biraom.

Ny mambra ao amin' ny biraom-pifidianana dia mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra, voasoratra ao amin' ny lisi-pifidianan' ny Fokontany.

Ny filoha, ny filoha-lefitra ary ny mpitan-tsoratra dia tendren' ny Fivoriamben' ny Fokontany nivory manokana momba izany raha vantany vao mivoaka ny didim-panjakana manaika ny mpifidy. Ny fanendrena dia amarinin' ny fanapahana ataon' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany. Na izany aza anefa, raha mihitsoka ny paika arahina amin' ny fanendrena voalaza etsy ambony, na noho ny tsy fisian' ny mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra izany na raha tsy azo ny isa trararina ilaina mba hampanan-kery ny fanapahana raisin' ny Fivoriamben' ny Fokontany araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-29 (vaovao) andalana voalohany entin' ny hitsivolana laharana faha-76-044 tamin' ny 27 desambra 1976 mametra ny fitsipika mikasika ny fandaminana ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ny fomba fiasany ary ny anjara raharahany, ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany na raha tsy izany ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Firaisampokontany dia manendry olona hafa mahafeno ny fepetra takiana sy monina ao amin' ny fari-piadianan' ny Fivondronampokontany valo andro ahay mialoha ny vaninandro anaovana ny fandatsaham-bato.

Ny asa aman-draharahan' ny mpitsara mpanampy dia iandraiketana ny solontenan' ny komity mpanohana mijoro ara-dalana sy nahazo alàlana hanao fampielezan-kevitra amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka. Ny mpitsara mpanampy dia tsinjara ka atao mitovy ny isany eo amin' ireo izay nanao fampielezan-kevitra ho an' ny valinteny « ENY » sy ireo izay nanindrahindra ny valinteny « TSiA ». Ny fanendrena sy ny fanambarana ny fampahafantarana azy ireo dia atao araka ny fepetra mitovy amin' ny an' ny solontena-delege, voalaza ao amin' ny andininy faha-3 amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-683 tamin' ny 13 jolay 1992.

Raha miharihary fa tsy mahomby ny komity mpanohana, ny fanendrena ny mpitsara mpanampy dia ataon' ny filohan' ny biraom-pifidianana amin' ireo mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra, manatrika ny fisokafan' ny fandatsaham-bato. Homarihina izany ao amin' ny fitanana an-tsoratra ny raharaham-pifidianana. Raha toa ka latsaka ny efatra ny isan' ny mpitsara mpanampy manatrika eo, ny filohan' ny biraom-pifidianana dia manendry, raha ilaina izany, mpifidy iray na maromaro mahay mamaky teny sy manoratra ka voasoratra ao amin' ny lisi-pifidianana mba hanao ny asan' ny mpitsara mpanampy.

D. — Solontena-delege.

Marihina fa tsy mambra ao amin' ny biraom-pifidianana ny solontena-delege. Izy io dia mpifidy voasoratra ao amin' ny lisi-pifidianan' ny Fivondronampokontany na Firaisampokontany amin' izay mikasika ny Fivondronampokontanin' Antananarivo-Renivohitra ary notendren' ny komity mpanohana tsirairay avy voalazan' ny andininy faha-26 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992.

Ny anjara asan' ny solontena-delege tompon-toerana na mpisolo toerana dia ny fanaraha-maso ny raharaham-pifidianana rehetra, ny fisarihana ny taratasin-datsabato ary ny fanisana ny vato isaky ny biraom-pifidianana tondroina fa hanaovany ny asa nanirahana azy mbamin' ny fampianoratanana ao amin' ny fitanana an-tsoratra izay soniaviny ny fanamarihana rehetra, fanoharana na fitsipahana mikasika ireo raharaha ireo na aty aloha izany na aorian' ny famoahana ny vokatra ny latsabato ao amin' io biraom-pifidianana io.

Ny solontena-delege tompon-toerana sy ny solontena-delege mpisolo toerana dia tsy mahazo miara-manatrika eo.

Azony atao ny mifidy ao amin' ny biraom-pifidianana izay anatanterahany ny asany amin' ny maha-solontena-delege azy.

Raha ilaina dia ampiana ao amin' ny lisitra fanamarihan-tsonia ao amin' io biraom-pifidianana io miaraka amin' ny laharana entin' ny kara-pifidianany sy ny fanondroana marina ny biraom-pifidianany ny filazalazana mikasika azy ireo araka ny fepetra soritan' ny andininy faha-28 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992.

Ny fanendren' ny komity mpanohana tsirairay avy solontena-delege tompon-toerana iray sy solontena-delege mpisolo toerana iray dia tsy maintsy ampahafantarana mivantana ny filohan' ny biraom-pifidianana alohan' ny fisokafan' ny fandatsaham-bato. Ao anatin' dia tsy maintsy misy ny anarany sy fanampin' anarany, ny vaninandro sy toerana nahaterahany, ny fonenany, ny laharana, vaninandro ary toerana nanomezana ny karapanondrom-pireneny, ny tahazoan-dalana hamily fiarakodia na ny pasipaorony, ny laharana entin' ny kara-pifidianany sy fanondroana mazava ny biraom-pifidianany, ny fanondroana marina ny biraom-pifidianana izay nahazoany fahefana hanaovany ny asany.

Ny fampahafantarana izay vita sosony roa amin' ny taratasy tsotra tsy misy hajian-keira dia tsy maintsy soniavin' ilay olona manana fahefana haniraka ilay solontena-delege sv ny mpisolo toerana azy.

Ny sonia amin' ny fanomezam-pahefana sy ny an' ny nomem-pahefana tsirairay avy dia tsy maintsy amarinin' ny filoha na ny filoha-lefitry ny delegasiona manokan' ny Firaisampokontany. Maimaim-poana ny fanamarinana ny sonia.

Ny sosony faharoa amin' ny fampahafantarana dia atolotryny mpanome ranerana ny solontena-delege mivantana ary manankery ho taratasy ara-dalana ahazoana misahana ny asa nanirahana azy tsy ilana fombafomba hafa.

Io taratasy fanamarinana io dia tsy maintsy aseho ny filohan' ny biraom-pifidianana ary izany dia marihina ao amin' ny fitanana an-tsoratra ny raharaham-pifidianana.

Na inona na inona fisehoan-javatra dia iantohana ny zon' ireo solontena-delege ary azo antoka ny fisoloany tena ny komity mpanohana isanisany any amin' ny biraom fandatsaham-bato raha vao entiny ny fanambarana ny fampahafantarana ara-dalana sy araka ny tokony ho izy nomen' ny komity mpanohana izay soloan' izy ireo tena.

Raha toa ka misy fandroahana na tsy fahafahan' ny solontena-delege tompon-toerana dia ny solontena-delege mpisolo toerana no antsoina avy hatrany mba hisolo azy.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny mpanome fahefana avy amin' ny komity mpanohana manana ny taratasy ara-dalana nomena araka ny andininy faha-9 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 9 jolay 1992 dia mahazo manendry solontena-delege iray vaovao mandritra ny fotoana rehetra handatsaham-bato mba hiantoka ny fisoloana ny tenany raha sendra voaroaka na azon-tsampona ireo solontena-delege notinendry tany am-boalohany. Io fanendrena io, izay lazaina am-bava amin' ny filohan' ny biraom-pifidianana dia homarihina ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha mikasika ny latsabato ary tsy maintsy misy ireo filazalazana voatondron' ny andininy faha-28 entin' ny hitsivolana voalaza etsy ambony.

Na oviana na oviana, ny tsy maha-eo ny solontena-delege iray dia tsy ahazoana mampiato velively ny fizotran' io raharaham-pifidianana na tsy zary ho lasa antony anafanana ireo raharaha ireo na inona na inona antony.

E. — Fikambanana tsy miankina amin' ny Fitondram-panjakana.

Ankoatra izany, ireo fikambanana tsy miankina amin' ny Fitondram-panjakana (na avy eto amin' ny Firenena izy ireny na vahiny na iraisam-pirenena) izay ny fanandratana hatrany ny zon' ny mpifidy handatsa-bato no asa sahaniny dia azo omena alàlana, araka ny fanapahana ataon' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana mba hanara-maso ny firaisampokontany ny raharaham-pifidianana hatrany amin' ny fandefasana ilàlana ny fitanana an-tsoratra mankany amin' ny filohan' ny vaomiera mpanisa ankapobe ny vato sy any amin' ny fiandraiketana-tsoratra ny Fitarana Avo momba ny Lalampnorenana. Araka izany dia manendry mpanara-maso izy ireo izay voafetra amin' ny ankapo-

beny, ho telo ny isany raha be indrindra mba hisolo azy ireo ao amin' ny birao fandatsaham-bato. Amin' izany rehetra izany, ireo mpanara-maso nekena hanao ny asany dia tsy maintsy manaja ny fepetra raketin' ny «Dinan' ny Fanabeazana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana sy fanaraha-maso ny fampisafidianam-bahoaka» mitovana amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992.

Ny mpanara-maso tsirairay avy dia tsy maintsy mampiseho amin' ny filohan' ny biraom-pifidianana ny taratasy fanamarinana avy amin' ny fikambanana nihaviany ka misy mazava ny sonian' ilay mpanome fahefana azy sy ny an' ny nomem-pahefana. Ny taratasy fanamarinana dia tsy maintsy ahitana, ankoatra ny voto-atin' ny iraka nampanaovina azy, ireto fanondroana manaraka ireto:

- ny anarana sy fanampin' anarana;
- ny vaninandro sy ny toerana nahaterahana;
- ny fonenana;
- ny fanondroana ny fikambanana sy ny adiresy misy ny foiben-toerany;
- ny laharana ny vaninandro ary ny toerana nanomezana ny karapanondrom-pirenena ho an' ny mpanara-maso teratany na ny pasipaoro ho an' ny mpanara-maso vahiny;
- ny fanondroana marina ny na ireo birao fandatsaham-bato izay hanaovany ny asany;
- ny laharana entin' ny kara-pifidianana sy ny fanondroana marina ny birao andatsahany vato ho an' ny mpanara-maso teratany.

Asiana filazana izany ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ny raharaham-pifidianana ireo miaraka amin' ny fanamarihana rehetra ataon' ny mpanara-maso tsirairay avy.

Ankoatra izany, ny mpanara-maso tsirairay tonga manatrika eo amin' ny fotoana fanisam-bato dia manan-jo amin' ny nanomezana azy sosony iray tamin' ny fitanana an-tsoratra.

Ny mpanara-maso teratany dia mahazo mandatsa-bato ao amin' ny biraom-pifidianana izay nanirahana azy hanaovany ny asany. Eo amin' io toe-javatra io, dia ampiana ao anatin' ny lisitra fanamarihan-tsonian' ilay biraom-pifidianana miaraka amin' ny laharana entin' ny kara-pifidianany sy ny filazana mazava ny birao andatsahany vato izay tian-ko fantatra momba azy araka ireo fanondroana voafaritea tsara ao amin' ny andininy faha-33 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992. Asiana fanamarihana momba izany ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaham-pifidianana.

E. — Fizotry ny latsabato

Ny fizotry ny latsabato dia feheziny ny andininy faha-21 sy faha-22 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992. Amin' ny fanavaozana lehibe nentina amin' ny raharaha mikasika ny fitsapan-kevi-bahoaka dia misy:

— ny fametahana ny sonian' ny mpifidy tsirairay ao amin' ny lisitra fanamarinan-tsonia rehefa avy nanatsofoka ny valopy ao anatin' ny vata fandatsaham-bato izy na ny lavo-tondrony no apetany raha tsy mahay manoratra izy ka tovanana ny sonian' ny mambra iray ao amin' ny birao fandatsaham-bato (jereo andininy faha-22 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-012 tamin' ny 8 jolay 1992);

— ny fombafomba tsy maintsy arahin' ny mpandatsa-bato tsirairay, izay asian' ny mambra ao amin' ny birao marika amin' ny ranomainty tsy maty vonoina ny ankihiben-tanany havia alohan' ny handaozany ny birao mba hisorohana dieny mialoha ny latsabato miverimberina imbetsaka.

F. — Fanisam-bato.

Raha vao ambaran' ny filohan' ny birao fandatsaham-bato fa mifarana ny latsabato dia ataon' avy hatrany ny fanisana ny vato.

Ny raharaha momba izany dia taritan' ny andininy faha-8 ka hatramin' ny faha-12 ao amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-683 tamin' ny 13 jolay 1992 anaovana fitsipika mifehy ny fampiharana ny fepetra voalazan' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992.

Na izany aza anefa, tsiahivina fa ny andraikitra ny birao fandatsaham-bato dia ny manao ny fanisana ny vato azo, ny fanambarana azy ireo ary ny famaranana ny isan' ny vato azo avy amin' ny valin-teny tsirairay.

Ny vokatra noforanan' ny birao fandatsaham-bato dia tsy raikitra sady tsy ofisialy. Ny fanisana ny vato sy ny fanambarana ny vato azo amin' ny valin-teny tsirairay dia atolotra hohamarinin' ny vaomiera miandraikitra ny fanisam-bato. Ny fanambarana ny vato azo amin' ny valin-teny tsirairay isaky ny Fivondronampokontany dia miankina amin' io vaomiera io.

Ny fanambarana ofisialy ny vokatra dia ataon' ny Fitarana Avo momba ny Lalampnanenana.

G. — Fitondrana ny karatra famantarana.

Ny didim-panjakana laharana faha-92-706 tamin' ny 15 jolay 1992 no manoritra ny fepetra fampiharana ny voalazan' ny andininy faha-20 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny fitondrana ny karatra famantarana mandritra ny fotoana aharetan' ny latsabato amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka amin' ny 19 aogositra 1991.

Ny mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato, ny solontena-delege ary ny mpanara-maso nomen-dalana dia tsy maintsy mitondra karatra famantarana mandritra ny andron' ny latsabato.

Ny karatra famantarana, omen' ny Fanjakana, mirefy 120 X 90 mm, voatsipika mitsivalana amin' ny lokon' ny sainampirenena dia ho:

— loko mitso ho an' ny mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato;

— loko mavokely ho an' ny solontena-delege;

— loko mavo ho an' ny mpanara-maso nankatoavina.

Ny manam-pahefana afaka manome sy manao sonia ny karatra famantarana dia:

— Ny filohan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ho an' ny mpanara-maso vahiny sy iraisam-pirenena nankatoavina;

— Ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Faritany ho an' ireo mpanara-maso teratany manao ny asany any amin' ny Fivondronampokontany maromaro ao amin' ny faritra iadidiy;

— Ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany ho an' ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato sy ireo solontena-delege ary ireo mpanara-maso teratany manao ny asany ao anatin' ny Fivondronampokontany iray.

Ny tsy fitondrana karatra famantarana ho an' ny tompon' andraikitra voalaza etsy ambony, dia mitarika ny fandrarana azy ireo tsy hiditra ao amin' ny birao fandatsaham-bato izay heveriny ho tsy maintsy anaovany ny asany.

IX. — ANDRAIKITRY NY VAOMIERAM-PANJAKANA MIANDRAIKITRA NY FANISAM-BATO

A. — Fampitana ny vokatra any amin' ny vaomiera mpanisa vato

Ny vokatra ny fitsapan-kevi-bahoaka azo any amin' ny Fivondronampokontany tsirairay dia isaina imasom-bahoaka ary ny vaomiera mpanisa vato miasa ao amin' ny renivohitr' io Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana io no manao izany. Raha vao fantatra ny vokatra isaky ny birao fandatsaham-bato, ny filohany sy ny an' ny komitim-paritra momba ny fandiampahalemana ao amin' ny Fokontany dia tsy maintsy manao izay handefašana avy hatrany, anaty valopy mihidy ary amin' ny fomba haingana indrindra any amin' ny filohan' io vaomiera io, ny antontan-taratasy rehetra tsy misy avakavaka izay nampiasaina tamin' ny raharahan' ny fitsapan-kevi-bahoaka.

B. — Anisan' ny vaomiera mpanisa vato

Ny ao amin' ny vaomiera mpanisa vato dia:

— Mpitsara iray tendrena amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny Mpitahiry ny kasem-panjakana sady Minisitry ny Fitarana, Filoha;

— Mambra telo avy amin' ny delgasiona manokan' ny Fivondronampokontany sy mpiasam-panjakana telo, samy tendrena amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny Minisitry ny Atitany avokoa.

D. — Andraikitra

Ny vaomiera mpanisa vato dia manao ny fitanisana ny taratasy firaketana nalefan' ny birao fandatsaham-bato tsirairay avy ary manamarina ny fahamarinan' ny fanisana tao anatiny

Tsy maintsy misy fepetra horaisina mba hahafahany manao ny asany isaky ny maharany ny valopy mihidy izay nalefan' ireo birao fandatsaham-bato ny vaomiera.

Ny vaomiera dia mivory araka ny fanaikan' ny filohany azy, ao amin' ny toerana izay nomen' ny Fanjakana hampiasainy.

Tsy maintsy manomboka mivory ny vaomiera raha vantany vao nifarana ny latsabato noferana ho amin' ny 6 ora hariva.

Ny andraikiny dia ny manamarina:

— ny ao anat'ny ny valopy mihidy avy any amin' ny birao fandatsaham-bato.

— ny kajy samihafa nataon' ny birao fandatsaham-bato;

— ny taratasin-datsabato nambara fa tsy manan-kery sy fotsy avy amin' ny birao fandatsaham-bato;

— ny taratasin-datsabato na valopy notsipahina.

Noho ny tsy fahafahany manao ny fanarenana na ny fanitsiana ny vokatra, ny vaomiera dia mandefa ny fizaham-pototra nataony, indrindra ireo fahadisoana na ireo izay mivaona amin' ny laoniny tsapany isaky ny birao fandatsaham-bato.

Manana fe-potoana 24 ora izy manomboka amin' ny fandraisana ny valopy farany mihidy avy amin' ireo birao fandatsaham-bato mba hamaranany ny asany sy handraiketany:

— ny tontalin' ny isan' ny mpifidy voasoratra;

— ny tontalin' ny isan' ny mpandatsa-bato;

— ny isan' ny taratasin-datsabato totsy na tsy manan-kery;

— ny tontalin' ny isan' ny vato manan-kery ara-dalàna;

— ny isan' ny vato manan-kery azon' ny valin-teny tsirairay.

Ny vaomiera mpanisa vato dia mandefa ny fitanana an-tsoratra ny asa vitany amin' ny fomba haingana indrindra any amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalamporenana miaraka amin' ireo taratasy firaketana ny mikasika ny fifidianana izay azony avy amin' ny birao fandatsaham-bato tsirairay, ary mandefa any amin' Fiadidiana ny Repoblika, any amin' ny Fahefana Avo eto amin' ny Firenena, any amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalamporenana, any amin' ny Governemanta, any amin' ny Filan-kevipireneña momba ny fifidianana, any amin' ny minisiteran' ny Atitany ary any amin' ny Faritany, tatitra amin' ny alàlan' ny fampilazana alefa radio na amin' ny alàlan' ny telegrama manondro ny vokatra farany ary koa ny vaninandro sy ora ary fomba fandefasana any amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalamporenana ireo taratasy firaketana ny mikasika ny fifidianana.

Ny vaomiera dia mandefa ihany koa any amin' ny minisiteran' ny Atitany sy any amin' ny Filankevipireneña momba ny fifidianana sosony iray amin' ny fitanana an-tsoratra ny asa vitany.

Mba tsy hisian' ny an-kinafafina, ny sosony iray amin' io fitanana an-tsoratra io dia atao peta-drindrina eo ivelan' ny biraon' ny vaomiera mpanisa vato ka ny filohany no mikarakara izany.

Io fampitana io dia tsy maintsy atao amin' ny fomba haingana indrindra, eo ambany fiandraiketan' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany sy ny Faritany avy.

X. — FIFANOLANANA MOMBA NY FIFIDIANANA

Tandrifim-pahefan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalamporenana ny fifanolanana momba ny fifidianana. Ny Fitsarana Avo momba ny Lalamporenana no mpitsara tsy azo akarina intsony ny amin' izay rehetra fangataham-pitsarana ny fifanolanana momba ny fitsapan-kevi-bahoaka.

Ny mpifidy rehetra voasoratra ara-dalàna ao amin' ny lisi-pifidianana ampiasaina ho an' ny fitsapan-kevi-bahoaka dia manan-jo hanao fitarainana sy hanohitra ny fahalavorarian' ny asam-pifidianana.

Manana fe-potoana folo andro katroka izy hampakatra any amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalamporenana ny fangataham-pitsarana ny fifanolanana atao araka ny fepetra sy fomba tondroin' ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992, mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalamporenana.

Io fangataham-pitsarana io dia azo ampidirina:

— na avy hatrany dia apetraka any amin' ny Fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalamporenana, izay hanome ny mpanolotra tapakila eo no ho eo;

— na alefa ka atao an-taratasy tsy very mandeha any amin' ny Fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalamporenana, ka noho izany, ny rosian' ny taratasy tsy very mandeha no zary tapakila. Ny mpangataka dia afaka mampandre any amin' ny Fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny

Lalamporenana, amin' ny fomba haingana indrindra, ny vaninandro mandefasany ny taratasy nataony tsy very mandeha;

— na apetraka ao amin' ny Fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana ambaratonga voalohany na ny sampam-pitsarana misy ny toerana anaovana ny latsabato na ny fonenan' ny mpangataka, ka nono izany, ny Fiandraiketan-draharaha voakasika no manome tapakila eo no ho eo ary mandefa ny fangataham-pitsarana amin' ny fomba haingana indrindra any amin' ny Fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalamporenana.

XI. — FANAMBARANA NY VOKATRY NY LATSABATO

Ny fanambarana amin' ny fomba ofisialy ny vokatry ny fitsapan-kevi-bahoaka dia feheziny ny andininy faha-42 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8 jolay 1992.

XII. — FANANGONANA SY FAMPITANA NY VOKATRY NY LATSABATO

Ho fampiharana ny fepetra voalazan' ny andininy faha-12 ao amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-683 tamin' ny 13 jolay 1992, ny birao fandatsaham-bato dia tsy maintsy manao ny fitanana an-tsoratra momba ny raharahan' ny fitsapan-kevi-bahoaka ka atao efatra sosona, ny sosony iray dia hatao peta-drindrina avy hatrany ao ivelan' ny birao fandatsaham-bato, ny sosony faharoa momba ny fitanana an-tsoratra ary koa ny taratasy firaketana rehetra tsy misy avakavaka (lisi-pifidianana voasonia, taratasin-datsabato tsy manan-kery, valopy sy taratasin-datsabato notsipahina misy ny sonian' ny mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato ary koa ireo taratasin-panamarihana nosoniavin' ny mpanisavato sy ny solontena-delege) izay niasa tamin' ny raharahan' ny fitsapan-kevi-bahoaka, dia halefa ao anaty valopy mihidy amin' ny fomba haingana indrindra ka ny filohan' ny birao fandatsaham-bato no hikarakara izany, ary ny an' ny komitim-paritra momba ny fandiampahalemana ao amin' ny Fokontany dia ny filohan' ny vaomiera mpanisa vato miasa ao amin' ny renivohitry ny Fivondronampokontany — ny sosony fahatelo amin' ny fitanana an-tsoratra dia alefa mivantana any amin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany ho anisan' ireo tantsofatrelany — ny sosony fahefatra amin' ny fitanana an-tsoratra dia apetraka ao amin' ny firaketan-tsoratra ny delegasiona manokan' ny Firisampokontany mba hatao peta-drindrina miaraka amin' ireo vokatry ny latsabato miankina amin' ny fari-piadiadiany.

Ankoatra izany, dia manan-jo ny hanomezana azy sosony iray amin' ny fitanana an-tsoratra ny raharaha natao momba ny fampisafidianam-bahoaka, ny solontena-delege tsirairay sy ny mpanara-maso tsirairay nahazo fankatoavana hisahana ny andraikiny ka tonga niatrika teo tamin' ny fotoana nanaovana ny fisariham-bato.

Sarihina ny sain' ireo filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Faritany, Fivondronampokontany, Firisampokontany sy ireo filohan' ny komitim-paritra miadidy ny fandiampahalemana any amin' ny Fokontany fa izy ireo no tompon' andraikitra amin' ny fampitana amin' ny fomba faran' izay haingana indrindra ny vokatry ny fitsapan-kevi-bahoaka any amin' ny vaomiera mian-draikitra ny fanisam-bato.

Noho izany dia anjarany ny mandray ny fepetra rehetra ilaina amin' ny fotoana tokony ilàna izany.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Faritany dia tokony hanendry solontena iray ho ao amin' ny vaomieram-panjakana isanisan' io solontena io no hiandraikitra miaraka amin' ireo filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany anisan' ny amin' ny fanangonana sy ny fampitana ny vokatra, indrindra ny amin' ny birao fandatsaham-bato any amin' ny vaomiera miandraikitra ny fanisam-bato ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalamporenana.

Zakain' ny fandaniana iraisan' ny minisitera ao amin' ny tetibolam-panjakana ankapobe natokana ho amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka, ny saram-pifindran-toerana momba izany.

Avy amin' ny soson' ny fitanana an-tsoratra izay nalefa ho azy, ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany dia tsy maintsy mandefa, isaky ny adin' ny telo, tatitra amin' ny alàlan' ny fampilazana alefa radio an' ny polisy na an' ny zandarimaria na amin' ny alàlan' ny telegrama, araka ny modely eto ambany, ny tambatry ny vokatra azo, any amin' ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Fahefana Avo eto amin' ny Fanjakana,

ny Governemanta, ny minisiteran' ny Atitany, ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ary ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Faritany.

Ohatra: Andefasana: PRDM — HAE — PM: — MININTER — CNE Antananarivo — Faritany Mahajanga.

Laharam-pahamehana maika indrindra — Fivondronampokontany, Kandreho Stop Biraom-pifidianana folo amin' ny iraka amby roapolo Stop Telopolo sy roanjato sy efatra arivo voasoratra anarana Stop Folo sy roanjato sy efatra arivo tonga nifidy Stop Enina vato fotsy sy tsy manan-kery Stop Efatra sy roanjato sy efatra arivo vato manan-kery Stop Vato azon' ny valin' ny tsirairay Stop ENY dimy amby efapolo amby zato sy telo arivo Stop TSIA sivy amby dimampolo sy arivo Stop Alefa any amin' ny PRESI REP, HAE, PM, MININTER, CNE ANTANA, PDS FAR MAHAJANGA Stop Fin PDS FIV.

XIII. — FEPETRA SAMIHAFI

Aorian' ny telegrama farany momba ny vokatra rehetra, ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany tsirairay dia mandefa aty amiko sosony roa mitovy ny tabilaon' ny vokatra rehetra isaky ny biraom-pifidianana arahina tatitra voafintina momba ny fizotry ny fitambaran' ny raharaha atao amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka.

Ny fivarotana, ny fizarana ary ny fisotroana izay rehetra zava-pisotro misy arikaola-eny amin' ireo toerana falehan' ny besinimaro dia voarara manerana ny Tanim-pirenena, ny ankatoky ny andron' ny fandatsaham-bato manomboka amin' ny 12 ora antoandro sy ny andro anaovana ny latsabato.

Na izany aza, mandritra io fotoana io, ny zava-pisotro mahasalama dia azo aroso any amin' ny trano fisakafoana manana fahazoan-dalana amin' izany, amin' ny ora fisakafoana mahazatra: manomboka amin' ny 12 ora antoandro ka hatramin' ny 2 ora tolakandro, ary manomboka amin' ny 6 ora hariva ka hatramin' ny 9 ora alina.

Handray ny fepetra rehetra ilaina ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany sy ny Firaisampokontany mba hanangona, hanisa ary hitahiry amin' ny toerana azo antoka aorian' ny raharaha mikasika ny fitsapan-kevi-bahoaka, ny valopy sy ny fitaovana ampiasaina amin' ny fifidianana.

Ny andro anaovana ny fandatsaham-bato sy ny andro manarakā, dia hiandraikitra ny fiandrasan-draharaha ny ao amin' ny minisiteran' ny Atitany sy ny any amin' ny biraon' ny Faritany sy ny Fivondronampokontany.

Ny Ministry ny Atitany,

Colonel RABOTOARISON Charles Sylvain

Fanondroan' andron' ny fikarakaran-draharaha momba ny fitsapan-kevi-bahoaka amin' ny alarobia 19 aogositra 1992

Vaninandro	Isan' ny andro mialohan' ny andro fandatsaham-bato	Fampahatsiahivana ny rijan-teny	Raharaha atao
15-7-92	A-34	A. — Fiantsoana ny mpifidy And. faha-4 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8-7-92: vaninandro farany amin' ny famoahana ny didim-panjakana momba ny fiantsoana.	— Didim-panjakana laharana faha-92-703 tamin' ny 15-7-1992 miantso ny mpifidy.
21-7-92	A — 28 48 ora aorian' ny didim-panjakana momba ny fiantsoana.	B. — Fanavaozana manokana ny lisitry ny mpifidy — And. 5 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8-7-92; — And. 22, andalana faha-2 amin' ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6-5-82; — And. 4 amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-703 tamin' ny 15-7-92; — And. 22 amin' ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6-5-82.	— Fisokafan' ny fari-potoana vaovao amin' ny fanavaozana ny lisi-pifidianana.
15-8-92	A-4 Efatr' andro katroka alohan' ny fandatsaham-bato.	— And. 5 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8-7-92; — And. 5, andalana farany amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8-7-92.	— Fifaranan' ny fari-potoana vaovao amin' ny fanavaozana ny lisi-pifidianana. — Fe-potoana farany amin' ny famoahana ny tabilao momba ny fanitsiana ny lisi-pifidianana nohavozina.
3-8-92	A-16	D. — Famerana ny lisitra sy ny toerana misy ny biraom fandatsaham-bato — And. 39 amin' ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6-5-92; — And. 4 amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-683 tamin' ny 13-7-92 anaovana fitsipika mifehy ny fepetra fampiharana ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8-7-92.	— Fe-potoana farany amerana ny lisitra sy ny toerana misy ny biraom-pifidianana
19-7-92	A-30	E. — Fampielezan-kevitra And. 6, amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8-7-92.	— Fisokafan' ny fampielezan-kevitra.
18-8-92	A-1 24 ora alohan' ny fisokafan' ny fandatsaham-bato.	And. 6 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8-7-92.	— Fifaranan' ny fampielezan-kevitra.
18-8-92	A-1 Manomboka amin' ny sasakalina	And. 19 amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-683 tamin' ny 13-7-92.	— Fankatonana ny fivarotana zava-pisotro rehetra araka ny didim-pitondrana nataon' ny Ministry ny Atitany.

Vanina-aro	Isan' ny andro mialohan' ny fandatsaham-bato		
19-7-92	A-30	F. — <i>Fanendrena ireo mambra ao amin' ny biraom-fandatsaham-bato</i> And. 18 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-019 tamin' ny 8-7-92.	Fiantsoana fivoriambem-pokontany ho fanendrena ny filoha, filoha-lefitra ary sekreteran' ny biraom-fandatsaham-bato, raha vantany vao mivoaka ho fantatry ny besinimaro ny didim-panjakana anai-kana ny mpifidy.
11-8-92	A-8	And. 5 amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-683 tamin' ny 13-7-92.	Fe-potoana farany ho an' ny filohan' ny delegasiona manokana ao amin' ny Fivondronampokontany na ny Firaisampokontany hanendrena olon-kafa izay mahafeno ny fepetra takiana mba ho isan' ny mambra ao amin' ny biraom-fandatsaham-bato, raha hitany miharihary fa tsy misy vokany ny Fivoriambe nataon' ny Fokontany.
19-8-92	A-0	G. — <i>Fandatsaham-bato</i> Andininy voalohan' amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-703 tamin' ny 15-7-92.	Andro fandatsaham-bato.

Calendrier des opérations électorales pour le référendum du 19 août 1992

Dates	Nombre de jours précédant le jour du scrutin.	Référence aux textes	Opérations
15-7-92	J-34	A. — <i>Convocation des électeurs</i> — Art. 4 de l'ordonnance n° 92-019 du 8-7-92 date limite pour la publication du décret de convocation.	— Décret n° 92-703 du 15-7-1992 portant convocation des électeurs.
21-7-92	J-28 48 h après décret de convocation	B. — <i>Révision spéciale de la liste électorale</i> — Art. 5 de l'ordonnance n° 92-019 du 8-7-92 ; — Art. 22, alinéa 2 de l'ordonnance n° 82-016 du 6-5-82 ; — Art. 4 du décret n° 92-703 du 15-7-92 ; — Art. 22 de l'ordonnance n° 82-016 du 6-5-82.	— Ouverture de la nouvelle période de révision de la liste électorale. — Clôture de la nouvelle période de révision de la liste électorale.
15-8-92 3-8-92	J-4 4 jours francs avant scrutin.	— Art. 5 de l'ordonnance n° 92-019 du 8-7-92 ; — Art. 6 dernier alinéa de l'ordonnance n° 92-019 du 8-7-92.	— Dernier délai pour la publication du tableau de rectification à la liste électorale révisée.
19-7-92 18-8-92	J-30 J-1 24 h avant l'ouverture du scrutin	C. — <i>Fixation liste et emplacement bureau de vote</i> — Art. 39 de l'ordonnance n° 82-016 du 6-5-82 ; — Art. 4 du décret n° 92-683 du 13-7-92 réglant les conditions d'application de l'ordonnance n° 92-019 du 8-7-92.	— Dernier délai pour la fixation liste et emplacement des bureaux de vote.
18-8-92	J-1 à partir de 24 h.	D. — <i>Campagne électorale</i> Art. 6 de l'ordonnance n° 92-019 du 8-7-92. Art. 6 de l'ordonnance n° 92-019 du 8-7-92.	— Ouverture de la campagne électorale. — Fermeture de la campagne électorale.
19-7-92	J-30	— Art. 18 du décret n° 92-683 du 13-7-92.	— Fermeture de tous les débits de boissons par arrêté du Ministre de l'Intérieur.
11-8-92	J-8	E. — <i>Désignation des membres des bureaux de vote</i> — Art. 18 de l'ordonnance n° 92-019 du 8-7-92.	— Convocation de l'assemblée générale du Fokontany dès la publication du décret de convocation des électeurs pour la désignation du président, du vice-président et du secrétaire du bureau de vote.
19-8-92	J-0	Art. 5 du décret n° 92-683 du 13-7-92 F. — <i>Scrutin</i> Article premier du décret n° 92-703 du 15-7-92.	— Dernier délai pour le président de la délégation spéciale du Fivondronampokontany ou du Firaisampokontany pour désigner en cas de carence manifeste de l'Assemblée générale du Fokontany, d'autres personnes remplissant les conditions requises pour être membres du bureau de vote. — Jour du scrutin.

CIRCULAIRE

Classement : Elections

Date : 16 juillet 1992

Numéro : 5 518-MI/SGI/DAT/AP/ELECT.

Origine : Ministère de l'Intérieur.

Utilisateurs : Présidents de la délégation spéciale des Faritany ;
Présidents de la délégation spéciale des Fivondronampokontany et des Firaisampokontany.Objet : Référendum pour l'adoption du projet de Constitution de la III^e République.

Par décret n° 92-703 du 15 juillet 1992, les électeurs sont convoqués aux urnes le mercredi 19 août 1992 à partir de sept heures, à l'effet de se prononcer par voie de référendum sur la question suivante :

« Acceptez-vous le projet de Constitution ci-joint, raffermissant l'Unité nationale, prônant la Démocratie par la protection des droits de l'homme et du citoyen et garantissant l'autonomie des régions, pour l'avènement de la III^e République? ».

La présente circulaire s'adresse principalement aux présidents de la délégation spéciale des Faritany, des Fivondronampokontany et des Firaisampokontany ainsi qu'à tous ceux qui, à un titre quelconque, auront à participer à l'organisation des opérations du référendum pour l'adoption du projet de Constitution de la III^e République.

Elle rappelle, en les précisant, les conditions dans lesquelles doivent se dérouler les opérations du référendum du mercredi 19 août 1992.

Elle a été rédigée selon le sommaire suivant :

- I. — Textes applicables au référendum ;
- II. — Calendrier des opérations du référendum ;
- III. — Convocation des électeurs ;
- IV. — Liste électorale ;
- V. — Cartes et enveloppes électorales ;
- VI. — Conseil national électoral ;
- VII. — Campagne électorale ;
- VIII. — Organisation et fonctionnement des bureaux de vote ;
- IX. — Rôle de la commission administrative de recensement matériel des votes et proclamation des résultats ;
- X. — Contentieux électoral ;
- XI. — Proclamation des résultats ;
- XII. — Centralisation et transmission des résultats ;
- XIII. — Dispositions diverses.

I. — TEXTES APPLICABLES AU REFERENDUM

— Constitution du 31 décembre 1975 (recueil officiel des lois et règlements applicables en matière d'élections) ;

— Convention du 31 octobre 1991 ;

— Ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982 relative à l'exercice du droit de vote, ensemble les textes subséquents qui l'ont modifiée ou complétée ;

— Ordonnance n° 90-001 du 9 mars 1990 portant régime général des partis ou organisations politiques ;

— Ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption du projet de Constitution de la III^e République ;

— Décret n° 92-683 du 13 juillet 1992 réglant les conditions d'application de l'ordonnance n° 92-019 du 8 juillet 1992 relative au référendum du mercredi 19 août 1992 ;

— Ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle ;

— Décret n° 92-685 du 13 juillet 1992 fixant l'organisation et les modalités de fonctionnement du conseil national électoral (CNE) ;

— Décret n° 92-703 du 15 juillet 1992 portant convocation des électeurs pour le référendum du mercredi 19 août 1992 et prescrivant la révision des listes électorales ;

— Décret n° 92-704 du 15 juillet 1992 fixant le modèle de l'enveloppe et des bulletins de vote à utiliser pour le référendum du 19 août 1992 ;

— Décret n° 92-705 du 15 juillet 1992 relatif aux autorisations à faire campagne pour le référendum du mercredi 19 août 1992.

— Décret n° 92-706 du 15 juillet 1992 relatif au port de badge.

II. — CALENDRIER DES OPERATIONS DU REFERENDUM

Les délais impartis pour l'exécution de certaines opérations se rapportant au référendum du mercredi 19 août 1992 sont indiqués dans le calendrier joint en annexe.

Ces délais doivent être scrupuleusement observés.

III. — CONVOCATION DES ELECTEURS

Le décret n° 92-703 du 15 juillet 1992 portant convocation des électeurs pour le référendum du mercredi 19 août 1992 est publié au *Journal officiel* de la République n° 2 128 du 16 juillet 1992.

Il devra être affiché aux bureaux des Faritany, des Fivondronampokontany, et partout où besoin sera.

Cet affichage devra être opéré sous la responsabilité des présidents de la délégation spéciale des Faritany et Fivondronampokontany le plus rapidement possible et en tout cas avant l'ouverture de la campagne électorale.

IV. — LISTE ELECTORALE

Les listes électorales établies dans les conditions prévues aux articles 3 à 24 de l'ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982 sont utilisées pour le référendum du mercredi 19 août 1992.

La liste électorale du Fivondronampokontany a été révisée conformément aux dispositions des articles 17 à 22 de l'ordonnance n° 82-016 susvisée et devra être arrêté par la commission administrative avant la révision spéciale prévue par l'article 4 du décret n° 92-703 du 15 juillet 1992 portant convocation des électeurs.

Conformément aux dispositions de l'article 5 de l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 fixant les règles relatives à l'organisation du référendum pour l'adoption de la Constitution de la III^e République, il sera procédé à une révision spéciale des listes électorales quarante-huit heures après la publication officielle du décret de convocation des électeurs.

A ce propos, il est rappelé que :

1° Sont électeurs, sous réserve de ne pas tomber sous le coup des dispositions de l'article 2 de l'ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982, les citoyens malgaches sans distinction de sexe, âgés de 18 ans accomplis à la date du scrutin, c'est-à-dire nés avant le 19 août 1974. Ceux qui sont nés vers ou en 1974 sans précision de date sont également électeurs ;

2° L'inscription d'un électeur sur la liste électorale d'un Fivondronampokontany est subordonnée à l'inscription de cet électeur au registre de recensement d'un Fokontany composant ;

3° La condition de résidence de 6 mois exigée sous l'empire de la loi organique n° 3 est abrogée par ordonnance n° 82-016 du 6 mai 1982 ;

4° Les militaires sont électeurs dans les mêmes conditions que les autres citoyens ;

5° L'absence résultant du service national n'empêche pas l'inscription sur la liste électorale de la résidence principale (cf. art. 4 de l'ord. n° 82-016) ;

